# NY FANJAKAN'NY LANITRA



# <u>TENY FANOLORANA SY FISAORANA</u>

Amin'izao fahavitan'ity boky izay mitondra lohateny hoe "**Ny Fanjakan'ny lanitra**" ity izao dia ampifaliana sy amim-panetren-tena tanteraka no entiko misaotra an'i Allâh izay Andriamanitra Mahefa ny zavadrehetra, noho ireo fahasoavana maro be tsy voatanisa avy Aminy.

Isaorana ireo Olomasina Ahlol-Bayt (as) rehetra amin'ireo fitahiana sy tari-dàlana nentin'izy ireo.

Isaorana ireo fianakaviana izay nitondra fanampiana sy fanohanana.

Isaorana ny fianakaviamben'ny "**Institut Islamique de Madagascar**" (**INISMA**), indrindra moa fa ny "**Fakhro al-Moballighîne**", ilay "**Reharahan'ireo mpanao tabligh**", Marhomo al-hadj ROSHAN Jamil (*Fifalian'Andriamanitra anie ho eo aminy*) izay nandefa anay nianatra tamin'ny taona 1985 sady nanampy sy niaro anay. Rehefa niverina avy nianatra moa izaho dia nanao asa fanasoavana ny Jamate Khoja nandritra ny folo taona tany amin'ny toerana maro samihafa. Avy eo izaho dia nantsoin'ny Marhomo Tonton ROSHAN Jamil (*Fifalian'Andriamanitra anie ho eo aminy*) mba hanao asa fanasoavana ao amin'ny fikambanana INISMA tamin'ny taona 2006, na dia nisy aza olona sasany izay tsy nankasitraka no sady tsy faly tamin'ny nahatongavanay tato amin'ny fikambanana. Fa kosa ireo mpikambana tao amin'ny INISMA izay nankahery sy nitazona ahy ka nahatonga ahy mbola tafajanona nanohy

hatrany ilay asa fanasoavana nandritra izay taona maro izay dia tolorako fisaorana manokana.

Fisaorana koa no atolotra ho an'ny sekoly ara-pinoana "**Hawzah al-Ahlil-Bayt (as)**" izay nahazoako tombony amin'ny fandefasana ny "Thawâb al-Jâriyah" na ny vatsy ho an'ny fiainana any ankoatra.

Isaorana koa ry zareo Jamate Khoja ao Toamasina tamin'ny fiantsoana ahy nanao asa fanasoavana tao amin'izy ireo, fa tamin'izany indrindra no nahafahako namita hatramin'ny farany an'ity boky ity, satria na dia efa nanana fikasana hatramin'ny ela aza aho mba hanoratra an'ity boky ity, dia tsy tanteraka izany raha tsy nohon'ny fandehanako tao Toamasina, ka nahazoako fotoana nanapitra ny fanoratana azy ity, izay vita soratra hatramin'ny farany tamin'ny andro Zoma faha-18 Martsa 2022, mifanandrify amin'ny daty islamika faha-15 Sha'abân 1443H.

Isaorana manokana ihany koa ny samâhato sheikh al-hadj Tehsîn izay nanampy tamin'ny famoahana an'ity boky ity sy ny sheikh R. Saïd Ali izay nanao ny asa fanoratana, sy ny sheikh Saïd Hassan tamin'ny fampihaingoana an-tsary sy ny fandrafetana azy; ary ireo izay rehetra nanampy sy nanome soso-kevitra na ankolaka izany na mivantana, izay tsy ho voatanisa eto avokoa ny anaran'izy ireo dia tolorana ihany koa fisaorana lehibe.

Koa isika rehetra ato amin'ny fianakaviamben'ny INISMA sy ny ankohonantsika tsirairay dia miara-manolotra an'ity boky ity ho fanomezana (na hadiyah) ho an'ilay Mpanavotra, ny Imâmo faha-12 al-Mahdî (as)

sy ho vatsy ara-panahy ihany koa ho an'ireo havantsika rehetra efa nodimandry. Ary dia mangataka aminao izahay ry Imâmo faha-12 (as) mba hanekenao an'ity ezaka kely mba vitanay ity ao anatin'izao Fanjavonanao lehibe (na al-Ghaybat al-Kobrâ) sy mialohan'ny fiverenanao izao!

Ny hevitra fonosin'ity boky ity dia notsoahina avy tao amin'ilay boky mitondra lohateny hoe "**Tantaran'ilay Fanjavonana kely** (Tarykh al-Ghaybat al-Soghrâ)" izay nosoratan'ny Shahid Ayatollâh al-sayyed Mohammad al-Sâdiq al-Sadr (*Fifalian'Andriamanitra anie ho eo aminy*)

Farany, dia miangavy antsika rehetra mba hitalaho mafy arak'izay vita amin'ny hiverenan'ilay Mpanavotra (as) haingana mba hidirantsika (raha sitrak'i Allâh) ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra izay feno fiadanana sy ny fahamarinana ary ny fandriam-pahalemana.

Nefa moa raha ny fahafatesantsika no tonga mialohan'ny fahatongavan'ilay Mpanavotra (as), dia enga anie i Allâh (swt) hamelona antsika rehetra indray amin'ny alalan'ny "Raj'ah" mba hahitantsika hatrany an'izany Fanjakan'ny lanitra izany!

Ny Komity mpanatontosa:

**Haozah al-Ahlil-Bayt (as)**
**INISMA**
ANTANANARIVO-101

# FIZAHAN-TAKELAKA

TENY FANOLORANA SY FISAORANA ............................2

FIZAHAN-TAKELAKA ......................................................5

(Ny faha-15 Sha'abân taona faha-255 Hijra) ..........................7

**NY NAHATERAHAN'NY IMAMO FAHA-12 AL-MAHDI (AS)**.......................................................7

(Lesona voalohany) ...............................................................7

(Lesona faharoa)....................................................................15

(Lesona fahatelo)...................................................................29

1-Fetezana arak'asa ..............................................................32

2-Fetezana ara-tsiansa ..........................................................32

3-Fetezana araka ny lojika....................................................33

(Lesona faha-4) ....................................................................42

(Lesona faha-5) ....................................................................53

(Lesona faha-6) ....................................................................62

(Lesona faha-7) ....................................................................76

(Lesona faha-8) ....................................................................82

(Lesona faha-9) ....................................................................90

NY SAYYEDA NARJIS KHATONE (AS)..........................90

(Lesona faha-10) ................................................................103

NY ANDRO FAHA-15 SHA'ABAN 255H .......................103

(Lesona faha-11) ................................................................116

TANTARAN'I JA'AFAR AL-KAZHABO.......................116

(Lesona faha-12) ................................................................128
TANTARAN'IREO AMBASADAORON'ILAY IMAMO FAHA-12 (AS)...................................................................128
(Lesona faha-13) ................................................................139
(Lesona faha-14) ................................................................150
FAMANTARANA NY HAHATONGAVAN'NY IMAMO AL-MAHDI (AS)..................................................................150
(Lesona faha-15) ................................................................156
Ho fieritreretana ................................................................173
Ny adidin'ireo mpino ..........................................................175
Ny torohevitry ny Andriamatoa hajaina, .............................175

----------------------

**(<u>Ny faha-15 Sha’abân taona faha-255 Hijra</u>)**

## NY NAHATERAHAN’NY IMAMO FAHA-12 AL-MAHDI (AS)

**(<u>Lesona voalohany</u>)**

Milaza ny boky masina Kor’âny ao amin’ny sourat al-Qasas (28) andininy faha-5 manao hoe:

وَنُرِيدُ أَنْ نَمُنَّ عَلَى الَّذِينَ اسْتُضْعِفُوا فِي الأَرْضِ وَنَجْعَلَهُمْ أَئِمَّةً وَنَجْعَلَهُمْ الْوَارِثِينَ

« **Fa Izahay mila mitsimbina manokana an’ireo izay osa teto an-tany, ary ataonay ho Imâmo (Mpitarika) sady ataonay ho mpandova izy ireo.** »

Milaza koa ny hadith voaray avy tamin’ilay Irak’i Allâh (saw) manao hoe :

إِنْتِظَارُ الْفَرَجِ عِبَادَةٌ

“**Ny fiandrasana an’ilay Fanavotana dia fanompoana.**”

Amin’ny hadith hafa dia milaza manao hoe :

أَفْضَلُ أعمَالُ أمّتي إنْتِظَارَ الْفَرَجِ

“**Ny tena mendrika amin’ny asan’ireo vahoakako dia ny fiandrasana an’ilay Fanavotana.**”

Misy hadith izay iombonan’ny silamo rehetra milaza manao hoe:

مَنْ مَاتَ وَلَمْ يَعْرِفْ اِمَامَ زَمَانِهِ، مَاتَ مِيتَةً جَاهِلِيَّةً

“**Izay maty ka tsy nahafantatra ny Imâmo tamin’ny vanim-potoany dia maty toy ny fahafatesan’olona bado.**”

Ity hadith nolazaintsika farany ity dia tsy isalasalana ny fahamarinany, matoa ny silamo rehetra no manaiky azy; satria ilay Mpaminanintsika (saw) dia efa nanambara nanao hoe:

لَا تَجْتَمِعُ أُمَّتِي عَلَى ضَلَالٍ

“**Ny vahoakako dia tsy hiray hina amin’ny fahaverezana.**”

Arak’izany, dia mipetraka ny fanontaniana manao hoe:

Iza moa no Imâmo Mpitarika antsika amin’izao vanim-potoana izao?

Koa dia nosoratana ity boky ity mba hahafantarantsika ny valin’izany fanontaniana izany, ka iangaviana isika rehetra mba hamaky azy hatramin’ny farany; fa raha isika manko no tsy mahafantra an’ilay Imâmo (as) izay Mpitarika antsika amin’izao fotoana izao dia ho faty toy fahafatesan’olona bado no hiafarantsika.

Ny finoana mikasika ny hahatongavan’ilay Imâmo al-Mahdi (as) izay nanjavona dia misy vokatsoany eo amin’ny fiainantsika eo amin’ny ara-pieritrereretana (الفِكرية) sy ara-tantara (التاريخية) sy arak’asa (العملية) sy ara-pomba finoana (العقائدية) ary ara-piainana ho avy (المستقبلية).

Ny vokatsoany ara-pieritreretana dia nohon'ny fitonian-tsaina eo ampiandrasana ny fahatongavan'ilay Mpanavotra (as). Eo amin'ny ara-tantara dia noho ilay fahamarinany teo amin'ny tantara izay efa nandalo. Eo amin'ny arak'asa dia hahatonga ny olona tsy hanao asa ratsy fa vao mainka aza mamporisika azy hanao asa soa. Ary ny vokatsoany eo amin'ny ara-pomba finoana sy ara-piainana ho avy indray dia mitarika ny olona mba tsy hiraviravy tànana fa kosa hiezaka hatrany mba hiomana amin'ny hahatongavan'ilay Fanavotana.

Ny Fanavotana resahintsika eto dia ilay Fanjakan'ny lanitra izay tarihin'ny Imâmo al-Mahdi (as) mba hampanjaka indray ny rariny sy ny hitsiny sy ny fandriam-pahalemana eto amin'ity tany izay efa feno tsindry hazolena sy ny heritsetra ity; koa amin'izay fotoana izay, na aiza na aiza na tany efa mandroso na tany mbola an-dàlam-pandrosoana sy mahantra, dia samy hanjakan'izany fahamarinana sy ny fandriam-pahalemana izany avokoa.

Noho izany, ilay finoantsika an'ny Imâmo al-Mahdi (as) sy ny hahatongavany dia manome hery ho antsika sy mahatonga antsika ho lasa mavitrika amin'ny fahafoizantsika ny tenantsika sy ny harenantsika sy ny fotoana ho an'ny mpiara-belona amintsika, ka izany no mitarika antsika amin'ny fanaovana asa soa.

Koa satria ilay Imâmo (as) dia manana ny hatsaran-toetrany, arak'izany, isika mpanaradiany ihany koa dia tokony hiezaka hanana izany hatsaran-toetrany izany amin'ny maha-mpanaradiany antsika, no sady mba hahatafita antsika ihany koa ao amin'ilay Fanjakan'ny

lanitra. Allâh (swt) moa dia milaza ao amin'ny sourat al-Hojrâte (49) andininy faha-13 manao hoe:

إِنَّ أَكْرَمَكُمْ عِنْدَ اللَّهِ أَتْقَاكُمْ

« **Ny tena manam-boninahitra aminareo eo anatrehan'i Allâh dia izay tena manana fahatahorana an'Andriamanitra!** »

Noho izany, dia izay manana an'io hatsaran-toetra mikasika ny fahatahorana an'Andriamanitra io ihany no ekena ho tafiditra ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra.

Ny Imâmo al-Mahdi (as) dia iray amin'ireo "**sharîkol-Kor'âny**", izany hoe, Izy dia anisan'iray amin'ireo zavatra manan-danja lehibe anankiroa, napetrak'ilay Mpaminany masina (saw) tamintsika izay tsy afa-misaraka mihitsy; manambara izany fa ny toetran'ilay Imâmo (as) dia tsy mifanohitra velively amin'izay voalazan'ny Kor'âny masina. Rehefa nanambara moa ny Kor'âny masina fa "**izay tena matahotra an'Andriamanitra no tena be voninahitra**" dia mifanaraka amin'izany koa ny toetran'ilay Imâmo (as), fa tsy mba mizaha tavan'olona Izy (as), koa na iza na iza, na avy aiza no fiaviany, na manao ahoana ny sarangam-piainany dia izay manana ny fahatahorana an'Andriamanitra ihany no omeny voninahitra ambony ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra.

Arak'izany, isika dia tokony hanao fanomanana amin'ny fanaovana asa soa sy fanalavirana ny asa ratsy ary tokony hanao fanadiovan-tena na "Tazkiat al-Nafs" mba hahatonga antsika hanana "Tak'oâ" na ny fahatahorana an'Andriamanitra. Ny hadith dia milaza fa

isika dia tokony hanao "Hisâbo al-Nafs" na fitsaran-tena im-pitopolo isan'andro, fa raha tsy mahavita manao izany dia farafaharatsiny manao jery todika amin'ny asa vita isan'andro, koa raha nahavita asa tsara dia tokony hotohizana sy hampitomboina izany; fa raha nahavita asa ratsy kosa dia tokony hiala amin'izany haingana hanao fibebahana avy hatrany fa tsy mila mangatak'andro.

Iaraha-mahalala moa fa ny fidirana ao amin'ny sekoly na orin'asa na fikambanana iray dia mitaky fananana atontan-taratasy mazava momba ny tena manokana, toy ny kopia nahatarehana sy ny karapanondro sy ny taratasim-pitsarana (casier judiciaire) …sns, dia tahak'izany koa, ny fidirana ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra dia mila fananana atontan-taratasy ho fenoina. Arak'izany, isika dieny izao dia tokony efa hameno an'ireo atontan-taratasy ireo, izany hoe, tokony efa hanomana ny tenantsika mialohan'ny fahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra.

Iarahantsika mahafantatra ihany koa fa ireo didy aman-dalàn'Andriamanitra ao amin'ny Kor'âny masina sy ireo hafatra napetrak'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo dia tena nitera-bokatsoa tokoa teo amin'ny fiainan'ireo mpino silamo. Ohatra amin'izany, ny fiarahana manao fanompoam-pivavahana salât dia nampirindra sady nampatanjaka ny fiaraha-monin'ireo vahoaka silamo; ny fanaovana fifehezana na ny "saomo" dia nahatonga azy ireo nahay nifampizara sy nifampihantra sady nanatsara ny fahasalamana sy ny toe-karenan'izy ireo; ary tahak'izany koa ny fiandrasana an'ilay Mpanavotra (as)

dia mitera-bokatsoa eo amin’ny vahoaka silamo, satria ilay fiandrasana dia tsy midika ho fipetrapetrahampotsiny na firaviravian-tànana, fa kosa izany dia manosika antsika mba hiezaka hanao asa soa hatrany eo amin’ny fiomanana ny hahatongavan’ilay Mpanavotra (as) ka anisan’izany fiomanana izany dia ny fanadiovantena na ilay antsoina hoe “Tazkiat al-Nafs” araka ny efa voalaza teo aloha.

Raha jerena ny finoan’ny zanak’olombelona rehetra, na izany finoana avy amin’Andriamanitra toy ny jodaisma sy ny kristianisma sy ny islâmo, na izany finoana hafa tsy avy amin’Andriamanitra toy ny hindoisma sy ny bodisma, dia hita fa samy miandry avokoa izy ireo ny hahatongavan’ny olona iray izay hanavotra azy ireo any amin’ny andro farany. Sahala amin’ireo joda dia miandry ny hahatongavan’ilay Mesia izy ireo, ireo kristiana dia miandry an’ i Jesosy, ary ny silamo dia miandry an’ny Imâmo Mahdi (as). Koa na iza no anarany na iza dia fantatra fa samy mino ny rehetra fa tsy maintsy hisy Mpanavotra iray ho avy mba hanavotra an’izao tontolo izao.

Eo amin’ny finoana Islâmo dia hita ihany koa fa samy mino sy manaiky ny fisian’ny Imâmo Mahdi (as) avokoa ireo silamo rehetra, satria ao amin’ny bokin’ireo rahalahy Ahlo-sonnah, toy ny sahîh Tirmizhî dia ahitana ny hadith avy amin’ny Mpaminany (saw) milaza manao hoe:

إِنَّ فِي أُمَّتِي المَهْدِي

“**Marina dia marina fa ao amin’ny vahoakako no misy an’ny Mahdi (as)**”.

Tahak’izany koa, ao amin’ny boky nosoratan’i Abo Daoud (v.4 p.107) dia misy hadith nolazain’ny Mpaminany (saw) manao hoe:

المَهْدِيُّ مِنْ عِتْرَتِي مِنْ وُلْدِ فَاطِمَة

“**Ilay Mahdi dia taranako avy amin’ireo zanak’i Fâtima.**”

Ao amin’ny bokin’ireo mpanaradian’ireo Ahlol-Bayt (as) dia ahitana hadith maromaro tahak’izany mikasika an’ny Imâmo al-Mahdi (as); fa ny fomba finoana Azy (as) no misy fahasamihafany. Ohatra ireo rahalahy ahlo-sonnah dia milaza fa mbola tsy teraka ilay Imâmo (as); nefa ireo mpanaradian’ireo Ahlol-Bayt (as) kosa dia milaza fa efa teraka Izy saingy nanjavona sahala amin’ny fanjavonan’ny Nabi ‘Issâ (as) sy ny Nabi Idris (as) sy ny Nabi Iliâs (as) ary ny H. Khijr (as).

Ireo banî Abbâsy tamin’ny vanim-potoanan’izy ireo, rehefa nikasa ny hisambotra an’ny Imâmo al-Mahdi (as) tamin’ny fahaterahany dia narovan’i Allâh (swt) Izy tamin’ny alalan’ny fanjavonany, satria Izy no Imâmo sady Porofon’Andriamanitra farany eto an-tany araka ny voalazan’ny Kor’âny masina ao amin’ny sourat Hood (11) andininy faha-86 manao hoe:

بَقِيَّةُ اللَّهِ خَيْرٌ لَكُمْ إِنْ كُنتُمْ مُؤْمِنِينَ

« **Ny zavatra maharitra omen’i Allâh no tsara ho anareo raha toa ka mpino ianareo.** »

Fa ankehitriny dia mipetraka ny fanontaniana manao hoe: Rehefa tonga ny Imâmo al-Mahdi (as) dia amin'ny fomba ahoana no hahafahany Izy samirery hitarika an'izao tontolo izao am-pilaminana?

Ho valin'izany fanontaniana izany dia haka ohatra mivaingana isika mikasika an'ilay "**Diaben'ny andro 'Arba'yne (na Marche 'Arba'yne)**" izay ahitana olona maro dia maro miisa an-tapitrisany, manomboka ao Basorâ na ao Najaf ka hatrany Karbalâ no miara-mizotra am-pilaminana tokoa, tsy misy korontana na herisetra, tsy misy fandotoana, eo anatrehan'ny fisian'ny fampisakafoanan'izy ireo maimaim-poana, kanefa tsy misy mpitandro filaminana mandamina na manaramaso azy ireo, fa vao mainka aza ahitana fifanajana sy fifanampiana isankarazany sy fifampisakafoanana eo amin'ny samy izy ireo na dia eo aza ny fahamaroan'izy ireo. Izany fihetsika izany dia efa fahagagana manokana sy ohatra velona amin'ny fotoana hahatongavan'ilay Mpanavotra (as), satria na dia mbola tsy tonga aza Izy dia efa hita tahak'izany sahady ny fanajan'ireo olona ireo ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana nohon'ny fananan'izy ireo tanjona iraisana, indrindra moa fa amin'ny fahatongavany dia vao mainka ho tafahoatra ny fanajan'ny olona ny fandriam-pahalemana nohon'ny fananany ny fahatahorana an'Andriamanitra sy fanekeny an'ilay Mpanavotra (as).

Ny hadith rahateo moa dia milaza fa "**Izay tsy manaiky an'ny Imâmo Mahdi (as) dia efa tsy mpino**"

مَن أنْكَرَ المَهْدي فَقَدْ كَفَرَ

Eo anatrehan'izany àry dia mipetraka indray ny fanontaniana manao hoe: Moa ve mitombona ny fahaveloman'ny Imâmo Mahdi (as) mandritra ny fotoana maharitra?

Koa raha sitrak'i Allâh (swt) dia amin'ny lesona manaraka isika no hamaly an'io fanontaniana io.

*** * ***

## (Lesona faharoa)

Amin'ity lesona faha-2 ity isika dia hiresaka momba fahaterahan'ny Imâmo al-Mahdi (as) sy ny fanjavonany ary ny haelam-pahavelomany. Amin'ny fomba ahoana tokoa moa no hananan'ilay Imâmo (as) fahavelomana maharitra nanomboka Izy teraka tamin'ny taona faha-255H (araka ny fanisan-taona islamika), avy eo Izy niditra tao amin'ny fanjavonana kely (na ghaybat al-Soghrâ) tamin'ny taona faha-260H, afaka 70 taona teo ho eo Izy dia niditra tao amin'ny fanjavonana lehibe (na ghaybat al-Kobrâ) ka hatramin'izao taona 1443H iainantsika izao? Moa ve ny olombelona iray dia afaka miaina mandritra ny fotoana ela be tahak'izany?

Ny silamo rehetra moa efa samy manaiky ny fisian'ny Imâmo al-Mahdi (as) fa kosa ny fahaterahany sy ny fanjavonany ary ny fananany androm-pahavelomana lava no handeha hoporofointsika amin'ity lesona faharoa ity.

Andriamanitra Allâh (swt) no nisafidy sy nanendry an'ilay Imâmo faha-12 ho khalîfah farany eto an-tany, kanefa noho ilay Imâmo (as) tsy nanana vahoaka mpanampy dia voatery i Allâh (swt) niaro ka nampanjavona azy, saingy mbola ho avy ny andro izay sitrak'i Allâh (swt) mba hamerenany azy indray.

Misy andinin'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-An'âm (6) andininy faha-22 sy ao amin'ny sourat Younous (10) andininy faha-28 milaza hoe: وَيَوْمَ نَحْشُرُهُمْ جَمِيعاً « **Ary amin'ny andro hanangonanay azy rehetra…** »

Fa ao amin'ny sourat al-Naml (27) andininy faha-83 indray dia milaza hoe: وَيَوْمَ نَحْشُرُ مِنْ كُلِّ أُمَّةٍ فَوْجاً « **Ary amin'ny andro hanangonanay avy amin'ny vahoaka tsirairay andian'olona…** »

Koa moa ve mifanohitra ireo andininy anankiroa ireo? Tsia, sanatriavina anie izany, satria ny Kor'âny dia boky masina ka tsy mba ahitana velively fahadisoana ao aminy. Fa ireo andininy anankiroa ireo dia samy milaza trangan-javatra samihafa, ka ny voalohany dia manambara ny zavatra hitranga amin'ny Fitsanganana amin'ny maty lehibe (na Kyâmat al-Kobrâ) izay hananganan'i Allâh (swt) ireo maty rehetra tsy ankanavaka.

Ilay andininy faharoa kosa dia manambara ny zavatra hitranga amin'ny Fitsanganana amin'ny maty kely (na Kyâmat al-Sogrâ) izay hisy vondron'olona efa maty sasantsasany fotsiny no hatsangan'i Allâh (swt) mba hotsaraina amin'ny fotoana ahatongavan'ny Imâmo

al-Mahdi (as). Izany fisian’ny olona efa maty sasantsasany ho velomina mba hotsaraina izany indrindra no tian’ny Baiboly hambara, araka ny voasoratra ao amin’ny Timoty-II, toko faha-4 andininy voalohany milaza manao hoe: “**Eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty...**”

Ankoatr’izany dia misy hadith izay iombonan’ny silamo rehetra, voaray avy tamin’ilay Mpaminany (saw) milaza manao hoe:

الأئمّة من بعدي اثنا عشر خليفة كلّهم من قريش

“**Ireo Imâmo avy aoriako dia misy 12 khalîfah, izy rehetra ireo dia avy amin’ny foko Koraysh.**”

Araka ny voalazan’io hadith io dia miisa 12 ireo Imâmo mifandimby aorian’ilay Mpaminany (saw); ary iaraha-mahalala fa ireo miisa 11 dia efa samy nandalo avokoa, fa aiza kosa àry ilay Imâmo faha-12 farany? Raha lazaina fa ilay Imâmo faha-11 (as) dia tsy nanana taranaka nandimby azy, dia midika izany fa tsy tanteraka ilay hadith nolazain’ilay Mpaminany (saw) ka lasa 11 ihany no isan’ireo Imâmo ireo. Izany indrindra no manery antsika ho tsy maintsy hanaiky ny fahaterahan’ilay Imâmo faha-12 (as) fa saingy nanjavona izy.

Sahala amin’izany koa ny voalazan’ilay hadith iombonan’ny silamo rehetra, avy tamin’ny Mpaminany (saw) milaza manao hoe:

إِنِّي تَارِكٌ فِيكُمُ الثَّقْلَيْنِ مَا اِنْ تَمَسَكْتُمْ بِهِما لَنْ تَضِلُّوا بَعْدِي اَبَداً: كِتَابَ اللهِ، وَعِتْرَتِي اَهْلَ بَيْتِي وَلَنْ يَفْتَرِقَا حَتَّى يَرِدَا عَلَيَّ الْحَوْضَ.

“**Marina dia marina fa izaho dia hametraka ho eo aminareo zavatra anankiroa mavesa-danja, koa raha mifikitra amin’izany ianareo dia tsy ho very mandrakizay any aoriako any, dia ny bokin’i Allâh sy ireo taranako Ahlol-Bayt (as) izay tsy hisaraka mihitsy izy anankiroa ireo mandra-piverenan’izy roa ao amiko ao amin’ny dobon’i Kawthar.**”

Mazava ny voalazan’io hadith io fa ny boky masina Kor’âny sy ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) dia tsy afa-misaraka mihitsy; koa raha lazaina fa mbola tsy teraka ilay Imâmo faha-12 (as) izay “**zavatra mavesa-danja faharoa**” amin’izao fotoana iainantsika izao, dia midika izany fa tsy tanteraka ihany koa io hadith satria lasa tafasaraka ireo “**zavatra anankiroa mavesa-danja**” ireo. Arak’izany dia tsy maintsy manaiky isika fa efa nateraka ilay Imâmo farany (as) fa saingy nanjavona.

Mbola misy koa ny hadith izay eken’ny silamo rehetra, milaza manao hoe :

مَنْ مَاتَ وَلَمْ يَعْرِفْ اِمَامَ زَمَانِهِ، مَاتَ مِيتَةً جَاهِلِيَّةً

“**Izay maty ka tsy nahafantatra ny Imàm tamin’ny vanim-potoany dia maty toy ny fahafatesan’olona bado**.”

Koa raha heverina fa mbola tsy teraka ilay Imâmo faha-12 (as) dia iza izany no Imâmo izay tokony

fantarintsika, fa raha tsy izany isika dia ho faty toy ny fahafatesan'olona bado?

Izany rehetra dia manamarina fa efa teraka tokoa ilay Imâmo al-Mahdi (as) saingy nanjavona nohon'ny fiarovan'i Allâh (swt) azy.

Mikasika ny haelam-pahaveloman'ny Imâmo al-Mahdi (as) kosa dia azo lazaina ho anisan'ny fahagagana avy amin'Andriamanitra, satria ny zava-boahary rehetra dia tsy maintsy manaja ny lalànan'ny natiora; ohatra ny lalànan'ny afo dia tsy maintsy mandoro, kanefa i Allâh (swt) dia afaka tsy mampihatra izany làlana izany satria Izy dia Andriamanitra Mahefa ny zava-drehetra (إِنَّ اللَّهَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ). Nitranga tokoa izany tamin'ny vanim-potoanan'ny Mpaminany Ibrahim (as). Rehefa natsipin'ireo fahavalo tao anatin'ny afo Izy dia tsy mba may velively, araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Ambiyâ (21) andininy faha-68-69 manao hoe:

قَالُوا حَرِّقُوهُ وَانصُرُوا آلِهَتَكُمْ إِنْ كُنتُمْ فَاعِلِينَ. قُلْنَا يَا نَارُ كُونِي بَرْداً وَسَلاماً عَلَى إِبْرَاهِيمَ

« **Hoy izy ireo hoe:** ***Doroy izy (i Abrahama) ary avoty ireo andriamanitrareo raha hanao zavatra tokoa ianareo.*** **Hoy Izahay hoe:** ***Ô ry afo, aoka ianao hangatsiatsiaka sy handry fahalemana amin'i Abrahama !*** »

Ny olombelona koa dia manana natiora fa rehefa ela andro niainana izy dia tsy maintsy mihaantitra sy mihaosa ka miafara amin'ny fahafatesana. Ary isika

olombelona dia samy mahalala amin'ny ankapobeny, hatramin'ny oviana ny faharetam-piainantsika eto an-tany ; kanefa i Allâh izay mahefa ny zava-drehetra dia mahavita mampitombo izany faharetam-piainantsika izany ho lava indrindra mihoatra ny mahazatra, sahala amin'ny niseho tamin'ny Mpaminany Noa (as) izay nanana andro lava indrindra niainana, satria nandritra ny 950 taona izy no nanatanteraka ny asa masina izay nanirahan'i Allâh (swt) azy teo amin'ny vahoakany, araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-'Ankaboot (29) andininy faha-14 manao hoe :

وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا نُوحاً إِلَى قَوْمِهِ فَلَبِثَ فِيهِمْ أَلْفَ سَنَةٍ إِلاَّ خَمْسِينَ عَاماً

« **Nalefanay tokoa i Noa tamin'ny vahoakany ka nipetraka niaraka tamin'izy ireo nandritra ny arivo taona latsaka dimam-polo taona izy…** »

Fa ny fitambaran'ny andro niainan'ny Mpaminany Noa (as) araka ny hadith voaray avy tamin'ireo Ahlol-Bayt (as) dia nahatratra 2.500 taona.

Amin'ny fomba ahoana moa ilay Mpaminany Noa (as) izay niaina niaraka tamin'ireo vahoakany tamin'ny tontolo iray, rivotra nifohana iray, toe-piainana anankiray, kanefa izy irery ihany no nanana ny haelam-pahavelomana mihoatra ny hafa tahak'izany ?! Midika izany fa i Allâh (swt) dia afaka miaro ny olombelona amin'ireo otrik'aretina maro samihafa izay mamotika ny sela eo amin'ny vatana ka miteraka ny fahanterana sy fahosana haingana sy manafohy ny androm-pahavelomana.

Na izany na tsy izany, ny fahafahan'ny Imâmo al-Mahdi (as) manana fahavelomana mandritra fotoana lava dia tsy tokony hatao mahagaga, satria izany dia azontsika porofoina amin'ny alalan'ny zavatra fahitantsika eo amin'ny fiainana andavan'andro. Ohatra ny rano rehefa avy nafanaina nangotraka ka apetraka eo amin'ny toerana iray dia tsy maintsy hiverina hangatsiaka aorian'ny fotoana fohy. Nefa azo atao tsara ny manalava kokoa izany fotoana mampafana an'ilay rano izany, raha toa izy ka apetraka ao anatin'ny fitaovana mitazona hafanana.

Noho izany dia tsy atao mahagaga raha ny Imâmo al-Mahdi (as) izay efa narovan'i Allâh (swt) tao anatin'ny fanjavonana no manana ihany koa ny andrompahavelomana lava dia lava, ary tsy tokony hananana fisalasalana amin'izany ireo mpino.

Mipetraka ihany koa ny fanontaniana manao hoe : Nahoana moa ny Imâmo al-Mahdi (as) no mbola tsy tonga miseho foana hatramin'izao ?

Ny fisehoan'ilay Imâmo (as) dia mazava ho azy fa miankina amin'ny sitrapon'i Allâh (swt) ; Izy Andriamanitra ihany no mahalala izay fotoana mendrika hiverenan'ilay Imâmo (as).

Marihina fa ny momba an'ny Imâmo al-Mahdi (as) dia sahala tamin'ny Mpaminany farany, ny H. Mohammady (saw) izay efa Mpaminany Izy na dia

mbola tany amin’ny tontolo ara-panahy aza, araka ny voalazany manao hoe :

كُنْتُ نَبِيّاً وَ آدَم بَيْنَ الماءِ والطِّينِ “**Izaho dia efa Mpaminany tamin’i Adama mbola noforonina teo anelanelan’ny rano sy ny fotaka.**”

Nanambara koa Izy (saw) hoe :

أَوَّلُ مَا خَلَقَ اللّٰهُ نُورِي “**Ny voalohany noharian’i Allâh dia ny fahazavako.**”

Rehefa teraka anefa ilay Mpaminany (saw), ary na dia efa teo aza ireo famantarana maha-Mpaminany Azy, dia mbola tsy nitondra hafatra sy tari-dàlana teo amin’ireo vahoaka Izy nandritra ny 40 taona, satria mbola tsy nahazo baiko avy tamin’i Allâh (swt) hanao izany Izy; nefa mazava ho azy fa tena mila izany tari-dàlana avy Aminy izany ireo vahoaka ireo nandritra izany 40 taona izany. Toy izany koa ny amin’ny Imâmo al-Mahdi (as), Allâh (swt) dia mbola tsy nanome baiko azy amin’ny hisehoany na dia efa mangetaheta azy fatratra aza isika ankehitriny, ka voatery isika miandry azy foana, araka ny baikon’ny Kor’âny masina, ao amin’ny sourat Younous -as- (10) andininy faha-102 milaza manao hoe :

قُلْ فَانْتَظِرُوا إِنِّي مَعَكُمْ مِنْ الْمُنْتَظِرِينَ « **Lazao hoe : Miandrasa ianareo fa tena marina Izaho dia miandry miaraka aminareo.** »

Eny fa na dia efa tokony hilaina nialohan’ny faha-40 taonan’ilay Mpaminany (saw) aza ny finoana Islâmo, dia i Allâh (swt) ihany no mahalala ny antony tsy nanomezany baiko an’ilay Mpaminaniny mba

hanambara izany finoana Islâmo izany raha tsy efa nanomboka tamin'ny faha-40 taonany ihany. Tahak'izany koa ny mikasika an'ny Imâmo al-Mahdi (as), fa ireo Mpaminany (as) izay ho tonga miaraka aminy dia samy miandry an'izay olona hanampy azy ireo ; koa rehefa vonona avokoa ireo olona izay hanampy an'ilay Imâmo (as) dia amin'izay fotoana izay i Allâh (swt) vao hanome alalana azy mba hiseho sy hampiely ny tari-dàlana (na hidayah).

Fa raha toa ka tsy misy mpanampy ilay Imâmo (as) sy ireo Mpaminany (as) amin'ny fahatongavan'izy ireo dia tsy maintsy hiafara amin'ny famonoana azy ireo, tahaka ny nanjo an'ny Imâmo Hoseny (as) izay novonoina tao Karbalâ nohon'ny tsy fisian'ireo vahoaka nanampy azy.

Ny fanontaniana iray hafa mipetraka ihany koa dia iarahantsika mahalala fa ireo firenena matanjaka amin'izao fotoana izao dia manana an'ireo fitaovam-piadiana mahery vaika, toy ny baomba nokleary iray fotsiny dia afaka mamotika an'izao tontolo izao ; koa rehefa tonga ny Imâmo al-Mahdi (as) dia amin'ny fomba ahoana no hahafahany miatrika izany kanefa izy dia tsy hanana tafika sy fitaovam-piadiana toy izany ?

Tsy atao mahagaga izany satria Izy Andriamanitra Ilay Tompon'ny tanjaka sy ny hery dia afaka manao izay sitrapony amin'izany fotoana izany. Efa hita taratra izany teo amin'ny tantara nisy teto ambony tany. Ohatra amin'izany ny zava-nisy tao Iran,

izay firenena farany natanjaka teo ambany fifehezan'ireo mpanjaka nifandimby izay naharitra an'arivony taona maro ; kanefa izany dia tsy nahasakana an'ireo vahoaka nijoro nanao fikomiana ka nahatonga an'ilay mpanjaka ho lasa nandositra mihitsy tamin'ny taona 1979. Toy izany koa ny zava-niseho tamin'ireo mpanjaka arabo izay tena natanjaka sady tsy azo nihozongozonina mihitsy ; kanefa dia tsy nampoizina fa nirodana mora foana ny fanjakan'izy ireo.

Maro ireo ohatra azo raisina tahak'izany amin'ireo tantaran'ny firenena sy ny fanjakana teto an-tany izay nanana miaramila matanjaka sy fitaovam-piadiana tena raitra, fa rehefa nitolona ireo vahoaka dia rava ihany izany fanjakana izany, eny fa na dia maro tokoa aza ireo vahoaka lavo an'ady teo ampitolomana dia niafara tamin'ny fandresen'izy ireo hatrany izany.

Midika izany fa na manao ahoana ny tanjaky fitaovam-piadiana sy ny heriny misy amin'izao fotoana izao, dia miankina amin'ny fahavononan'ireo vahoaka izay hanampy an'ilay Imâmo (as) no hahafahany miatrika ny tolona amin'ny fananganana an'ilay Fanjakan'ny lanitra.

Ankoatr'izany dia ny Imâmo al-Mahdi (as) no Mpitari-tafika amin'io fotoana io, koa rehefa manaraka ny toro-marika izay omeny ireo vahoakany, dia tsy maintsy tafita amin'ny tolona izy ireo, amin'ny maha-olomasina "ma'asomo" sy manam-pahaizana azy.

Misy hadith voaray avy tamin'ilay Mpaminany (saw) milaza fa na dia efa andro iray aza no sisa tsy hahatongavan'ny andron'ny Fitsanganana lehibe (Kyâmat al-Kobrâ), dia hohalavain'i Allâh (swt) izany andro izany mandra-pahatongavan'ilay lehilahy iray avy amin'ireo Ahlol-Bayt (as) fianakaviako, mba hameno ny rariny sy ny fahamarinana eto an-tany taorian'ny nahafeno herisetra sy tsindry hazolena azy.

Koa moa ve izany voalazan'io hadith io izany dia zavatra an'eritreritra fotsiny sa tena hihatra tokoa eo amin'ny fiainana? Moa ve resaka ara-pieritreretana fotsiny ny filazana amin'ny hahatongavan'ilay Imâmo (as) sy ny Fanjakan'ny lanitra sa resaka ara-pahamarinana tena hitranga?

Voaporofo anefa ny fahamarinan'izany resaka izany, satria na ireo boky masina teo aloha na ny Kor'âny masina sy ireo hadith avy amin'ilay Mpaminany (saw) sy ireo Ahlol-Bayt (as) dia samy nanambara izany avokoa.

Tsara ny mahafantatra fa misy ny mahasamihafa ny atao hoe "**moslimo**" sy ny atao hoe "**mo'mino**" na dia samy mpino silamo aza izy ireo. Ny "**moslimo**" dia izay mino ny mahatokana an'Andriamanitra, fa ny "**mo'mino**" kosa dia tsy vitan'ny mino ny mahatokana an'Andriamanitra izy fa mbola mino ihany koa ny didy aman-dalànan'Andriamanitra. Koa izay mino ny didy aman-dalànan'Andriamanitra dia tsy maintsy manaraka

sy mankato ny baikon'ilay Mpaminany (saw) sy ny baikon'ireo Imâmo avy amin'ireo Ahlol-Bayt (as).

Apetraka ihany koa ny fanontaniana manao hoe : Inona moa ny filôzôfian'ny fahaveloman'ny Imâmo al-Mahdi (as) kanefa izy dia nanjavona ? Moa ve misy tombontsoa azon'ny zanak'olombelona amin'izany?

Ho valin'izany fanontaniana izany dia handray ohatra avy amin'ny masoandro isika. Ny masoandro rehefa miposaka dia ahazoan'ny zava-boahary rehetra tombontsoa; nefa indraindray ny masoandro dia takonan'ny rahona, na izany aza anefa dia tsy manafoana ilay tombontsoa azon'ny zava-boahary avy aminy izany fanakonan'ny rahona azy izany. Toy izany koa, na dia milentika ny masoandro ka lasa any ambadiky ny tany izy amin'ny alina, dia mbola mahazo tombontsoa avy aminy foana ny zava-boahary, eny fa na dia tsy hita maso aza izy rehefa milentika na takotry ny rahona.

Sahala amin'izany koa ilay Imâmo (as), na dia ao anatin'ny fanjavonana aza izy dia ahazoantsika tombontsoa foana, fa nohon'ny fisiany no mbola ahafantsika miaina sy mahazo fahasoavana maro eto amin'ity tany ity.

Arak'izany, ireo mpino dia tsy tokony hisalasala amin'ny fananan'ny Imâmo al-Mahdi (as) andro lava iainana, satria maro tamin'ireo Mpaminany (as) teo aloha no nanana fahavelomana ela tahak'izany ihany koa, sahala amin'ny Mpaminany Noa (as) araka ny efa voalazantsika teo aloha fa niaina nandritra ny 2.500

taona, ny Mpaminany Adama (as) dia 930 taona … Koa amin'ny alalan'ny Herin'i Allâh (swt) dia vitany ny manalava ny andro iainan'ilay Imâmo (as) sy miaro azy ao anatin'ny fanjavonana.

Ankoatr'izany dia tsy ilay Imâmo (as) ihany no mbola velona hatramin'izao fotoana izao fa saingy nanjavona, fa anisan'ny nanjavona ihany koa ny Mpaminany Idris (as) sy ny Mpaminany Iliâs (as) sy ny Mpaminany Isâ (as) ary ny H Khijr (as).

Ny silamo rehetra koa dia samy mino fa i 'Azazîl ilay satana Iblis dia efa teo talohan'ny namoronana an'ny Mpaminany Adama (as) ary mbola velona foana hatramin'izao ; koa raha ilay satana Iblis aza no inoantsika fa manana fahavelomana maharitra ela be, dia nahoana moa isika no hanana fisalasalana amin'ny fananan'ny Imâmo al-Mahdi (as) izay olomasina "ma'asomo", androm-piainana lava toy izany ?!

Sahala amin'izany koa ny Anjely Jibrâil (as), rehefa avy noharian'i Allâh (swt) izy dia nanontany azy i Allâh nanao hoe : « **Iza moa ianao ?** »

Tsy nahavaly izany fanontaniana izany i Jibrâil (as) fa nisy fahazavana teo akaikiny, tsy inona izany fa ny fahazavan'ny Imâmo Aly (as) no nanambara taminy ilay valim-panontaniana nanao hoe :

« **Lazao hoe : (أَنْتَ رَبِّيَ الجَلِيل وَ أنَا عَبْدُكَ جِبرائيل) Ianao no Tompoko Be voninahitra fa izaho dia i Jibrâil mpanomponao.** » Nanomboka tamin'io fotoana io ka hatramin'izao ny Anjely Jibrâil (as) dia mbola velona, ary anisan'ny handrasantsika ihany koa ny fahatongavany, fa rehefa tonga ny Imâmo al-Mahdi (as)

dia ho hitantsika ny Anjely Jibrâil (as) izay hanao fanekem-pankatoavana (ba'yah) an'ilay Imâmo faha-12 farany (as) sady ho henontsika ny feony.

Ny fanontaniana hovaliantsika farany dia hoe : Nahoana ny Imâmo al-Mahdi (as) izay mbola zaza 5 taona dia efa afaka mitazona ny andraikitra maha-Imâmo azy ? Ilay Imâmo (as) manko dia teraka tamin'ny taona faha-255H (araka ny fanisan-taona islamika) ary ny Rainy, ilay Imâmo faha-11 (as) dia nodimandry, maty maritiora tamin'ny taona faha-260H. Arak'izany dia mbola zaza 5 taona izy dia efa nitazona an'ilay Imâmah na ilay Fitarihana avy eo izy dia nanjavona.

Tsy mahagaga anefa izany satria ilay Mpaminany Jesosy (as) ihany koa aza na dia mbola teo amin'ny fahazazany vao menavava izay vao teraka telo andro fotsiny dia efa Mpaminany sahady ary hoy izy tenany manamarina izany araka ny voalazan'ny Kor'âny masina, sourat Maryamo (as) andininy faha-30 manao hoe : قَالَ إِنِّي عَبْدُ اللَّهِ آتَانِيَ الْكِتَابَ وَجَعَلَنِي نَبِيّاً « **Hoy izy (as) hoe : Marina dia marina fa izaho dia mpanompon'i Allâh, nomeny boky Aho ary notendreny ho Mpaminany.** »

Tahak'izany koa ny Mpaminany Jaona (as) araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat Maryamo (as) andininy faha-12 manao hoe :
يَا يَحْيَى خُذْ الْكِتَابَ بِقُوَّةٍ وَآتَيْنَاهُ الْحُكْمَ صَبِيّاً « **Ry Jaona (as), mifikira mafy amin'ilay boky (taoraty) ianao. Fa nomenay fahendrena izy fony mbola zaza.** »

Hita arak'izany fa ireo Mpaminany anankiroa ireo, na dia mbola zazakely aza dia efa notendren'i Allâh (swt) ho Mpaminany sy nomeny fahendrena, dia amin'ny fomba ahoana no tsy ahafahan'ny Imâmo al-Mahdi (as), zaza efa 5 taona, mitazona ny Imâmah ?! Eny fa na dia ny Imâmo faha-9 ny H. Mohammady al-Jaoâd (as) sy ny Imâmo faha-10, ny H. Aly al-Hâdî (as) ihany koa aza dia nandray ny fahefana maha-Imâmo azy ireo tamin'ny mbola fahazazany, satria tamin'izy ireo mbola kely dia efa nodimandry ireo Rain'izy ireo. Ary tamin'izany fotoana izany moa ireo mpanaradian'izy ireo dia nametraka fanontaniana maro tamin'izy ireo mba hitsapana azy ireo amin'ny mahazaza azy ireo, kanefa dia voavalian'izy ireo tanteraka soa aman-tsara izany fanontaniana maro izany. Nisy mihitsy aza olona iray nandeha tao Madîna ary nipetraka tao nandritra fotoana vitsivitsy mba hahafahany mametraka fanontaniana miisa 30.000 amin'ilay Imâmo faha-9 al-Jaoâd (as) ary dia tena nahazo fahafaham-po tamin'ny valiteny ilay olona, eny fa na dia mbola zaza aza ilay Imâmo (as) tamin'izany fotoana izany.

*** * * * ***

**(<u>Lesona fahatelo</u>)**

Milaza i Allâh (swt) ao amin'ny Kor'âny masina, sourat Yâ-Sîn (36) andininy faha-82 manao hoe:

إِنَّمَا أَمْرُهُ إِذَا أَرَادَ شَيْئاً أَنْ يَقُولَ لَهُ كُنْ فَيَكُونُ

« **Tsy misy baiko ataon'i Allâh rehefa Izy no maniry te hanao zavatra iray afa-tsy ny miteny aminy manao hoe :** "**Misia** !" **Ary dia misy izany.** »

Araka ny voalazan'io andininy io, Andriamanitra Allâh (swt) rehefa misy Faniriany tiany ho tanterahina dia miteny fotsiny Izy hoe : Misia ! Ary dia tanteraka tokoa izany.

Ny Fanjakan'ny lanitra dia anisan'ny **Irâdat** (إرادة) na Fanirian'i Allâh (swt). Koa rehefa tiany ho tanteraka io Faniriany io dia ampy hahatanteraka izany ny fanomezany baiko manao hoe : Misia ! Kanefa tsy nampiasa izany baiko izany i Allâh (swt), satria Izy dia te hitsapa ny olombelona mialohan'ny hahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra, ka izay olona tafita amin'ilay fitsapana dia lasa madio ara-panahy ; ary izay madio ara-panahy dia tafiditra ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra sady mahazo voninahitra ambony, araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat Hood andininy faha-49 manao hoe :
إِنَّ الْعاقِبَةَ لِلْمُتَّقِينَ « **Tena marina fa ny fiafarana tsara dia ho an'ireo vontom-pinoana.** »

Ny fahatongavan'ny Fanjakan'ny lanitra dia maneho ihany koa ny **Kod'rat** (قدرة) na ny Fahefan'i Allâh (swt) satria Izy dia Mahefa ny zava-drehetra.

Ny olombelona na dia zava-boahary faran'izay sarotra sady raitra aza, noho izy fitambaran-javatra

maromaro mifangaroharo toy ny nofo sy ny taolana sy ny hozatra sy ny hoditra sy ny rà sy ny volo sy ny maso sy ny ati-doha sy ny fanahy … sns, dia vitan'i Allâh (swt) mora foana ny namorona azy amin'ny fomba lavorary, araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Tîn (95) andininy faha-4 manao hoe :

لَقَدْ خَلَقْنَا الإِنسَانَ فِي أَحْسَنِ تَقْوِيمٍ

« **Ary tena noharianay amin'ny fomba lavorary tokoa ny olombelona.** »

Tsy mahagaga izany satria i Allâh (swt) dia Andriamanitra Mpahary Tsara Indrindra, araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Mo'minona (23) andininy faha-14 manao hoe :

فَتَبَارَكَ اللَّهُ أَحْسَنُ الْخَالِقِينَ

« **Fa voninahitra ho an'i Allâh, Ilay Mpahary tsara indrindra.** »

Koa na dia zava-boahary farany sarotra sy raitra aza ny olombelona dia mora amin'i Allâh (swt) ny nahary azy. Sahala amin'izany koa dia tsy sarotra amin'i Allâh (swt) ny manome fotoam-pahavelomana maharitra ho an'ny olona izay sitrany, toa an'ny Imâmo al-Mahdi (as).

Izany fananan'ny Imâmo al-Mahdi (as) fotoam-pahavelomana lava izany dia azo porofoina amin'ny alalan'ireto karazana fetezana miisa telo manaraka ireto :

إِمْكَانٌ عَمَلِيٌّ

## 1-Fetezana arak'asa

Ny atao hoe "**Imkân 'Amalî**" na "**fetezana arak'asa**" dia ny fahafahana manatanteraka ny zavatra iray raha toa ka arahin'asa avy hatrany. Ohatra ny fandehanana mankany amin'ny volana dia zavatra azo tanterahina satria misy amin'ny olombelona no afaka mankany amin'ny volana, eny fa na dia misy olon-kafa aza no tsy afaka manao izany nohon'ny tsy fananany fitaovana hanatanterahana izany.

Raha misy ohatra ny manontany manao hoe : Moa ve azo atao ny miakatra eny amin'ny lanitra ambony tsy taka-maso eny ?

Na dia tsy afaka miakatra eny amin'ny lanitra ambony eny aza ny olona rehetra nohon'ny tsy fananana fitaovana dia afaka mamaly foana isika fa azon'ny olombelona atao ny miakatra eny ambony eny, satria tena misy tokoa ireo mpanamory sambon-danitra ireo no tafakatra eny ambony tsy taka-maso eny.

إِمْكَانٌ عِلْمِيٌّ

## 2-Fetezana ara-tsiansa

Ny atao hoe "**Imkân 'Ilmî**" na "**fetezana ara-tsiansa**" dia fahafahana manatanteraka ny zavatra iray eo amin'ny lafiny fahalalana na siansa. Ohatra ny fandehanan'ny olombelona miakatra mankany amin'ny planeta Merkiora dia zavatra azo tanterahina na dia sarotra aza. Raha afaka niakatra nankany amin'ny volana

ny olombelona tamin'ny alalan'ny fahalalana na siansa izay noratoviny, dia amin'ny fomba ahoana moa no tsy ahafahany indray andro any mankany amin'ny planeta Merkiora rehefa mihamitombo ny fahalalany mamorona fitaovana hanatanterahany izany ?! Arak'izany, ny fandehanana mankany amin'ny planeta Merkiora dia azon'ny olombelona tanterahina ara-tsiansa, na dia mbola tsy tanteraka arak'asa aza izany nohon'ny fahasarotany.

### إِمْكَانٌ مَنْطِقِيٌّ
### 3-<u>Fetezana araka ny lojika</u>

Ny atao hoe "**Imkân Man'tikî**" na "**fetezana araka ny lojika**" dia fahafahana manatanteraka ny zavatra iray araka ny lojika. Ohatra, ny mahazatra rehefa rendrika ao anaty rano ny olona iray dia maty nohon'ny fahasemporany ; ny lojika anefa dia manaiky fa tsy voatery izay olona rendrika ao anaty rano dia maty daholo, fa indraindray tokoa isika dia mahita olona rendrika nefa dia tsy maty akory fa avotra soa amantsara ihany.

Arak'izany, eo amin'ny **fetezana** manao zavatra (Imkân) sy ny **fanatanterahana** azy dia misy fitaovana **mpanelanelana** azy roa. Ohatra, efa nolazaintsika teo fa mety amin'ny olombelona ny miakatra eny ambony tsy taka-maso eny, ka izany no atao hoe **fetezana** manao zavatra, ary eto ny zavatra atao dia ny fiakarana eny ambony tsy taka-maso ; koa rehefa tiana ho **tanteraka**

izany “fetezana miakatra eny ambony tsy taka-maso” izany dia mitaky fitaovana, toy ny sambon-danitra, ka eto izany ny **mpanelanelana** dia ny sambon-danitra.

Ohatra hafa koa, mikasika ny afo izay iarahantsika mahalala fa mandoro ; voalaza ao amin’ny Kor’âny masina anefa fa tamin’ny andron’ny Mpaminany Abrahama (as), rehefa natsipin’ireo fahavalo tao anatin’ny afo tena mahamay izy dia tsy may akory, nohon’ny fanelanelana nataon’i Allâh (swt) araka ny “Irâdat” sy ny “Kod’rat” na ny Sitrapony sy ny Fahefany.

Noho izany, ny fananan’ny Imâmo al-Mahdi (as) fotoam-pahavelomana lava dia azo tanterahina eo amin’ny lafiny fetezana arak’asa (إِمْكَانٌ عَمَلِيٌّ) sy ny fetezana ara-tsiansa (إِمْكَانٌ عِلْمِيٌّ) ary koa ny fetezana araka ny lojika (إِمْكَانٌ مَنْطِقِيٌّ).

Ny olombelona rehetra koa dia iaraha-mahalala fa samy manana ny fotoam-pahavelomany eto an-tany. Misy ny mahatratra ny fahanterany vao maty, misy ny mbola tanora dia efa maty, misy koa aza ny zaza vao teraka dia efa maty sahady. Ny faharetan’ny taom-pahavelomana ihany koa dia tsy mitovy fa misy ny mahatratra 80 taona vao maty, ny sasany 60 taona, ny hafa 20 taona, … sns. Ireo tsy fitovizan’ny fotoam-pahaveloman’ny olombelona ireo dia tsapa fa misy fifandraisany amin’ny sakafo izay hohaniny sy ny tontolo iainana misy azy. Raha ny olona misakafo ara-pahasalamana matetika sy monina amin’ny toerana

madio sy milamina dia tsy hitovy akory amin'ny halavan'ny andro iainan'ny olona izay mihinana sakafo tsizarizary sy mipetraka amin'ny tontolo iainana mikorontana sady maloto. Ary nohon'ny fanirian'ny olombelona ho lava andro iainana dia miezaka izy mitandrina eo amin'ny ara-pahasalamana sy manao fanatanjahan-tena … sns; kanefa na izany aza, Izy Andriamanitra dia efa nanoratra araka ny Sitrapony ny anjaram-potoana hahaveloman'ny olombelona tsirairay eto an-tany.

Ny zavatra fahita eo amin'ny fiainana koa dia misy olona mbola kely taona kanefa izy dia efa manana endriky ny olona antitra. Misy koa ny mifanohitra amin'izany dia ny olona izay efa nahazo taona kanefa izy dia hita fa mbola tanora ara-batana. Ny antony mahatonga izany moa dia nohon'ny fanatanjahan-tena atao izay mahatanora lalandava, sy ny nohon'ny fisian'ny raritsaina (stress) izay mamotika ireo sela eo amin'ny vatan'ny olona ka mampahantitra haingana sy mitarika any amin'ny fahafatesana tampoka mihitsy aza.

Arak'izany, ny mahaela sy mahahaingana ny fahanteran'ny olona iray dia miankina ihany koa amin'ny fiantraikan'ireo tontolo manodidina izay iainany sy ny fiaraha-monina misy azy.

Ankoatra ny fiantraikan'ny tontolo iainana, sy ny fetezana arak'asa na ara-tsiansa na araka ny lojika, sy ny "Irâdat" Fanirian'i Allâh miaraka amin'ny "Kod'rat" Fahefany izay mampitombona ny fananan'ny Imâmo al-

Mahdi (as) ny fotoam-pahavelomana maharitra, dia aoka hofantantsika ihany koa fa izy dia olona manam-pahaizana ambony, satria izy no mpandova ara-pahalalana an'ireo Mpaminany sy ireo Imâmo rehetra teo alohany. Izany fananany fahaizana ambony izany no ahafahany manao izay tokony hataony mba hahatonga azy ho lava velona, na dia tsy misaraka amin'izany aza ny Faniriana amam-Pahefan'i Allâh (swt).

Isika mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) dia mahafantatra tsara fa ny Imâmo al-Mahdi (as) dia anisan'ireo "**Sharîkol-Kor'âny**" izany hoe "**Mpiray amin'ny Kor'âny**". Ary raha jerentsika ny ao amin'ny Kor'âny dia hita fa misy fahalalana ambony, satria efa ho taonjato faha-14 no niresahan'ny Kor'âny masina momba ny tontolon'ny habakabaka, kanefa ny zanak'olombelona dia teo ho eo amin'ny zato taona vao nahalala mikasika izany. Ohatra amin'izany firesahana momba ny tontolon'ny habakabaka izany dia ny voalazan'ny Kor'âny masina ao sourat al-Rahmân (55) andininy faha-33 manao hoe :

يَا مَعْشَرَ الْجِنِّ وَالإِنسِ إِنْ اسْتَطَعْتُمْ أَنْ تَنفُذُوا مِنْ أَقْطَارِ السَّمَوَاتِ وَالأَرْضِ فَانفُذُوا لا تَنفُذُونَ إِلاَّ بِسُلْطَانٍ

« **Ry jiny sy ny olombelona ! Raha afaka mivoaka ivelan'ny sehatr'ireo lanitra ianareo dia mivoaha ; nefa dia tsy afaka ny hivoaka ao ianareo raha tsy amin'ny alalan'ny fahefana.** »

Sahala amin'izany koa ny voalaza ao amin'ny sourat al-Hijr (15) andininy faha-14 sy faha-15 manao hoe :

وَلَوْ فَتَحْنَا عَلَيْهِمْ بَاباً مِنْ السَّمَاءِ فَظَلُّوا فِيهِ يَعْرُجُونَ، لَقَالُوا إِنَّمَا سُكِّرَتْ أَبْصَارُنَا

« **Ary na dia hosokafanay amin'izy ireo aza ny varavaran'ny lanitra, ka afaka miakatra ao izy ireo, dia hiteny izy ireo hoe : Tampina tokoa ny masonay…** »

Ohatra amin'izany koa, raha mbola niaina tao anatin'ny habadoana ny firenena natanjaka tamin'izany fotoana izany, dia ny Kor'âny masina kosa dia efa niresaka mikasika ny fivelaran'ny vahin-danitra (galaxie) araka ny voalaza ao amin'ny sourat al-Zhariyâte (51) andininy faha-47 manao hoe :

وَالسَّمَاءَ بَنَيْنَاهَا بِأَيْدٍ وَإِنَّا لَمُوسِعُونَ

« **Ny lanitra dia namboarinay avy tamin'ny Herinay ary Izahay no namelatra azy amin'ny velarana tsy hita noanoa.** »

Mitovy amin'izany koa ny filazan'ny Kor'âny masina an'ilay fiakaran'ny Mpaminany Mohammady (saw) ara-batana sy ara-panahy nankany an-danitra ; kanefa ireo olombelona tamin'izany fotoana izany dia mbola tsy sahy nanao dia lavitra teto ambony tany nohon'ny fahatahorana sao dia ho latsaka, satria nihevitra izy ireo fa ity tany ity dia fisapisaka. Vao teo ho eo amin'ny 500 taona lasa izay vao nahita atoa Galilée fa boribory ny tany. Hoy indrindra ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat Yâ-Sîn (36) andininy faha-40 mikasika izany manao hoe : وَكُلٌّ فِي فَلَكٍ يَسْبَحُونَ « **Ary ny tsirairay dia misosa mitsinkafona amin'ny faritra misy azy avy.** »

Koa raha ny Kor'âny masina aza dia hita fa mifono fahalalana ara-tsiansa izay tsy takatry ny sain'olombelona hatramin'ny ela, dia azo inoana ihany koa izany fa ny Imâmo al-Mahdi (as) izay "**Sharîkol-Kor'âny**" dia manana fahalalana ambony momba ny siansa izay mbola tsy takatry ny sain'ny olombelona ihany koa, ahafahany manana androm-pahavelomana maharitra.

Anisan'ny porofo lehibe manamarina ny hahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra dia ny fisian'ny hadith nolazain'ilay Mpaminany (saw) fa mbola ho avy tokoa ny Imâmo al-Mahdi (as) sy ny Mpaminany Jesosy (as) hanavotra an'ity tany ity ; satria ny tenin'ilay Mpaminany masina (saw) dia efa porofo (hojjat) ho antsika olombelona, noho Izy tsy mba miteniteny fahantany, araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Najm (53) andininy faha-3 sy faha-4 manao hoe :

وَمَا يَنْطِقُ عَنْ الْهَوَى إِنْ هُوَ إِلاَّ وَحْيٌ يُوحَى

« **Ary tsy miteny araka ny sitrapony Izy; fa izany dia faminaniana tonga taminy.** »

Arak'izany dia tsy maintsy ho tanteraka izany tenin'ilay Mpaminany (saw) izany noho izy Hafatra avy tamin'i Allâh (swt) sy fanambarana avy tamin'ireo Ahlol-Bayt (as) rehetra, na dia tsy mahafaly an'ireo tsy mpino sy mpanao ratsy sy ireo mpanindry hazo lena sy ireo mpihatsaravelatsihy aza izany.

Ny fahaterahan'ny Imâmo al-Mahdi (as) dia antsoina hoe **Far'hat al-Zahrâ** (فَرْحَةُ الزَّهْرَاء), izany hoe fifalian'ny sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as), satria rehefa nenjehina sy novonoina ireo Imâmo (as) ireo dia nangataka tamin'i Allâh (swt) ny sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as) mba hitohizan'ny fahazavan'ireo Imâmo (as) taranany ireo hatrany amin'ny Imâmo al-Mahdi (as), ary dia tanteraka izany fangatahan'ny sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as) izany tamin'ny fahaterahan'ilay Imâmo faha-12 farany (as) sy ny nitondrany amin'ny maha-Imâmo azy tamin'ny taona faha-260H (araka ny fanisan-taona islamika), izay maneho ny fahafenoan'ny Fahazavan'i Allâh (swt), na dia tsy faly aza ireo tsy mpino. Hoy indrindra ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Saff (61) andininy faha-8 milaza manao hoe :

يُرِيدُونَ لِيُطْفِئُوا نُورَ اللَّهِ بِأَفْوَاهِهِمْ وَاللَّهُ مُتِمُّ نُورِهِ وَلَوْ كَرِهَ الْكَافِرُونَ

« **Izy ireo dia mitady hamono ny Fahazavan'i Allâh amin'ny alalan'ny vavan'izy ireo, fa vao mainka i Allâh mameno ny Fahazavany na dia mankahala izany aza ireo tsy mpino.** »

Marihina fa na dia efa mivoatra aza ny fahaizan-janak'olombelona amin'izao vanim-potoana iainantsika izao dia mbola betsaka kosa ireo fahalalana ao amin'ity finoana Islâmo ity no mbola tsy haintsika ny antony sy ny tena dikany mazava, fa rehefa tonga ny Imâmo al-Mahdi (as) dia izy no hanambara sy hanazava an'ireo fahalalana rehetra ireo.

Mikasika ny fahalalana ao amin'ny Kor'âny masina amin'ny fiakaran'ilay Mpaminany (saw) ara-batana sy ara-panahy tany an-danitra tao anatin'ny fotoana fohy dia efa taty aoriana ela be vao voaporofo ara-tsiansa ny fetezan'izany tamin'ny alalan'ny fahitan'ny manam-pahaizana ny fisian'ny hafainganam-pandeha faran'izay haingana indrindra, antsoina hoe : hafainganam-pandehan'ny hazavana na "vitesse lumière".

Midika izany, fa ny zavatra heverina ho tsy azo tanterahina ankehitriny dia mety ho azo tanterahina ihany izany rehefa afaka taona maromaro any aoriana any. Ohatra, fahiny ny olona rehefa mandeha lavitra miampita ranomasina dia mandeha amin'ny alalan'ny sambolay izay maharitra fotoana amam-bolana mihitsy vao tonga amin'ny toerana izay haleha. Nefa ankehitriny dia adiny iray fotsiny dia efa tonga amin'ny alalan'ny fandehanana amin'ny fiaramanidina; nefa tsy noeritreretina mihitsy ny hisian'izany fiaramanidina izany taloha be tany. Sahala amin'izany koa ohatra, ireo olona taloha dia tsy nihevitra mihitsy fa indray andro any dia ho afaka hifampiresaka hifampihaino feo sy hifankahita amin'ny alalan'ny sary mihetsika, na dia mifankalavitra aza ny toerana misy azy ireo, nefa dia tanteraka izany taty aoriana tamin'ny alalan'ny antso an-tariby, ary ankehitriny aza dia vao mainka azo entina mandehandeha izany telefaonina izany, azo atao anaty paosin'ny lobaka.

Arak'izany, ny fananan'ny Imâmo al-Mahdi (as) fotoam-pahavelomana lava, na dia mbola tsy mazava amintsika aza ny fetezan'izany ankehitriny, dia mbola hazava izany rahampitso nohon'ny fivoaran'ny siansa sy ny teknolojia.

Maro tokoa ny zava-tsarotra tsy takatry ny sain'olombelona, kanefa izany dia mora foana eo anatrehan'i Allâh (swt) ; ka anisan'izany ilay fahatongavan'ny Imâmo al-Mahdi (as) izay narovan'i Allâh (swt) ao anatin'ny fanjavonana, nohon'ny tsy fisian'ny vahoaka hanampy azy.

Fa rehefa sempotry ny fahasahiranana sy fahoriana mafy ny zanak'olombelona ka tsy mahita làlan-kombana intsony dia tsy maintsy hiantso vonjy amin'i Allâh (swt) izy ireo, ka amin'izay fotoana izay i Allâh (swt) dia hamonjy azy ireo amin'ny alalan'ny fandefasany an'ny Imâmo al-Mahdi (as) ; ary dia mazava ho azy fa hanampy an'ilay Imâmo (as) izy ireo amin'ny fananganana an'ilay Fanjakan'ny lanitra.

Raha dinihina ilay hadith nolazain'ny Mpaminany (saw) izay manambara fa rehefa tonga ny Imâmo al-Mahdi (as) dia izy no hameno indray ny rariny sy ny fandriam-pahalemana eto an-tany sahala amin'izy teo aloha feno ny tsy rariny sy ny herisetra. Ary iza moa ankehitriny no tsy hilaza fa efa feno herisetra sy tsindry hazolena ity tany ity. Koa raha efa tanteraka ny ampahany voalohany amin'io hadith io, dia amin'ny fomba ahoana moa no tsy hahatanteraka an'ilay

ampahany faharoa, dia ilay fiverenan'ity tany ity indray ho feno ny rariny sy ny fandriam-pahalemana amin'ny alalan'ny Imâmo al-Mahdi (as) ?!

Arak'izany, Andriamanitra Allâh dia tsy maintsy hampiasa ny Heriny sy ny Fahefany mba hahatanteraka izany fisian'ny rariny sy ny fandriam-pahalemana izany, ary na dia eo aza ireo fitaovam-piadiana mahery vaika ananan'ireo fahavalo, dia tsy hahasakana ny fijoroan'ilay Fanjakan'ny lanitra velively izany.

*** * * * ***

**(Lesona faha-4)**

Milaza i Allâh (swt) ao amin'ny Kor'âny masina, sourat al-Ambiyâ (21) andininy faha-69 manao hoe:

قُلْنَا يَا نَارُ كُونِي بَرْداً وَسَلاماً عَلَى إِبْرَاهِيمَ

« **Hoy Izahay hoe: Ô ry afo, aoka ianao hangatsiatsiaka sy handry fahalemana amin'i Abrahama!** »

Marina fa ny haelam-pahaveloman'ny Imâmo al-Mahdi (as) dia anisan'ireo zava-mahagaga (mo'jizat) vitan'Andrimanaitra, nefa izany dia tsapa ho fahagagana tsotsotra ihany raha hampitahaina amin'ireo fahagagana efa nisy tany aloha. Ohatra ilay Mpaminany Abrahama (as) izay natsipy tao anaty afo miredareda nefa tsy may, araka ny voalazan'io andinin'ny Kor'âny masina eo ambony io, dia hita ho fahagagana lehibe mihoatra ny

fananan'ny Imâmo al-Mahdi (as) fotoam-pahavelomana lava.

Tahak'izany koa dia hita fa mavesa-danja kokoa noho ny haelam-pahavelomana ilay fahagagana izay nampisaraka ny ranomasina nataon'ny Mpaminany Mosesy (as) araka ny voalaza ao amin'ny sourat al-Sho'arâ (26) andininy faha-63 manao hoe :

فَأَوْحَيْنَا إِلَى مُوسَى أَنْ اضْرِبْ بِعَصَاكَ الْبَحْرَ فَانفَلَقَ فَكَانَ كُلُّ فِرْقٍ كَالطَّوْدِ الْعَظِيمِ

« **Fa nambaranay tamin'i Mosesy hoe : Kapohy amin'ny tehinao ny ranomasina. Fa dia nisara-droa izany, ary dia sahala amin'ny tendrombohitra lehibe ny andaniny sy ny ankilany.** »

Anisan'ny fahagagana lehibe mihoatra ny haelam-pahavelomana ihany koa ilay fahaterahan'ny Mpaminany Jesosy (as) nefa tsy manan-dray no sady mbola zaza vao teraka telo andro monja dia efa afaka niteny sahady, araka ny voalaza ao amin'ny sourat Maryamo -as- (19) andininy faha-28-30 manao hoe :

يَا أُخْتَ هَارُونَ مَا كَانَ أَبُوكِ امْرَأَ سَوْءٍ وَمَا كَانَتْ أُمُّكِ بَغِيّاً. فَأَشَارَتْ إِلَيْهِ قَالُوا كَيْفَ نُكَلِّمُ مَنْ كَانَ فِي الْمَهْدِ صَبِيّاً. قَالَ إِنِّي عَبْدُ اللَّهِ آتَانِي الْكِتَابَ وَجَعَلَنِي نَبِيّاً

« **Ry anabavin'i Harona ! Tsy olon-dratsy ny rainao ary ny reninao dia tsy mpivaro-tena ! Fa nanondro an'ilay zazakely i Maria ; fa hoy izy ireo hoe : Ahoana no hiresahanay amin'ny zazakely mbola eo am-pandriana ? Ary dia niteny ilay zazakely hoe : Marina dia marina fa izaho dia**

**mpanompon'i Allâh, nomeny boky Aho ary notendreny ho Mpaminany.** »

Tamin'ny andron'ny Mpaminany farany (saw), rehefa nohodidin'ireo mpanompo sampy fahavalo ny tranony mba hisamborana Azy hovonoina ka handeha hanao fifindra-monina masina (na hijra) Izy, fa ny Imâmo Aly (as) no nampatoriany teo amin'ny fandriany nisolotena Azy, dia tsy hitan'ireo fahavalo ireo akory ny nivoahan'ilay Mpaminany (saw) avy tao an-trano teo anatrehan'izy ireo, satria i Allâh (swt) dia efa nilaza ao amin'ny sourat al-Isrâ (17) andininy faha-45 manao hoe :

وَإِذَا قَرَأْتَ الْقُرْآنَ جَعَلْنَا بَيْنَكَ وَبَيْنَ الَّذِينَ لا يُؤْمِنُونَ بِالآخِرَةِ حِجَاباً مَسْتُوراً

« **Ary rehefa mamaky ny Kor'âny ianao dia apetrakay eo anelanelanao sy ireo tsy mino an'ilay andro farany ny voaly tsy hitamaso.** » Ary izany dia mbola fahagagana lehibe ihany koa mihoatra ny haelam-pahavelomana.

Ilay Fanjakan'ny lanitra izay ho avy moa dia fanjakana iraisan'ny firenena rehetra izay ahitana vahoaka sy foko samihafa, samy manana ny fomba fiteniny sy ny kolotsainy avy.

Ny zavatra fahita eo amin'ny ankamaroan'ny olombelona mpitondra vahoaka, rehefa izy no nahazo ny fahefana dia mora azon'ny fakam-panahy amin'ny fitiavan-tena sy fanambonian-tena ka izany no mitarika azy manao ny tsy rariny sy mampijaly ny vahoakany. Na

dia olon-tsara sy olo-marina izy tamin'ny voalohany fa tratran'ny fakam-panahy nahazo fahefana dia lasa mivadika ho olon-dratsy tsy refesi-mandidy.

Midika izany fa ilay Fanjakan'ny lanitra izay ho avy hampanjaka ny rariny sy ny fandriam-pahalemana dia tsy maintsy mitaky mpitondra avy amin'ny taranak'ireo olona masina "ma'asomo". Izany no ahafahantsika milaza fa ilay Imâmo al-Mahdi (as) dia efa naterak'ilay Imâmo faha-11 (as), izay manana rohim-pihavanana tena akaiky amin'ireo Imâmo (as) rehetra teo alohany ka tafapaka hatrany amin'ny Mpaminany masina (saw) izay Raiben'izy ireo. Ary izany fananan'ny Imâmo al-Mahdi (as) rohim-pihavanana tena akaiky amin'ny Mpaminany (saw) izany no hananana fahatokisana kokoa fa mbola ilay hafatr'ilay Mpaminany (saw) hatramin'ny voalohany ihany, tsy nisy fanovana, no handeha hampitainy amin'ny vahoaka rehefa tonga izy ; toy izay ny mpitondra avy amin'ny taranaka lavitra taty aoriana amin'izao vanim-potoana iainantsika izao, izay mety efa nanadino ilay tena hafatr'ilay Mpaminany (saw). Noho izany, ilay Imâmo al-Mahdi (as) izay teraka tamin'ny taona faha-255H ka efa naheno mivantana ny fampianarana islamika tena izy avy tamin'ireo raibeny izay "ma'asomo" no azo antoka fa afaka mampita izany an-tsakany sy an-davany mihoatra ny olon-kafa izay teraka taty aoriana.

Iarahantsika mahafantatra moa fa ny finoana Islâmo dia nampitain'Andriamanitra Allâh (swt) tsikelikely teo amin'ny olombelona, tamin'ny alalan'ireo Mpaminany (as) maro be miisa 124.000 izay

nifandimby ; ary notontosain'i Allâh (swt) izany fampitana ny hafatry ny finoana Islâmo izany tamin'ny alalan'ilay Mpaminany farany Mohammady (saw). Tahak'izany koa ny boky masina Kor'âny, dia efa voasoratra ela be teo amin'ilay "(اللَّوْحُ المَحْفُوظُ) Laohol-Mahfoz na Takelaka voaaro" talohan'ny namoronana ny olombelona ; araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Boroj (85) andininy faha-21-22 manao hoe : بَلْ هُوَ قُرْآنٌ مَجِيدٌ فِي لَوْحٍ مَحْفُوظٍ « **Izany no Kor'âny be voninahitra ; izay voatahiry ao anatin'ny takelaka voaaro.** »

Ary dia nomen'i Allâh (swt) andininy vitsivitsy avy tamin'izany Kor'âny masina izany ireo Irak'Andriamanitra rehetra nandalo ka tapitra feno izany tamin'ny vanim-potoanan'ilay Mpaminany farany (saw). Fa hoy indrindra i Allâh (swt) ao amin'ny sourat al-Mâidah (5) andininy faha-3 milaza manao hoe :

الْيَوْمَ أَكْمَلْتُ لَكُمْ دِينَكُمْ وَأَتْمَمْتُ عَلَيْكُمْ نِعْمَتِي وَرَضِيتُ لَكُمْ الإِسْلامَ دِيناً

« **Ankehitriny dia notontosaiko ho anareo ny finoanareo sady nofoneiko ny fahasoavako eo aminareo ary ankasitrahako ny Islâmo ho finoanareo.** »

Ankoatr'izany moa dia efa voalaza ao amin'ny Kor'âny masina fa ireo Imâmo (as) izay Mpitarika ny olombelona, dia adidin'i Allâh (swt) samirery no manendry azy ireo, mitovy amin'ny nanendreny an'ireo Mpaminany (as) rehetra, fa tsy manana safidy

amin'izany isika vahoaka. Hoy indrindra i Allâh (swt) manambara izany ao amin'ny sourat al-Sajdah (32) andininy faha-24 manao hoe :

وَجَعَلْنَا مِنْهُمْ أَئِمَّةً يَهْدُونَ بِأَمْرِنَا ... « **Ary nanendry Mpitarika avy amin'izy ireo Izahay mba hitari-dàlana araka ny Didinay…** »

Arak'izany, ireo Imâmo (as) miisa 12 ireo dia olona efa voatendrin'Andriamanitra avokoa.

Raha ny fahaizana amam-pahalalana ananan'ireo Imâmo (as) ireo no dinihina dia malaza ara-tantara ny fahaizan'ny Imâmo Aly zanak'i Abo Tâlibo (as) raha tsy hiresaka afa-tsy izy isika. Izy no voalazan'ilay Mpaminany (saw) fa "Bâb al-'Ilm" na varavaran'ny fahalalana, raha toa ka ilay Mpaminany (saw) no tanànan'ny fahalalana.

Nilaza ny Imâmo Aly (as) hoe : "**Ilay Irak'i Allâh (saw) dia nampianatra ahy fahalalana taranja arivo, fa avy eo, isaky ny taranja iray dia nahafahako nanokatra fahalalana taranja arivo.**"

Mbola tamin'ny vanim-potoan'ny habadoana, ny Imâmo Aly (as) dia efa nilaza hoe : "**Izaho dia afaka mamoaka hazavana avy amin'ny alalan'ny renirano.**" Ary dia tanteraka izany ankehitriny amin'ny alalan'ny fahazoana herinaratra avy amin'ny renirano.

Niteny koa ny Imâmo Aly (as) hoe : "**Mahagaga ahy ity olombelona ity : fa izy dia miteny amin'ny alalan'ny hena, sy mahita amin'ny alalan'ny jabora ary maheno amin'ny alalan'ny taolana.**"

Taloha ny olona dia tsy nahafantatra akory izay firafitry ny sofina, fa taty aoriana nohon'ny fivoaran'ny fahalalan'ny zanak'olombelona vao nahalala fa ao amin'ny sofina dia misy karazan-taolana manify izay antsoina hoe "ampongan-tsofina" ka amin'ny alalan'izany no ahafahan'ny olombelona mandre. Efa ela be talohan'izany anefa ny Imâmo Aly (as) dia efa nanambara ny fisian'izany ampongan-tsofina miendrika taolana izany, noho izy tena manam-pahaizana tokoa.

Amin'ny maha-mpandova an'ireo Mpaminany (as) sy ireo Ahlol-Bayt (as) ny Imâmo al-Mahdi (as) dia mazava ho azy koa fa izy dia manana fahaizana amam-pahalalana ambony tahak'azy ireo. Koa raha manam-pahaizana lehibe tahak'izany ilay Imâmo faha-12 (as) dia tsy mahagaga raha hainy ny mandamina ny fiainany mba ho ela velona sy miaro tena ao anatin'ny fanjavonana ka tsy misy na iza na iza afaka mitsikilo ny toerana misy azy eto ambony tany.

Ary ny fitazoman'ny Imâmo al-Mahdi (as) andraikitra ambony amin'ny maha-Imâmo azy nefa izy dia mbola ankizy kely dia tsy atao mahagaga ihany koa satria efa nisy tamin'ireo Mpaminany toa an'ny Mpaminany Jesosy (as) sy ny Mpaminany Jaona (as) no efa voatendry ho Mpaminany tamin'izy ireo mbola zaza ; ary toy izany koa ilay Imâmo faha-9 sy faha-10 (as) dia efa nitazona ny Imâmah na ny Fitarihana kanefa izy ireo dia mbola zaza tamin'izany fotoana izany.

Maro ireo tantara izay tsy voatanisa eto amin'ity lesona ity, mikasika ny fananan'ireo Imâmo Ahlol-Bayt

(as) ireo fahalalana ambony, koa isaky ny mamaly ireo fanontaniana napetraky ny olona izy ireo dia manome valiny tena mafonja ka mahatonga ireo olona miaiky azy ireo sy miteny manao hoe :

اللَّهُ أَعْلَمُ حَيْثُ يَجْعَلُ رِسَالَتَهُ

« **Allâh no mahalala indrindra izay hametrahany ny Hafany.** »

Fa rehefa tapitra tamin'ilay Mpaminany Mohammady (saw) tokoa moa ny fandefasan'i Allâh (swt) ny Hafatra dia ireo Imâmo miisa 12 ireo no nifandimby nisolo toerana an'ilay Mpaminany (saw).

Arak'izany, ireo Imâmo (as) ireo isaky ny vanim-potoana niainan'izy ireo avy, dia izy ireo no olombelona farany ambony teo amin'ny lafiny rehetra, na teo amin'ny lafiny fahalalana izany, na teo amin'ny lafiny fahendrena sy ara-pitondrantena, na teo amin'ny lafiny fananana fahatoharana an'Andriamanitra sy fananana herim-po, …sns.

Anisan'ny porofon'ny efa nahaterahan'ny Imâmo al-Mahdi (as) dia ilay hadith izay iombonan'ireo silamo rehetra, voaray avy tamin'ny Mpaminany (saw) izay niteny hoe :

إِنِّي تَارِكٌ فِيكُمُ الثَّقْلَيْنِ مَا اِنْ تَمَسَكْتُمْ بِهِما لَنْ تَضِلُّوا بَعْدِي اَبَداً: كِتَابَ اللهِ، وَعِتْرَتِي اَهْلَ بَيْتِي وَلَنْ يَفْتَرِقَا حَتَّى يَرِدَا عَلَيَّ الْحَوْضَ.

"**Marina dia marina fa izaho dia hametraka ho eo aminareo zavatra anankiroa mavesa-danja, koa raha mifikitra amin'izany ianareo dia tsy ho very mandrakizay any aoriako any, dia ny bokin'i Allâh**

**sy ireo taranako Ahlol-Bayt (as) izay tsy hisaraka mihitsy izy anankiroa ireo mandra-piverenan'izy roa ao amiko ao amin'ny dobon'i Kawthar.**"

Ity hadith ity dia hita ao amin'ny boky sahîh Moslimo v.4 hadith laharana faha-1873 sy ao amin'ny boky "Sawâ'iq-oul-Mouhariqa" nosoratan'Ibn Hajar al-'Asqalani ao amin'ny pejy faha-89.

Ity hadith ity dia manambara fa ny Kor'âny sy ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) dia tsy afa-misaraka mihitsy, koa izay fotoana ahitana ny Kor'âny dia tsy maintsy ahitana iray amin'ireo Imâmo, ary izay fotoana ahitana ny Imâmo dia tsy maintsy ahitana ny Kor'âny.

Ankoatr'izany koa dia iombonan'ireo silamo rehetra ny isan'ireo Imâmo na khalîfah 12 araka ny voalazan'ny hadith avy tamin'ny Mpaminany (saw), fa ny anaran'ireo khalîfah 12 ireo ihany no tsy mampitovy ny hevitr'ireo silamo. Izany hadith manambara isan'ireo Imâmo 12 ireo izany moa dia hita ao amin'ny boky sahîh Moslimo v.3 hadith lah°: 1453; sy ao amin'ny boky sahîh al-Bokharî v.4 p.165 Kitâb al-Ahkam; sy ao amin'ny boky "Sonan" nosoratan'i Abo Daood v.3 p.106 Kitâb al-Mahdi; sy ao amin'ny boky "Mosnad" nosoratan'i Ahmad Ibn Hanbal v.5 p.86-90 sy ireo boky hafa tsy voatanisa.

Ao amin'ny Kor'âny masina sourat al-Taobah (9) andininy faha-36 dia milaza manao hoe:

إِنَّ عِدَّةَ الشُّهُورِ عِنْدَ اللَّهِ اثْنَا عَشَرَ شَهْراً فِي كِتَابِ اللَّهِ يَوْمَ خَلَقَ السَّمَوَاتِ وَالأَرْضَ مِنْهَا أَرْبَعَةٌ حُرُمٌ ذَلِكَ الدِّينُ الْقَيِّمُ فَلا تَظْلِمُوا فِيهِنَّ أَنْفُسَكُمْ...

« **Marina dia marina fa ny isan'ireo volana eo anatrehan'i Allâh dia roa ambin'ny folo, araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'i Allâh, nanomboka tamin'ny andro izay nahariany an'ireo lanitra sy ny tany ; efatra amin'izy ireo dia masina ; izany no finoana marina, koa aoka ianareo mandritra azy ireo mba tsy hanao tsindry hazolena amin'ny tenanareo.** »

Araka ny tafsîr na fanazavana an'io andininy io izay voaray avy tamin'ny Mpaminany (saw) dia nafatrafatra tsara mihitsy Izy nialohan'ny fotoana nahafatesany mba tsy hisy afaka hanova ny isan'ireo volana 12, fa ny tiany hambara amin'izany dia ireo Imâmo (as) izay miisa 12 izay tsy tokony hisy olona hanohitra azy ireo; ka ny efatra amin'ireo volana ireo dia masina tsy azo hanaovana "jihâd": dia ny volana Rajabo sy ny Zhil-Ka'ada sy ny Zhil-Hadj ary ny volana Moharramo. Fa ny tiany hambara amin'ireo volana masina efatra ireo dia ireo Imâmo miisa efatra izay mitondra ny anarana hoe Aly: dia ilay Imâmo voalohany, sy ilay Imâmo faha-4, sy ilay Imâmo faha-8, ary ilay Imâmo faha-10. Ary ao amin'ireo volana masina efatra voalaza ireo no misy ny tsingerin'andro nahaterahana na nahamaritioran'ireo Imâmo (as) tsirairay anankiefatra ireo.

Ireo mpino mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as), na na manao ahoana na manao akory ny fampahoriana natao tamin'ireo Imâmo Mpitarika azy ireo, dia tsy nataon'izy ireo nahakivy izany, fa vao mainka aza izy ireo no mbola nifikitra mafy hatrany tamin'ilay fahamarinana, fa tsy mba nivadika velively. Izany tsy famelan'ireo mpino ny fahamarinana izany koa no nahatonga azy ireo niharan'ny herisetra sy fampahoriana isankarazany, nataon'ireo fahavalo ankivy izy ireo, tsy navela niasa ara-barotra, tsy nekena nanorina trano fonenana, fa na dia ny trano bongo izay mba nipetrahan'izy ireo aza dia mbola noravan'ireo fahavalo ary nisy tamin'ireo aza no maty maritiora mihitsy. Tamin'izany fotoana izany i Moavia dia nanome baiko fa izay olona na dia hananana ahiahy ho mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) fotsiny aza dia vonoina avy hatrany. Na dia teo aza izany rehetra izany dia tsy nampihemotra an'ireo mpino mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo tamin'ny fitazomana an'ilay fahamarinana velively izany, satria izy ireo dia resy lahatra fa ny fiainana eto an-tany dia fandalovana fotsiny, ka naleon'izy ireo nijaly eto amin'ity tany fandalovana ity toy izay ny hijaly mandrakizay any amin'ny fiainana any ankoatra. Hoy indrindra i Allâh (swt) ao amin'ny sourat al-A'alâ (87) andininy faha-17 hoe: وَالآخِرَةُ خَيْرٌ وَأَبْقَى « **Fa ny fiainana any ankoatra no tsara sy maharitra indrindra.** »

Isika mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) amin'izao fotoana izao koa dia tokony haka lesona

amin'ireo mpanaradia tamin'ny andron'ireo Imâmo (as) ireo, ka tsy tokony ho mora kivy na hiala amin'ny fahamarinana rehefa tojo fotoan-tsarotra na fitsapana amin'ity fiainana mandalo eto an-tany ity.

* * * * *

## (Lesona faha-5)

Araka ny efa voalazantsika tao amin'ny lesona teo aloha fa ireo Imâmo (as) ireo dia olona voafidy sy voatendrin'i Allâh (swt) eny fa na dia nenjehina sy nampahoriana, nogadraina aza izy ireo. Fa nisy ihany tamin'ireo Imâmo (as) ireo no mba nahazo fotoana kely nentina nampianatra. Na dia tao am-ponja aza ny sasany tamin'ireo Imâmo (as) ireo dia niezaka foana izy ireo nifandray tamin'ireo mpanaradian'izy ireo sy izay solotenan'izy ireo tamin'ny alalan'ny fanoratana taratasy. Ny fampahoriana mafy nataon'ireo banî Omayyah sy Banî Abbâsy tamin'ireo Imâmo (as) ireo dia tsy nahasakana azy ireo nanome tari-dàlana sy fampianarana an'ireo mpanaradian'izy ireo. Izy ireo dia tsy mba manambony tena na miavonavona, fa tena tia mifanerasera amin'ny vahoaka sy manome fanampiana ny hafa; rehefa misy ny filàn'ny vahoaka azy ireo dia tsy mba mangatak'andro akory izy ireo na manao andraso andraso fa avy hatrany dia manatanteraka izany filàn'ny vahoaka azy ireo izany.

Ireo tena mpino mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo dia voahenjika ihany koa, nisy tamin'izy ireo no

nampidirina tao am-ponja, nisy ireo novonoina, voatery izy ireo niparitaka nanavotr'aina lasa nandao ny tanindrazan'izy ireo; nefa izy ireo dia mbola tsy niala tamin'ny fitiavana an'ireo Ahlol-Bayt (as) sady nitazona hatrany an'ilay fahamarinana. Izany fifikiran'ireo mpanaradia amin'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo izany no nahatonga azy ireo nahazo ny toetran'ireo Imâmo (as) ireo izay manana fahalalam-pomba tsara sy be fanetren-tena sy be fangorahana sy tso-piainana fa tsy mba tia rendrarendran'izao tontolo izao. Avy amin'izany hatsaran-toetran'izy ireo izany no nahatonga ny vahoaka sasany ho resy lahatra ka voatarika amin'ny fitiavana an'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo ihany koa.

Tamin'ny fanjakan'ireo banî Omayyah sy banî Abbâsy dia tena natanjaka izy ireo teo amin'ny ara-bola sy ny fitaovana ara-tserasera toy ny fampiasana olona hitoriteny mba hidera an'ireo olon-dratsy sy hanaratsiana an'ireo Ahlo-Bayt (as) amin'izay tsy tafita ny fampianaran'ireo Imâmo (as) ireo, ohatra ny fampianarana mikasika an'ilay Mpanavotra (as).

Na dia teo aza izany fanakanana ny fampianaran'ireo Imâmo (as) ireo izany, dia iarahantsika mahalala ankehitriny fa mbola ahitana hadith miisa 400 no voarakitra ao amin'ny bokin'ireo rahalahy sonnah, indrindra moa fa ao amin'ny bokin'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) dia ahitana maro mihoatran'izany, ka ny fitambaran'ireo hadith rehetra mikasika an'ny Imâmo al-Mahdi (as) ireo dia mahatratra eo ho eo amin'ny 6000 hadith. Arak'izany dia

iombonan'ireo silamo rehetra ny hadith mikasika an'ny Imâmo al-Mahdi (as) fa kosa ny ady hevitra mipetraka dia mikasika ny valim-panontaniana manao hoe: Iza moa izany Imâmo al-Mahdi (as) izany? Samy manana ny filazany ny rehetra fa adidintsika ny mampahafantatra amin'ny be sy ny maro, iza marina moa ny Imâmo al-Mahdi (as) eto amin'ity lesona ity.

Sahala amin'izany koa ny resaka mikasika an'ireo Imâmo miisa 12 dia ahitana hadith ao amin'ny bokin'ireo rahalahy sonnah sy ao amin'ny bokin'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ka ny fitambaran'ireo hadith ireo dia miisa 270; saingy ny anaran'ireo Imâmo miisa 12 ireo no mampisy ady hevitra, ka adidintsika ihany koa ny manambara amin'ity lesona ity, iza marina moa ireo Imâmo 12 ireo.

Rehefa voaporofo fa ny isan'ireo Imâmo dia 12, ka ny voalohany dia ny Imâmo Aly (as), ny faharoa dia ny Imâmo Hasany (as), ny fahatelo dia ny Imâmo Hoseny (as), hatrany amin'ny faha-11 dia ny Imâmo Hasany 'Askary (as), fa mipetraka kosa ny fanontaniana hoe: iza marina moa ilay Imâmo faha-12 farany izay antsoina hoe Imâmo al-Mahdi (as)? Eny fa na dia samy manaiky ny fisian'ny Imâmo al-Mahdi (as) izay Mpanavotra ho avy hameno ny rariny sy ny fandriam-pahalemana eto an-tany tokoa aza ny silamo rehetra, dia misy tsy fitovizana kosa ny fomba finoana mikasika azy.

Ny Imâmo al-Mahdi (as) izay zanaky ny Imâmo faha-11 (as) dia teraka tamin'ny taona faha-255H. Rehefa feno 5 taona izy tamin'ny taona faha-260H dia

nodimandry, maty maritiora ny rainy. Raha vao avy nanao salât al-Mayyt ho an'ny rainy izy, dia avy hatrany niditra tao anatin'ny fanjavonana izay antsoina hoe "**al-Ghaybat al-Soghrâ**" na **Fanjavonana kely** izay naharitra 70 taona teo ho eo. Izany tantara izany moa dia tantara lava nefa isika dia tsy afaka hitantara izany antsipiriany eto, koa hiangaviana izay te hahalala bebe kokoa mba hanao fikarohana sy hanontany amin'ireo manam-pahaizana momba izany.

Nandritra io Fanjavonana kely io ny Imâmo al-Mahdi (as) dia nametraka solotena manokana na "Nâib Khâs" (نائِب خاص) miisa efatra nifandimbidimby mba hahatonga ny vahoaka tsy ho very làlana.

Ireto solotenan'ny Imâmo al-Mahdi (as) manokana na "Nâib Khâs" ireto dia olona manam-pahaizana sy manana ny maha-izy azy manokana, olona tsara fitondrantena sady manana ny hajany teo anatrehan'ny vahoaka, olona tena manana fahatahorana an'Andriamanitra… sns; ka izy ireo no voafidin'ny Imâmo al-Mahdi (as) ho solotenany manokana.

Ny voalohany tamin'ireo Nâib Khâs ireo dia ny H sheikh 'Othmân zanak'i Sa'id al-'Omarî (as), fa rehefa nodimandry izy dia nandimby azy ho solotena faharoa ilay zanany antsoina hoe: ny H sheikh Mohammady zanak'i 'Othmân izay zanak'i Sa'id al-'Omarî (as) araka ny baikon'ilay Imâmo (as). Rehefa nodimandry ilay solotena faharoa dia notendren'ny Imâmo al-Mahdi (as) ho solotenany fahatelo ny H sheikh Hoseny zanak'i Rooh (as), ary rehefa nodimandry koa izy dia notendreny

araka ny baikon'ilay Imâmo (as), ny H sheikh Aly zanak'i Mohammady al-Samarî (as) ho solotena fahefatra farany.

Fa rehefa nandiva ho faty ihany koa ilay solotena fahefatra dia nanambara ny Imâmo al-Mahdi (as) fa efa ho tapitra ilay Fanjavonana kely ary hiditra ao amin'ny **Fanjavonana lehibe** izy na "**al-Ghaybat al-Kobrâ**"; saingy tsy hanendry olona ho solotenany manokana intsony izy, fa izay manam-pahaizana lehibe momba ny didy aman-dalàna (na Fiqh) sady manana fahatahorana an'Andriamanitra no afaka mitarika ny vahoaka, izy ireo no antsoina hoe "Nâib 'Âmm" na solotena ankapobeny, ary mety ho anankiray na anankiroa na mihoatran'izany izy ireo ao anatin'ny vanim-potoana iray, ka manan-tsafidy amin'izay tiany arahina na tiany atao "Taqlîd" ny vahoaka tsirairay amin'ireo manam-pahaizana tena mahay "A'alam" momba ny didy aman-dalàna (fiqh) sy ny fomba fanatsoahana ny didy aman-dalàna (Osol). Midika izany fa ny fanaovana "Taqlîd" na ny fanarahana an'ireo "Marja" ireo dia anisan'ny didy avy tamin'ny Imâmo al-Mahdi (as) ihany koa.

Ny filôzôfian'ny fisian'ny "al-Ghaybat al-Soghrâ" fa tsy avy hatrany dia "al-Ghaybat al-Kobrâ", dia mba ho fanazarana an'ireo vahoaka amin'ny tsy fahitana an'ilay Imâmo (as), fa rehefa zatra ireo vahoaka amin'ny fanarahana an'ireo "Nâib Khâs" dia ho mora amin'izy ireo koa ny hanaraka an'ireo "Nâib 'Âmm". Koa raha sitrapon'i Allâh (swt) ny fahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra dia hanomboka ihany koa amin'ny **Fisehoana kely** izay vao tonga ny **Fisehoana lehibe**

izay hitranga amin'ny andro 'Ashorâ, raha sitrak'i Allâh Ilay Avo Indrindra.

Rehefa tonga ilay Imâmo (as) dia hanampy azy avokoa ireo vahoaka noho izy ireo efa tsy mahita vahaolana intsony amin'ny fahasahirana isankarazany, toy ny fisian'ny valan'aretina mandringana sy fahantrana tafahoatra, sy ny tsy fandriam-pahalemana, sy ny adiady, ka amin'izay fotoana izay dia ho mora amin'ilay Imâmo (as) ny hanangana an'ilay Fanjakan'ny lanitra. Na izany aza anefa dia tsy maintsy handalo fitsapana ireo vahoaka mialohan'ny hahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra, ary izany fitsapana izany no hampatanjaka sy hahamafy orina ny fananam-pinoan'ireo vahoaka. Noho izany, dia tsy maintsy ilaina ny fananana fiaretana na "sabr" amin'izany fotoana izany, ka amin'ny alalan'ny fanaovana fifehezana (na saomo) sy ny salât no fomba hahafahana manana fiaretana, araka ny voalazan'i Allâh (swt) ao amin'ny sourat al-Baqarah (2) andininy faha-45 manao hoe: ...وَاسْتَعِينُوا بِالصَّبْرِ وَالصَّلاةِ « **Ary tohano ny tenanareo amin'ny alalan'ny fiaretana (sabr) sy ny vavaka fanompoana (salât)...** », fa ny tiany hambara amin'ny "fiaretana" eto amin'ity andininy ity araka ny voalazan'ny tafsîr dia ny fifehezana (saomo). Koa dia izany fananan'ireo vahoaka fiaretana izany no mahatonga azy ireo afaka hanampy an'ilay Imâmo (as) amin'ny fananganana ny Fanjakan'ny lanitra.

Tsy hadino koa anefa fa ilay satana amin'izany fotoana izany dia hanao izay faraheriny mba hanakana ny fahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra. Fa dia

anjaran'ireo vahoaka ny hisafidy, na izy ireo hanaraka an'ilay satana izay miezaka mampiely haratsiana sy fahasahiranana sy korontana eo amin'ny fiainana, na izy ireo hanaraka an'ilay Imâmo (as) izay hanangana ny Fanjakan'ny lanitra feno fiadanana sy fandriam-pahalemana sy ny fahamarinana, fa raha manana fiaretana izy ireo dia hotahian'i Allâh (swt) izy ireo amin'ny fisafidianana hanaraka an'ilay Imâmo (as).

Iaraha-mahalala moa fa ny marina dia tsy mba maty, koa na dia afenina sy vonoina aza ny fahamarinana dia hipoitra ihany any amin'ny farany, dia tahak'izany ny resaka mikasika an'ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) ireo, fa na dia efa ela be aza ny resaka mikasika azy ireo dia mbola voatazona hatramin'izao fotoana izao ny fahamarinan'izy ireo. Eny fa na dia niezaka aza ireo fahavalo nilaza lainga mikasika azy ireo, dia hita miharihary ihany ny tsy fahamarinan'izany lainga izany ankehitriny, satria misy fiteny manao hoe: "**Ny tadin'ny lainga dia fohy**" (حَبْلُ الكِذْبِ قَصِيرٌ). Ohatra, ireo banî Omayyah ireo dia nilaza lainga tamin'ireo vahoaka tao Syria fa ny Imâmo Aly (as) hono dia olona tsy mpivavaka. Nefa rehefa novonoina tao amin'ny Masjid teo amin'ny "Mih'rab" ny Imâmo Aly (as) vao taitra sy tonga saina ny rehetra fa hay ny Imâmo Aly (as) dia olona tena mpivavaka tokoa fa fanaratsiana fotsiny no natao taminy hatramin'izay ela izay. Koa raha noteren'ireo banî Omayyah mba hanompa an'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo vahoaka ireo teo aloha, ankehitriny kosa nohon'ny fahitan'ireo vahoaka ireo ny fahamarinana dia

lasa nivadika izy ireo ka nanompa an-tsitrapo an’ireo banî Omayyah mpilaza lainga ireo, tsy nisy fanerena tao anatin’ny fon’izy ireo tsirairay avy.

Anisan’ny porofon’ny fahamarinan’ny fisian’ny Imâmo al-Mahdi (as) tao anatin’ny Fanjavonana kely, dia ny fahitana ireo taratasy nosoratan’ilay Imâmo (as) ho an’ireo solotenany manokana efatra nifandimby ireo. Fa ny lainga dia tsy mba afaka haharitra mandritra ny 70 taona velively, araka ny efa noresahintsika teo aloha fa “**Ny tadin’ny lainga dia fohy**”; satria rehefa nojeren’ireo manam-pahaizana avokoa ireo taratasy voarain’ireo Nâib Khâs anankiefatra ireo dia hita fa mitovy ny sora-tànana, mitovy koa ny fomba fanoratana, izay manambara fa olona iray ihany no loharano niavian’ilay taratasy; ka izany no anisan’ny porofon’ny fisian’ilay Imâmo (as) izay nanjavona.

Amin’izao fotoana izao, ireo vahoaka maneran-tany dia samy mahatsapa avokoa, isaky ny firenena misy azy ireo, fa ny politika nitondrana azy ireo dia tsy nahasoa azy ireo akory fa vao mainka aza niteraka fikorontana sy fahasahiranana, satria izay nitondra azy ireo dia nanao fanamparam-pahefana sy nanararaotra ny tombontsoany manokana sy fitiavan-tena fa tsy mba nitsinjo ny tombontsoan’ny daholobe. Tsy mahagaga izany satria ny fialan’ny zanak’olombelona amin’ilay fahamarinana sy ny tsy fanarahana an’ilay Vavolombelon’i Allâh, ny Imâmo al-Mahdi (as) izay tompon’izany fahamarinana izany ankehitriny, dia tsy

maintsy miafara amin'ny fatiantoka sy fahasahiranana sy fahaverezana. Ny fikorontanan'ny toetr'andro amin'izao fotoana izao, izay mahatonga ireo loza voajanahary samihafa toy ny rivo-doza sy ny tondra-drano sy ny haitany sy ny fihotsahan'ny tany… sns, ka mampitombo ny fahasahiranam-bahoaka, dia mbola voka-dratsy nohon'ny tsy fanarahana an'ilay Imâmo (as).

Ny fanavakavaham-bolon-koditra na fiaviana sy ny tsy fanajana ny zon'olombelona izay mahazo vahana ankehitriny, dia mbola nohon'ny fanaovana ankilabao ny fampianaran'ilay Imâmo (as). Ohatra amin'ny fanavakavahana sy ny tsy fanajana ny zon'olombelona dia ny zava-misy izay iarahantsika mahita mandeha mivoaka amin'ny gazety sy haino aman-jery samihafa amin'izao andro izao. Jereo ireo mpitsoa-ponenana vokatry ny ady ao Ukraine fa voakarakara tsara satria anisan'ny vahoakan'ny Eoropa izy ireo no sady kristianina; nefa ireo mpitsoa-ponenana avy aty Afrika na dia mitovy finoana samy kristianina aza dia tsy mitovy amin'izany ny fomba fikarakarana azy ireo. Izany rehetra izany dia vokatry ny tsy fankatoavana an'ilay Imâmo (as). Koa na ho ela na ho haingana dia tsy maintsy ho tonga saina ny zanak'olombelona fa ny zavatra nataony ihany izay tsy nisy fakana hevitra avy tamin'ilay Imâmo (as) Mpitarika azy ireo no vao mainka nampijaly sy nanahirana azy ireo; ka tsy maintsy hitodika any amin'i Allâh (swt) amin'izay izy ireo ary hangataka ny hahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra haingana mba hanavotra azy ireo sy hisian'ny fiadanana

sy ny filaminana, indrindra moa fa ny rariny sy ny hitsiny eto amin'ity tany ity.

Ilay Fanjakan'ny lanitra izay fanjakana tokana iombonanan'ireo firenena rehetra eto ambony tany, dia mitaky ny fisian'ny fitaovan-tserasera sy fifandraisana matanjaka mba hahatonga ny hafatry ny Imâmo al-Mahdi (as) ho tafapaka eny amin'ny tsirairay eran'izao tontolo izao, satria tsy hisy na dia faritra iray aza ka tsy haheno izany hafatr'ilay Imâmo (as) izany. Mba hahatanteraka izany anefa dia tsy maintsy hisy ny fanampiana avy amin'i Allâh Ilay Avo Indrindra, ary ny Imâmo al-Mahdi (as) no manome baiko ny olombelona rehetra amin'izay tokony hatao amin'ny fananganana an'ilay Fanjakan'ny lanitra izay fanjakana tsy ahitana intsony ny tsindry hazolena sy ny herisetra sy ny adiady sy ny lainga sy ny fahantrana sy ny aretina…, ary dia samy maniry sy manantena hahita izany fiainana izany ny zanak'olombelona amin'izao fotoana izao.

*** * * * ***

## (<u>Lesona faha-6</u>)

Misy fanontaniana apetrak'ireo mpino manao hoe: Ahoana moa no hataon'ny Imâmo al-Mahdi (as), rehefa tonga izy, izy izay mbola vao hanangana ny Fanjakan'ny lanitra, eo anatrehan'ireo firenena matanjaka izay efa manana fitaovam-piadiana mahery vaika amin'izao fotoana izao?

Maro ny fanazavana azontsika hamaliana izany fanontaniana izany, ka ohatra amin'izany ilay voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Baqarah (2) andininy faha-249 manao hoe:

كَمْ مِنْ فِئَةٍ قَلِيلَةٍ غَلَبَتْ فِئَةً كَثِيرَةً بِإِذْنِ اللَّهِ ...

« **Firifiry tamin'ireo vondron'olom-bitsy moa no nandresy ny vondron'olona maro avy tamin'ny alalan'i Allâh…** »

Izany hoe, na dia manana fitaovam-piadiana aza ny fahavalo nefa tsy manana risim-po amin'ny ho faty maritiora dia mora mandositra ; ary na dia tsy manana fitaovam-piadiana kosa anefa ny vahoaka nefa manana risim-po sy fitahian'i Allâh (swt) dia tsy maintsy mandresy. Izany hoe, tsy miankina amin'ny fananana fitaovam-piadiana ny hahazoana fandresena fa miankina amin'ny fananana herim-po. Ireo vahoaka maro be izay efa leon'ny fahasahiranana nianjady tamin'izy ireo hatramin'izay dia mirohotra hiray fo sy hanampy an'ilay Imâmo (as) izay Mpamonjy azy ireo, ka izany no hitondra fandresena ho an'ilay Imâmo (as) manoloana an'ireo fitaovam-piadiana mahery vaika.

Ohatra ara-tantara iarahantsika mahalala dia ny fananan'ny firaisam-ben'ny Sovietika taloha hery sy tanjaka teo anatrehan'izao tontolo izao; kanefa tsy nisy ady akory fa avy hatrany dia rava ilay firaisam-ben'ny Sovietika ka lasa nalemy tsy toy ny taloha intsony izy ireo. Midika izany, fa tsy voatery amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovam-piadiana no hahazoana fandresena fa miankina ihany koa amin'ny Sitrapon'Andriamanitra sy ny Fitahiany. Ary amin'ny mahafangatahan'ny

sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as) an'ilay Fanjakan'ny lanitra sy amin'ny mahafanantenan'ilay Mpaminany masina (saw) sy ireo Imâmo rehetra azy io dia azo antoka fa hanampy amin'ny fananganana an'ilay Fanjakan'ny lanitra i Allâh (swt).

Ny sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as) izay vehivavy "ma'asoumah" ary ny teniny dia "hojjah" na porofo eo anatrehan'ny rehetra, no nilaza ao amin'ny toriteniny hoe: "**Raha toa ka nomena an'ireo Ahlol-Bayt (as) ny fahefana dia homen'i Allâh (swt) anjaram-pahasoavana avy any an-danitra sy avy eto an-tany ny olombelona rehetra.**"

Manamafy izany koa ny voalaza ao amin'ny boky masina Kor'âny sourat al-A'arâf (7) andininy faha-96 manao hoe:

وَلَوْ أَنَّ أَهْلَ الْقُرَى آمَنُوا وَاتَّقَوْا لَفَتَحْنَا عَلَيْهِمْ بَرَكَاتٍ مِنْ السَّمَاءِ وَالأَرْضِ وَلَكِنْ كَذَّبُوا فَأَخَذْنَاهُمْ بِمَا كَانُوا يَكْسِبُونَ

« **Ary raha toa ka ireo vahoakan'ilay tanàna no nino sy natahotra an'Andriamanitra dia ho nosokafanay amin'izy ireo ny fahasoavana maro avy any an-danitra sy ety an-tany; kanefa izy ireo dia nandainga ka nosazianay izy ireo arak'izay asa nataon'izy ireo.** »

Izany hoe, ireo vahoaka dia mila manana finoana feno sy fahatahorana an'Andriamanitra, sady mila mankato an'ireo Imâmo miisa 12 izay Mpitarika; fa noho izy ireo tsy nanana izany toetra izany dia lasa tratran'ny fahasahiranana, nefa tsy maintsy ho tonga

saina izy ireo any aoriana ka hiverina amin'ny fananampinoana tena marina.

Arak'izany dia zava-dehibe eo amin'ny fiainanjanak'olombelona ny fanaovana "**Amro bil-ma'arof**" sy "**Nah'io 'anil-mon'kar**" na ny famporisihina amin'ny asa tsara sy ny fanakanana amin'ny asa ratsy, satria raha tsy misy ny fanakanana ny olona manao asa ratsy dia hahazo vahana eo amin'ny fiaraha-monina ny haratsiana, ary tsy hahazo fanabeazana tsara ireo tanora ka lasa mirona amin'ny asa sy toetra ratsy toy ny fisotroana toaka sy fifohana zava-mahadomelina sy ny filokàna; kanefa ireo tanora ireo no herin'ny fampandrosoana sy ho avin'ny firenena. Vokatr'izany dia lasa mikorontana ny fiaraha-monina ary mihamahantra ny firenena.

Mifanohitra amin'izany, raha ny olona no mampiasa an'io "**Amro bil-ma'arof**" sy "**Nah'io 'anil-mon'kar**" io dia lasa mianatra tsara ireo tanora; ireo mpiasa manao ny asan'izy ireo ao anatin'ny fahatahorana an'Andriamanitra; ireo vahoaka manana hatsaran-toetra, ka izany no hiteraka filaminana eo amin'ny fiaraha-monina sy fandrosoana eo amin'ny firenena.

Koa izao fiparitahan'ny haratsiana eto ambony tany izao, sy izao fahasahiranana manjo ny olombelona izao, dia vokatry ny asa ratsin'ny olombelona izay nanenjika an'ireo Ahlol-Bayt (as), tsy namela Azy ireo hiaina an-kalalahana mba hanatanteraka ny "**Amro bil-ma'arof**" sy "**Nah'io 'anil-mon'kar**". Hoy indrindra

Allâh (swt) ao amin'ny Kor'âny masina, sourat al-Room (30) andininy faha-41 milaza manao hoe:

ظَهَرَ الْفَسَادُ فِي الْبَرِّ وَالْبَحْرِ بِمَا كَسَبَتْ أَيْدِي النَّاسِ...

« **Ny fanimbana dia niseho teto an-tany sy tany an-dranomasina vokatry ny nataon'ny tànan'ireo olombelona ihany...** »

Ireo Ahlol-Bayt (as) amin'ny mahatompon-tranon'ilay Mpaminany masina (saw) azy ireo dia mahalala ny zava-drehetra izay misy ao an- trano mihoatra an'ireo olona any ivelany toa an'ireo as'hâb ireo. Ireo Ahlol-Bayt (as) ireo no mahafantatra bebe kokoa ny hafatr'ilay Irak'i Allâh (saw), eny hatramin'ny tsiambaratelony aza, dia fantatr'izy ireo avokoa.

Fantantsika fa ny Mpaminany Adama (as) niaraka tamin'ireo Anjely rehetra tany an-danitra dia notsapain'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanontaniana ny anaran'ireo olo-masina dimy, Ahlol-Kisâ (as), ka tsy nisy afaka namaly izany fanontaniana izany afa-tsy ny Mpaminany Adama (as) irery, ka nahatonga an'ireo Anjely rehetra nodidian'i Allâh (swt) mba hiankohoka eo anatrehan'i Adama (as), araka ny fitantaran'ny boky masina Kor'âny, ao amin'ny sourat al-Baqarah (2) andininy faha-31-34, manao hoe :

وَعَلَّمَ آدَمَ الأَسْمَاءَ كُلَّهَا ثُمَّ عَرَضَهُمْ عَلَى الْمَلائِكَةِ فَقَالَ أَنْبِئُونِي بِأَسْمَاءِ هَؤُلاء إِنْ كُنتُمْ صَادِقِينَ . قَالُوا سُبْحَانَكَ لا عِلْمَ لَنَا إِلاَّ مَا عَلَّمْتَنَا إِنَّكَ أَنْتَ الْعَلِيمُ الْحَكِيمُ . قَالَ يَا آدَمُ أَنْبِئْهُمْ بِأَسْمَائِهِمْ فَلَمَّا أَنْبَأَهُمْ بِأَسْمَائِهِمْ قَالَ أَلَمْ أَقُلْ لَكُمْ إِنِّي أَعْلَمُ غَيْبَ

السَّمَوَاتِ وَالأَرْضِ وَأَعْلَمُ مَا تُبْدُونَ وَمَا كُنتُمْ تَكْتُمُونَ . وَإِذْ قُلْنَا لِلْمَلائِكَةِ اسْجُدُوا لآدَمَ فَسَجَدُوا إِلاَّ إِبْلِيسَ أَبَى وَاسْتَكْبَرَ وَكَانَ مِنْ الْكَافِرِينَ

« **Nampianarin'Andriamanitra an'i Adama ireo anarana rehetra, avy eo dia nasehony izy ireo teo anatrehan'ireo Anjely, ary hoy Izy (Andriamanitra) hoe: Ambarao Ahy ny anaran'izy ireo raha toa ka marina ny voalazanareo? Namaly ireo Anjely hoe: Dera anie ho Anao, fa izahay dia tsy manam-pahalalana afa-tsy izay nampianarinao anay; tena marina tokoa fa Ianao no Ilay Manam-pahaizana sy Manam-pahendrena indrindra! Dia hoy Izy (Andriamanitra) hoe: Ô ry Adama, ambarao azy ireo ny anaran'izy ireo! Fa rehefa nambaran'i Adama tamin'izy ireo ny anaran'izy ireo, dia niteny Izy (Andriamanitra) hoe: Tsy efa nolazaiko taminareo ve fa Izaho dia Mahalala ny zava-miafin'ireo lanitra sy ny tany, ary Izaho koa dia Mahalala izay rehetra ahariharinareo sy izay rehetra afeninareo?! Ary rehefa niteny Izahay tamin'ireo Anjely hoe: Miankohofa ianareo amin'i Adama dia niankohoka izy ireo afa-tsy Iblis izay nandà sy nanambony tena, ka lasa ho anisan'ireo tsy mpino.** »

Ny Mpaminany Abrahama (as) koa dia notsapain'i Allâh (swt) tamin'ny alalan'ilay Mpaminany (saw) sy ny sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as) sy ireo Imâmo (as) miisa 12, araka ny voalaza ao amin'ny sourat al-Baqarah (2) andininy faha-124, manao hoe :

وَإِذْ ابْتَلَى إِبْرَاهِيمَ رَبُّهُ بِكَلِمَاتٍ فَأَتَمَّهُنَّ ...

« **Ary rehefa notsapain'Andriamanitra Tompony i Abrahama tamin'ny alalan'ireo teny, fa dia tanterany tokoa izany…** »

Avy eo ireo Imâmo (as) ireo na dia nenjehina sy novonoina mba tsy hitohizan'ny taranak'izy ireo, amin'izay tsy ho feno 12 ny isan'izy ireo, dia i Allâh (swt) no vao mainka nameno ny isan'izy ireo tamin'ny alalan'ny fahaterahan'ny Imâmo al-Mahdi (as), eny fa na dia tsy nahafaly an'ireo tsy mpino aza izany. Hoy indrindra ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Saff (61) andininy faha-8, milaza manao hoe:

يُرِيدُونَ لِيُطْفِئُوا نُورَ اللَّهِ بِأَفْوَاهِهِمْ وَاللَّهُ مُتِمُّ نُورِهِ وَلَوْ كَرِهَ الْكَافِرُونَ

« **Izy ireo dia mitady hamono ny Fahazavan'i Allâh amin'ny alalan'ny vavavan'izy ireo, fa vao mainka i Allâh nameno ny Fahazavany na dia nankahala izany aza ireo tsy mpino.** »

Rehefa naka ankeriny ny fitondrana ireo banî Abbâsy dia nampijaly sy nampiditra am-ponja ary namono an'ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) tamin'ny alalan'ny poizina. Vokatr'izany famonoana an'ireo Imâmo (as) ireo izany dia niala tamin'ireo banî Abbâsy ny fahasoavana sy ny fanambinana avy amin'i Allâh (swt), araka ny efa nolazain'i Allâh (swt) ao amin'ny sourat al-Sho'arâ (26) andininy faha-227 manao hoe:

وَسَيَعْلَمُ الَّذِينَ ظَلَمُوا أَيَّ مُنقَلَبٍ يَنقَلِبُونَ

« **Tsy ho ela dia ho fantatr'ireo izay manao ny tsy rariny ny fivadihana hahazo azy ireo**. »

Ohatra amin'izany fivadihana nialan'ny fanambinana tamin'ireo olon-dratsy ireo izany dia ny voalazan'ny tantara fa nandritra ny taona faha-227H ka hatramin'ny taona faha-279H dia nisy khalîfah miisa 8 avy amin'ireo banî Abbâsy no nifandimby nitondra. Anisan'izany i Motâoakil izay nikasa ny hanapotika ny fasan'ny Imâmo Hoseny (as) ka nanapaka ny tongotra aman-tànan'ireo olona mpanao zyârat, dia ny zanany ihany no namono azy. Ny sasany tamin'ireo khalîfah miisa 8 nifandimby nandritra io fe-potoana fohy io dia niharan'ny fanonganana sy famonoana, toa an'i Mo'tadî izay nisy namono. Taty aoriana moa dia ravan'ireo Torka (Turque) ny fanjakan'ireo banî Abbâsy ireo ka ny fanjakan'ireo Torka izay fantatra amin'ny anarana hoe "fanjakan'i Ottoman" indray no nanjaka hatramin'ny fiandohan'ny fanjanahan-tany.

Fa nandritra ny fanjakan'ireo banî Abbâsy ireo dia tena nahazo vahana ny haratsiana sy ny fahotana isankarazany, sahala amin'ny fanaovana alim-pandihizana sy ny filokàna sy ny fisotroan-toaka sy ny fijangajangana sy ny fanaovana tsindry hazolena tamin'ireo mpino. Vokatr'izany herisetra sy fampijaliana izany dia nitsangana ireo vahoaka nanao fikomiana. Tamin'izany koa ireo Torka dia nanomboka niditra an-tsehatra mba hanjakazaka. Ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) koa tetsy andaniny dia nitolona ka nahatratra 18 no isan'ny fitolomana nataon'izy ireo nandritra izany

fotoana izany. Arak'izany dia nihozongozona sy nihanalemy ny fanjakan'ireo banî Abbâsy ireo izay naharitra nandritra ny 500 taona. Nony farany dia notafihan'ireo vahoakan'i Mongol ireo banî Abbâsy ireo ka nirodana ny fanjakan'izy ireo. Fa rehefa nirodana ilay fanjakana dia nanararaotra nandray ny fahefana ireo Torka ary dia nafindran'izy ireo tao Torkia ny foibem-pitondran'izy ireo na ny khilâfah.

Voalazan'ny tantara ihany koa, nisy mpirahalahy antsoina hoe Âmine sy Ma'mone izay samy zanak'i Harona Rashid, ka i Âmine no voatendrin'ny rainy nandimby azy tamin'ny fitondrana. Rehefa nitondra i Âmine dia novonoin'i Ma'mone rahalahiny izy ary notapahiny mihitsy ny lohan'i Âmine avy eo dia nodakadakainy. Nifamono tahak'izany koa i Mousta'îne sy i Mo'taz nohon'ny fitiavam-pahefana tafahoatra. Koa raha ny fahavalo samy fahavalo aza no mahasahy mifamono eny fa na dia mpihavana sy mpirahalahy aza izy ireo, nohon'ny fitiavan-tena sy fitiavam-pahefana tafahoatra, dia tsy mahagaga raha ireo Ahlol-Bayt (as) izay tsy misy fifandraisana ara-pihavanana akaiky amin'izy ireo no nampijaliana sy novonoin'izy ireo.

Ohatra amin'izany fanenjehana sy famonoana an'ireo Imâmo (as) ireo izany dia ny tantaran'ny Imâmo faha-9, ny Imâmo Mohammady al-Jaoâd (as). Rehefa maty maritiora ny Imâmo Aly al-Ridhâ (as) izay rainy, dia ny Imâmo al-Jaoâd (as) no nandimby azy nitondra ny Imâmah, na dia mbola tanora kely aza izy tamin'izany fotoana izany. Nataon'ilay khalîfah tamin'izany andro

izany ho vinantony izy ka nampanambadiany ny zanany vavy na dia tsy niteraka aza izy ireo.

Ny tanjon'ilay khalîfah tamin'izany fampanambadiana an'ny Imâmo al-Jaoâd (as) sy ny zanany vavy izany dia mba hahatonga an'ireo mpanaradian'ilay Imâmo (as) ho tezitra aminy, satria amin'ny fomba ahoana tokoa moa ny Imâmo al-Jaoâd (as) no manambady zanakavavin'ilay khalîfah banî Abbâsy izay fahavalon'ireo Ahlol-Bayt (as).

Ny antony faharoa koa, dia mba hipetrahan'ny Imâmo (as) eo akaiky ny foibem-pitondran'ireo banî Abbâsy ao Baghdâd sy ao Samarâ, ka amin'izay fotoana izay dia ho mora amin'izy ireo ny manaramaso an'ilay Imâmo (as) amin'izay zavatra rehetra ataony.

Na izany aza anefa dia vao mainka nanatsara zavatra izany toe-javatra izany, satria ny vahoaka dia nahita fa na dia vinanton'ilay khalîfah izay nanana ny harenany sy ny tanjany aza ny Imâmo al-Jaoâd (as) dia tsy nampiova ny toetrany izany amin'ny maha-Imâmo azy; fa mbola nitazona an'ireo hatsaran-toetrany izy, sy niaina tao anatin'ny fahatsorana ary nanetry tena teo anatrehan'ireo vahoaka.

Nandritra ny fiainany tao Baghdâd ny Imâmo al-Jaoâd (as) dia nanao ho modely sy nampianatra an'ireo mpanaradiany tamin'ny fananam-pinoana sy fahatahorana an'Andriamanitra. Na dia nanana ny toerany ambony aza ilay Imâmo (as) amin'ny mahavinanton'ilay khalîfah azy, dia nasehon'ilay Imâmo (as) teo anatrehan'ireo vahoaka mba hataon'izy ireo fakan-tahaka, ny fananany fahafampo (al-Qanâ'at)

amin'izay ananany teo amin'ny fiainana. Fa hoy indrindra ny hadith milaza hoe: القناعة كَنْزٌ لا تَنْفَد "**Ny fananana fahafampo amin'izay ananana dia harena tsy mety ritra.**"

Hany ka tsy arakaraka ny tanjon'ilay khalîfah izay nitady hampisara-bazana an'ny Imâmo al-Joaâd (as) sy ireo mpanaradiany ny zava-niseho, satria vao mainka izy ireo resy lahatra tamin'ilay Imâmo (as) nohon'ny fananany toetra tsara na dia teo aza ny mahavinanton'ilay khalîfah azy. Ny toetra tsara izay tena nasongadin'ilay Imâmo faha-9 (as) teo amin'ireo mpanaradiany dia ny fananana fahatahorana an'Andriamanitra sy ny fahafoizan-tena.

Ary taty aoriana moa ny Imâmo al-Jaoâd (as) dia maty maritiora noho izy nomen'ilay vadiny antsoina hoe Ommol-Fadhl poizina avy tamin'ilay khalîfah tao Baghdâd.

Mba hamenoana an'ity tany ity indray ny rariny sy ny hitsiny ary ny fandriam-pahalemana dia tsy maintsy mitaky ny fananana fahefana hahafahana mampiahatra izany. Koa izany no mahatonga an'ilay Imâmo Mahdi (as) ho tsy maintsy hanangana an'ilay Fanjakan'ny lanitra mba hananany fahefana amin'ny fanatanterahana izany rariny sy ny hitsiny ary ny fandriam-pahalemana izany.

Amin'ny fananganan'ny Imâmo al-Mahdi (as) an'ilay Fanjakan'ny lanitra ihany koa anefa dia mitaky ny fananany an'ireo As'hâb madio fo, tsy tia tena no sady tsy mifikitra amin'ny rendrarendran'ny fiainana eto

an-tany, fa manana ny fahatahorana an'Andriamanitra tanteraka.

Mba haharesy lahatra an'ireo vahoaka amin'ny fananganana an'ilay Fanjakan'ny lanitra dia ilaina ireo As'hâb an'Ilay Mpanavotra (as) izay hitarika an'ireo vahoaka ireo mba hananana toetra tsara toy ny fananana herim-po sy fahavonona hanao sorona ny tenany; ireo As'hâb ireo dia tokony tsy hanana fitiavantena manokana, tokony tsy hiraiki-po amin'ny fiainana eto an-tany fa kosa tokony hanana fijery sy tanjona amin'ny fiainana any ankoatra lalandava, araka ny fampianarana sy fanabeazana nataon'ilay Imâmo (as) azy ireo. Raha sendra misy ny fanafihana tampoka ataon'ireo fahavalo dia tokony ho vonona hatrany ireo As'hâb ireo hanana fiaretana sy ho faty maritiora. Rehefa manana As'hâb tahak'izany ilay Imâmo (as) dia ho mora aminy ny fananganana an'ilay Fanjakan'ny lanitra.

Tamin'ny andron'ny Imâmo faha-6 ny H Ja'afar al-Sâdiq (as) dia nisy as'hâb iray niteny taminy hoe: "**Ao amin'ny toerana misy ahy dia misy miaramila miisa iray hetsy efa vonona, fa nahoana ianao ry Imâmo no tsy mitsangana?**"

Namaly ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) hoe: "**Eny, tsara raha misy miaramila iray hetsy vonona hanampy ahy!**"

Tsy tapitapitr'izay dia tonga tao amin'ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) ihany koa ny lehilahy iray antsoina hoe **Harona al-Makkî** avy any amin'ny toerana lavitra. Taorian'ny fifampiarahabana nifanaovan'izy ireo dia avy hatrany ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) nibaiko azy mba

hiditra ao anaty lafaoro. Tsy nihambahamba ihany koa i Harona al-Makkî fa tonga dia niditra tao amin'ny lafaoro ary dia nahidin'ilay Imâmo (as) tao izy. Tetsy ankilany ilay as'hâb dia niasa saina sy nanontany tena hoe: "**Amin'ny fomba ahoana moa ity Imâmo ity no mamono olona, avy eo koa i Harona al-Makkî dia manaiky hovonoina toy izao?!**"

Rehefa hitan'ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) ilay as'hâb lasa eritreritra, dia hoy izy taminy hoe: "**Aza manahy ianao ny amin'i Harona al-Makkî fa raha tianao ho fantatra ny niafarany dia andao hojerentsika izy ao anatin'ny lafaoro ao!**"

Rehefa nosokafan'ilay Imâmo (as) ny rakotry ny lafaoro dia akory ny hagagan'ilay as'hâb nahita an'i Harona al-Makkî izay eo ambony afon'ilay lafaoro mipetraka tsara, mamaky ny Kor'âny masina fa tsy mba may velively, sahala amin'ny zava-niseho tamin'ny Mpaminany Abrahama (as). Avy eo dia niteny tamin'ilay as'hâb ilay Imâmo (as) hoe: "**Ianao milaza fa misy miaramila iray hetsy vonona hanampy ahy, dia firy amin'izy ireo no mitovy amin'io Harona al-Makkî io?**"

Namaly ilay as'hâb hoe: "**Tena tsy misy aloha ny mitovy aminy na dia anankiray aza!**"

Fa niteny ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) hoe: "**Raha manana miaramila na dia vitsivitsy aza aho mitovy amin'i Harona al-Makkî dia hitsangana aho!**"

Arak'izany isika dia mila manana finoana ambony sy fahatahorana an'Andriamanitra, mila manao "Tazkiyat al-Nafs", miala amin'ny fitiavantena ary koa

manampy ny hafa, sy manana hatsaran-toetra isankarazany, vao tanteraka ilay Fanjakan’ny lanitra.

Iarahantsika mahalala ihany koa fa ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) ireo dia olona tsy mpanao fitapitaka fa olo-marina. Izy ireo dia manambara ny vaovao marina rehetra na misy tombontsoan’izy ireo izany na tsia.

Ireo Imâmo (as) ireo koa dia tsy mba mila tambiny rehefa manao asa ho an’ny vahoaka, izany hoe tsy azo anaovana kolikoly izy ireo, fa izy ireo dia mananatra ny olona mba hanao asa ho an’Andriamanitra sy ho an’ny fiainana any ankoatra. Arak’izany isika dieny izao mbola tsy tonga ny Imâmo al-Mahdi (as) izao, dia tokony hanazatra tena amin’ny fanaovana asa soa ho an’Andriamanitra. Ohatra amin’izany ny fanadiovana ny Masjid sy ny manodidina azy, ny fanaovana zaridaina mahafinaritra sy fambolen-kazo fihinamboa mba hahazoan’ny mpiara-belona tombontsoa, sy ireo asa soa hafa ka izany dia ataontsika an-tsitrapo, tsy mila tambiny, fa ampy ho karamantsika amin’izany ilay “saoâbo” na valisoa avy amin’i Allâh (swt).

Ankoatr’izany koa isika dia tokony hianatra mba hanana fiainana miaraka amin’ny “zohd” sy “Qanâ’at” na fiononana sy fahafahampo amin’izay misy eo ampelatànana, fa ny fananana fahafahampo amin’izay ananana (na Qana’ât) araka ny voalazan’ny hadith dia tahirin-karena tsy mety ritra. Koa rehefa manana risimpo tahak’izany isika mpanaradian’ireo Ahlol-Bayt (as)

ireo dia ho tanteraka ny tanjona amin'ny fananganana an'ilay Fanjakan'ny lanitra miaraka amin'ny Imâmo al-Mahdi (as).

*** * * * ***

**(Lesona faha-7)**

Ireo Imâmo (as) ireo dia tena nampijaliana amin'ny fomba maro isankarazany. Anisan'ireo nampijaly azy ireo i Motaoâkil izay namono an'ireo "zoâr" mpamangy an'ny Imâmo Hoseny (as), sy nikasa handrava ny fasan'ny Imâmo Hoseny (as) mba hataony tany fambolena, saingy tsy tanteraka izany nohon'ny fiarovan'i Allâh (swt), ary na dia ny omby sy ny rano aza dia tsy afaka niditra tao amin'izany fasana masina izany. Nanao lakan-drano mihitsy izy mba hitarihana ny rano ho eo amin'ny fasan'ny Imâmo Hoseny (as) saingy mivily làlana foana ilay rano fa tsy afaka mizotra mankany amin'ilay fasana. Nony farany moa dia maty i Motaoâkil izay novonoin'ny zanany ihany.

Indray andro ny Imâmo faha-10 ny H al-Hâdi (as) no nantsoin'i Motaoâkil tao amin'ny lapany tao an-tanànan'i Samarâ.

Tao an-dapany i Motaoâkil dia niteny tamin'ny Imâmo al-Hâdi (as) nanao hoe: "**Indro misy toaka, koa 'ndao isika mba hiaraka hisotrosotro eto!**"

Namaly azy anefa ilay Imâmo (as) hoe : "**Azafady fa izaho dia mbola tsy nisotro toaka na**

**indray mitete fotsiny aza tamin'ny fiainako no sady tsy hisotro an'io mihitsy mandra-pahafatiko.**"

Ny Korâny masina ao amin'ny sourat al-Mâidah (5) andininy faha-90 moa dia efa nilaza ny maha-"harâmo" ny toaka sy mahazava-maloto azy, manao hoe:

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا إِنَّمَا الْخَمْرُ وَالْمَيْسِرُ وَالأَنصَابُ وَالأَزْلامُ رِجْسٌ مِنْ عَمَلِ الشَّيْطَانِ فَاجْتَنِبُوهُ لَعَلَّكُمْ تُفْلِحُونَ

« **Ô ianareo izay mpino! Ny toaka sy ny loka sy ireo vatolahy (fanaovana fanompoan-tsampy) sy ireo zanatsipika fanandroana, dia fahalotoana avy amin'ny asan'ilay satana, koa halavirinareo izany mba hahazoanareo ny fahombiazana.** »

Ary iaraha-mahalala fa ireo Ahlol-Bayt (as) dia nalavirin'i Allâh (swt) amin'ireo karazan-java-maloto tahak'izany, araka ny voalaza ao amin'ny sourat al-Ah'zâb (33) andininy faha-33 manao hoe:

إِنَّمَا يُرِيدُ اللَّهُ لِيُذْهِبَ عَنْكُمْ الرِّجْسَ أَهْلَ الْبَيْتِ وَيُطَهِّرَكُمْ تَطْهِيراً

« **Marina dia marina fa ny hanalavitra anareo amin'ny fahalotoana no tadiavin'i Allâh ry Ahlol-Bayt no sady hanadio anareo tanteraka.** »

Arak'izany, isika mpanaradia an'ireo Ahlol-Bayt (as) dia tokony hahay handray lesona avy amin'izany fa ny toaka sy ny loka dia zavatra "harâmo", na dia kely indray mitete amin'ny toaka aza dia tsy azontsika sotroina, raha toa isika ka maniry hiditra ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra. Ary aoka ho fantantsika fa izany fisotroan-toaka sy filokàna izany dia tena misy

fiantrakany ratsy eo amin'ny fiainana ankapobeny sady koa manimba ny fiainana ara-tokantrano.

Avy eo i Motaoâkil dia niangavy an'ny Imâmo Aly al-Hâdi (as) mba hanao tononkalo iray. Ary dia namaky tononkalo iray ilay Imâmo (as) izay midika ara-keviny manao hoe:

***Misy ny olombelona izay miaina eto ambony tany***
***Mihevitra an'izao fiainana izao fa tsy hisy fiafarany***
***Hadino ilay fiainana any ankoatra izay mety hampitomany***
***Fa variana mampihaingo ny tarehy, maneho ny hatsarany***

***Faly sy ravo mandany andro mampihaingo ny hatsaran-tarehy***
***Nefa mbola ho avy ny fotoana izay tsy hahafahana mihomehy***
***Satria ireo bibikely toy ny olitra no indro tsy maintsy handrasana***
***Mba hihinana an'ilay tarehy voahaingo milevina ao am-pasana***

***Ny olona ambony tany dia finaritra mihinana***
***Tsy mifidy sakafo sady manao voky be***
***Rehefa tonga ambany tany izy dia tsara fihinana***
***Hohanin'ireo olitra mitangorona marobe***

Ireo Imâmo (as) rehetra dia samy niezaka nampahafantatra tamin'ireo vahoaka ny tari-dàlana sy ny fanatsarana ny fomba fiainan'izy ireo mba hanana toetra tsara sy fitondrantena mendrika, koa raha misy ny mivily làlana manao asa ratsy dia mandray andraikitra ny tsirairay amin'ny fanaovana ny "Nah'io 'anil-monkar" sy ny "Amro bil-ma'arof". Ary ny tena tanjon'ireo Imâmo (as) ireo dia ny famerenana ny zanak'olombelona mba hitodika amin'Andriamanitra sy hankato Azy

amin'ireo Didy aman-dalànany, amin'izay rehefa tonga ny fahafatesana dia tsy hanam-pahoriana any amin'ny fiainana any ankoatra any.

Tsara ny mahafantatra fa ireo Imâmo (as) ireo rehefa hanampy an'ireo vahoaka dia tsy voatery manome fanampiana amin'ny alalan'ny vola aman-karena, satria na izy ireo koa aza dia olona sahirana eo amin'ny fiainana nohon'ny fanenjehana natao tamin'izy ireo, toy ny fampidirana am-ponja sy fametrahana azy ireo amin'ny toerana mitokana arahimaso. Fa rehefa misy olona sahirana no tonga amin'ireo Imâmo ireo dia ny manoro hevitra amin'ny tonombavaka (na dou'â) izay tokony hataon'ilay olona izy ireo. Milaza izany tokoa ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Talâq (65) andininy faha-2 manao hoe: وَمَنْ يَتَّقِ اللَّهَ يَجْعَلْ لَهُ مَخْرَجاً
« **Ary izay matahotra an'Andriamanitra Allâh dia homeny vahaolana tsara!** »
Izany hoe, rehefa manome fanampiana ho an'ny olona sahirana ireo Imâmo (as) ireo dia tsy ny trondro mivantana izay tsy hahavita ny fiainany afa-tsy andro iray monja no omen'izy ireo; fa kosa avy hatrany dia ny fampianarana manjono mba hahafan'ilay olona mivelona amin'izany mandritra ny fiainany. Arak'izany dia aleon'ireo Imâmo (as) ireo ny manome fampianarana an'ilay olona sahirana mba hanana fahatahorana an'Andriamanitra, avy eo dia Andriamanitra ihany no hanome vahaolana maharitra ho azy mba ho afaka amin'ilay fahasahiranana.

Nisy tamin'ireo Imâmo (as) ireo no nataon'ireo khalîfah banî Abbâsy teo akaikin'izy ireo mba ho voaaramaso tsara. Nisy ny nataon'izy ireo mba ho vinanto amin'izay ireo mpanaradian'ilay Imâmo (as) ireo dia hihevitra an'ilay Imâmo (as) fa efa voavidim-bolan'ilay khalîfah ka nivadika tamin'ireo mpanaradiany. Tsy nahomby anefa izany teti-dratsin'ireo banî Abbâsy ireo izany, nohon'ny fahitan'ireo vahoaka ny toetra amam-piainan'ilay Imâmo (as) izay tao anatin'ny fahatsorana sy fanetren-tena, na dia teo aza ny toerana amin'ny mahavinanton'ilay khalîfah azy; sady koa ilay Imâmo (as) dia tsy mba nandray vola na dia kely aza avy tamin'ilay khalîfah.

Marihina fa ny Imâmo faha-10 (as) dia efa nanao fiomanana amin'ny fanjavonana nohon'ny fahafantarany fa ilay Imâmo faha-12 (as) izay zafiny, dia tsy maintsy hiditra ao anatin'ny fanjavonana. Ary ny famantarana ny fotoana hiverenan'ilay Imâmo faha-12 (as) moa dia misy maromaro fa raha sitrak'i Allâh (swt) dia hosoratantsika ho lesona iray manokana ny mikasika izany.

Fa nony tonga ny Imâmo faha-11 (as) dia lasa nikorontana ny fanjakan'ireo banî Abbâsy, ary na dia ireo mpirahalahy aza dia lasa nifamono nohon'ny adin-tseza; toa an'i Ma'mone izay namono an'i Âmine rahalahiny, sy i Motaoâkil izany novonoin'ny zanany. Amin'ny fotoanan'ireo banî Abbâsy miady an-trano tahak'izany dia somary omen'izy ireo fahalalahana kely ilay Imâmo faha-11 (as); fa rehefa misy khalîfah vaovao

mitondra dia averina ao am-ponja indray izy. Ary indray andro tamin’iray amin’ireo fotoana izay mba nahazoan’ny Imâmo faha-11 (as) fahafahana nody tao an-trano no nampitoe-jaza ny vadiny izay niteraka an’ny Imâmo al-Mahdi (as) tamin’ny andro Zoma maraina faha-15 volana Sha’abân, taona faha-255H.

Amin’ny fotoanan’ny Imâmo faha-11 (as) mahazo fahafahana mivoaka avy ao am-ponja, dia namoaka didy ilay khalîfah fa isaky ny Alatsinainy sy Alarobia no tsy maintsy manatona an’ilay khalîfah ao an-dapany ilay Imâmo (as) amin’izay izy voaaramaso tsara no sady tsy afa-mandositra.

Marihina fa tamin’ny taona 255H izay taona nahaterahan’ny Imâmo al-Madi (as) no maty novonoina ny khalîfah Mo’taz.

Inona moa no antony nanenjehana an’ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) ireo?

Amin’ny mahavavolombelon’i Allâh (swt) azy ireo eto an-tany dia tsy maintsy manatanteraka ny didin’i Allâh (swt) izy ireo. Ary rehefa izy ireo no mahazo fahefana dia hampihatra an-tsakany sy an-davany ny lalànan’Andriamanitra voarakitra ao amin’ny boky masina Kor’âny. Amin’izay fotoana izay dia tsy hisy ny olona hangalatra na hisotro toaka na hijangajanga na hananana fitiavan-tena manokana… sy ireo haratsiana hafa. Kanefa ny fanaovana an’izany fahotana rehetra izany dia hahazoan'ireo olona sasany toa an’ireo banî Omayyah sy banî Abbâsy ireo fahafinaretana. Ary izay olona akaikin’ny fitondran’ireo khalîfah ireo, na dia

manao ratsy aza, na dia mandrava ny fanan’olona aza dia tsy voasazy akory, ka mahatonga azy mitombo harena hatrany na dia harena azo tsy ara-drariny aza, fa izay vaoroba fananana kosa dia mihamahantra hantrany. Koa ireo olona tia tafahoatra ny fiainana eto an-tany izay natahotra ny ho very tombontsoa no nanenjika sy nanakana an’ireo Imâmo (as) ireo mba tsy hahazo fahefana. Na izany aza anefa dia niezaka ihany koa ireo Imâmo (as) ireo nanao izay hahatonga an’ireo vahoaka mba hanampy azy ireo, kanefa moa natanjaka ireo banî Abbâsy ireo tamin’ny andron’ny Imâmo faha-11 (as) ka nahatonga azy maty maritiora, ary ilay zanany nandimby azy, ny Imâmo al-Mahdi (as) kosa dia niditra tao anatin’ny fanjavonana, ka amin’izao fotoana izao isika dia miandry ny fiverenany mba hameno indray ny rariny sy ny fandriam-pahalemana eto ambony tany sahala amin’ny nahafeno ny tsindry hazolena sy heritsetra azy teo aloha, amin’ny alalan’ny fahatongavan’ilay Fanjakan’ny lanitra.

*** * * * ***

## (Lesona faha-8)

Anisan’ireo hatsaran-toetran’ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) ireo ny tsy mamaly ratsy izay olona nanao haratsiana tamin’izy ireo. Ohatra tamin’ny adin’i Siffîn dia nobodoin’ireo miaramilan’i Moavia ny reniranon’i Eofrata ka tsy nomen’izy ireo rano ireo miaramilan’ny Imâmo Aly (as). Fa nitaomin’ny H Mâlik Ashtar (as)

ireo namany mba hanafika hahafahan'izy ireo maka rano. Rehefa notafihin'ny H Mâlik Ashtar (as) sy ireo as'hâb matanjaka ireo miaramilan'i Moavia dia vaky lositra, ary avotra teo ampelatànan'ireo miaramilan'i Moavia ilay reniranon'i Eofrata. Tamin'izay fotoana izay dia nisy iray tamin'ireo miaramilan'ny Imâmo Aly (as) no nilaza mba hibodo ihany koa ilay renirano ka tsy hanome rano an'ireo miaramilan'i Moavia. Namaly anefa ny Imâmo Aly (as) hoe: "**Ny rano dia ho an'ny rehetra ka isika dia tsy afaka tsy hanome rano ho azy ireo.**"

Nisy niteny anefa hoe: "**Ka izy ireo anie no voalohany nanakana an'ilay rano tamintsika!**"

Fa hoy ny Imâmo Aly (as) hoe: "**Misy ny mahasamy hafa antsika amin'izy ireo satria isika dia olona mpino ka tsy mba mamaly ny ratsy, izy ireo kosa dia olona tsy mpino ka izany no mahatonga azy ireo mahasahy manakana ny rano izay hosotroin'ny olona sy ny biby!**"

Nisy koa khalîfah avy amin'ireo banî Abbâsy izay antsoina hoe Mo'tamad al-Abbâsy izay tratran'aretina tsy nahitana fanasitranana, ka na ilay mpitsabo aza dia efa lany hevitra tamin'ny fitsaboana azy. Tamin'izay fotoana izay ny renin'i Mo'tamad dia nilaza taminy hoe: "**Aoka ianao mba hanome alalana an'ilay Imâmo faha-10 izay olo-masina mba hivavaka ho anao!**"

Ary dia nantsoina ilay Imâmo faha-10, H Aly al-Hâdi (as) mba hivavaka ho azy, avy eo ilay Imâmo (as)

taorian'ny vavaka nataony dia nanambara tamin'i Mo'tamad hoe: "**Ianao dia ho sitrana ary mbola hisy 20 taona sisa tavela eo amin'ny fiainanao.**"

Nony sitrana tokoa anefa i Mo'tamad dia mbola nampidiriny tao am-ponja ilay Imâmo (as) izay nivavaka ho azy.

Tao am-ponja moa ny Imâmo al-Hâdi (as) dia tsy nitsahatra nanao asa fanompoana ('Ibâdat). Indraindray izy dia nogadraina ao amin'ny toerana anankiray voatokana, fa indraindray koa izy dia gadraina amin'ny toerana itambaran'ny be sy ny maro. Nefa isaky ny tafaraka amin'ireo gadra hafa ilay Imâmo (as) dia mahazo tari-dàlana avy aminy ireo gadra ireo. Ary izany no antony nanagadrana an'ireo Imâmo (as) ireo amin'ny toerana mitokana mba tsy hiparitahan'ilay tari-dàlana (na hidayat).

Niteny ny Imâmo Hasany al-'Askary (as) fa i Allâh (swt) dia nanome fahalalana an'ireo Vavolombelony. Izany no mahatonga an'ireo Vavolombelon'Andriamanitra mahalala ny zava-drehetra. Avy eo dia nataon'i Allâh (swt) mba ho fantatry ny olombelona rehetra mazava tsara ny Vavolombelony fa saingy misy amin'ireo olombelona no tsy mino ka manohitra an'ilay Vavolombelon'Andriamanitra, nohon'ny tsy fahafoizana hiala amin'ny asa ratsy sy ny tombontsoa manokana. Ireo Vavolombelon'Andriamanitra ireo, araka ny voalaza ao amin'ny hadith dia mahalala ny zava-drehetra sy mahay ny fitenin'ireo biby rehetra. Manambara izany

indrindra ny Kor’âny masina ao amin’ny sourat al-Naml (27) andininy faha-16 manao hoe:

وَوَرِثَ سُلَيْمَانُ دَاوُودَ وَقَالَ يَا أَيُّهَا النَّاسُ عُلِّمْنَا مَنطِقَ الطَّيْرِ وَأُوتِينَا مِنْ كُلِّ شَيْءٍ إِنَّ هَذَا لَهُوَ الْفَضْلُ الْمُبِينُ

“**Ary nandova an’i Davida i Salômôna, ary niteny hoe : Ry olona ! Nampianarina anay ny fitenin’ireo voromanidina, ary nomena anjara amin’ny zavatra rehetra izahay. Izany tokoa no fahasoavana miharihary!**”

Arak’izany, ireo Mpaminany (as) rehetra sy ireo Imâmo (as) rehetra dia samy mahay avokoa ny fitenin’ireo vorona sy ny biby rehetra.

Misy ny olona sasany mba te hahazo tombontsoa manokana avy amin’ireo khalîfah dia manaiky manao asa fitsikilovana; kanefa ny Kor’âny masina dia mandrara izany, ao amin’ny sourat al-Hojrâte (49) andininy faha-12 manao hoe:

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا اجْتَنِبُوا كَثِيراً مِنْ الظَّنِّ إِنَّ بَعْضَ الظَّنِّ إِثْمٌ وَلا تَجَسَّسُوا....

« **Ô ianareo mpino! Halaviro ny ahiahy tafahoatra, fa tena marina ny sasany amin’ireo ahiahy atao amin’ny olona dia fahotana; ary koa aoka ianareo tsy hitsikilo olona …** »

Ary dia niteny ny Imâmo faha-11 (as) hoe: “**Ny fahantrana miaraka aminay dia tsara mihoatra ny fananan-karena miaraka amin’ny olon-kafa.**”

Noho izany, isika mpanaradian’ireo Ahlol-Bayt (as) na dia tsy manam-bola aza fa kosa manam-pitiavana

azy ireo dia izany no tena zava-dehibe sy harena sarobidy eo amintsika.

Nisy sahaba iray tonga teo amin'ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) nilaza taminy nanao hoe: "**Ô ry zanak'ilay Irak'i Allâh (saw), izaho inty anie ka mahantra!**"

Nanontany azy ilay Imâmo (as) hoe: "**Ianao ve mahantra?!**"

Namaly ilay sahaba hoe: "**Eny, izaho dia tsy manan-karena, tsy manam-bola!**"

Niteny ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) hoe: "**Tsy maninona fa omeko vola be ianao fa kosa ny fitiavanao anay Ahlol-Bayt dia esory ao am-ponao!**"

Namaly ilay sahaba hoe: "**Azafady fa tsy azoko fafana ato am-poko ato ny fitiavako an'ireo Ahlol-Bayt (as)**"

Ary dia niteny ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) hoe: "**Ianao milaza ny tenanao fa mahantra nefa ianao dia manam-bola be!**"

Midika izany, fa ny fananan-karena tian'ilay Imâmo (as) hambara dia tsy voatery vola hitamaso fa harena sahala amin'ny fahasalamana sy ny fananana fahalalana sy ny fananam-pinoana ary anisan'izany harena izany koa ny fananana fitiavana an'ireo Ahlol-Bayt (as) izay harena tsy misy afaka maminavina azy.

Arak'izany, isika mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo dia tokony hampitombo hatrany ny fitiavantsika azy ireo, sy tokony hitazona tsara ny Kor'âny masina, sy hanao fanadiovam-panahy (tazkyat al-nafs), sy tokony hampitombo fananam-pinoana (imân) sy fahatahorana

an’Andriamanitra sy hampitombo fanaovana asa soa sy hifamporisika amin’ny fanaovana ny marina sady hifamporisika mba hanana fiaretana. Ary tokony hiezaka ihany koa isika hampahafantatra an’ireo olon-drehetra, na mpino izy na tsy mpino, mikasika an’ilay Fanjakan’ny lanitra sy ilay Mpanavotra (as) hamonjy ny zanak’olombelona.

Misy hadith nolazain’ny Imâmo al-Sâdiq (as) milaza hoe: “**Ny olona manohitra anay dia manohitra an’i Allâh, fa ny olona manaiky anay dia izy no be voninahitra indrindra eo anatrehan’i Allâh.**”

Manambara izany fa izay olona mpino manao soa sady matahotra an’Andriamanitra no tena manan-danja sy be voninahitra eo anatrehan’i Allâh (swt).

Raha ny olona efa mpino manana fahatahorana an’Andriamanitra sy mpanao asa soa no mbola manana fahalalana izay ahazoany tombontsoa ihany koa, dia vao mainka miakatra ambony kokoa ny toeram-boninahiny. Hoy indrindra i Allâh (swt) ao amin’ny sourat al-Mojâdilah (58) andininy faha-11, milaza manao hoe:

يَرْفَعْ اللَّهُ الَّذِينَ آمَنُوا مِنْكُمْ وَالَّذِينَ أُوتُوا الْعِلْمَ دَرَجَاتٍ

« **Ampiakarin’i Allâh voninahitra ireo izay mino aminareo sy ireo izay nahazo fahalalana…** »

Andriamanitra Allâh (swt) dia manome voninahitra ambony ihany koa an’ireo izay nanao fiezahana tamin’ny asa soa mihoatra an’ireo izay nipetraka amin’izao fotsiny, araka ny voalaza ao amin’ny sourat al-Nisâ (4) andininy faha-95 manao hoe:

وَفَضَّلَ اللَّهُ الْمُجَاهِدِينَ عَلَى الْقَاعِدِينَ

« **Ary i Allâh dia manome voninahitra an'ireo nanao ezaka masina noho ireo nipetraka fotsiny** »

Ny zava-drehetra dia noharian'i Allâh (swt) avokoa na ny tany na ny olombelona na ny "Hojjat" izay Vavolombelon'i Allâh (swt). Koa na dia mbola tsy tonga eto amin'ity tany izay namboariny ity ilay Fanjakan'ny lanitra, dia tsy maintsy mbola ho avy ny fotoana izay handovan'olona mpino manana fahatahorana an'Andriamanitra, an'izao tontolo izao.

Raha olona mpanageja no mahazo ny fitondrana dia tsy mandefa sazy mivantana ho azy i Allâh (swt), araka ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat Âl'Imrân-as- (3) andininy faha-178, manao hoe:

وَلا يَحْسَبَنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا أَنَّمَا نُمْلِي لَهُمْ خَيْرٌ لأَنْفُسِهِمْ إِنَّمَا نُمْلِي لَهُمْ لِيَزْدَادُوا إِثْماً وَلَهُمْ عَذَابٌ مُهِينٌ

« **Aza mihevitra ireo tsy mpino fa ny tombon'andro izay nomenay azy ireo dia mahasoa ny tenan'izy ireo, tsia. Fa ny tombon'andro izay nomenay azy ireo dia mba hampitombo ny fahotana amin'izy ireo, ary dia miandry azy ireo ny sazy mahafabaraka!** »

Izany hoe, ny fanomezan'i Allâh (swt) an'ireo olon-dratsy ny fahalavam-potoana iainana dia tsy midika ho fahasoavana ho azy ireo izany; fa kosa izany dia vao mainka mampitombo ny fahotana ataon'izy ireo ka

hahazoan'izy ireo sazy farany henjana any amin'ny andro farany.

Milaza koa ny boky masina Kor'âny ao amin'ny sourat al-An'âm (6) andininy faha-44 manao hoe:

فَلَمَّا نَسُوا مَا ذُكِّرُوا بِهِ فَتَحْنَا عَلَيْهِمْ أَبْوَابَ كُلِّ شَيْءٍ حَتَّى إِذَا فَرِحُوا بِمَا أُوتُوا أَخَذْنَاهُمْ بَغْتَةً فَإِذَا هُمْ مُبْلِسُونَ

« **Fa rehefa hadinon'izy ireo izay nampahatsiahivina azy ireo dia nosokafanay ho azy ireo indray ny varavaran'ny zava-drehetra, koa rehefa izy ireo no feno hafaliana tamin'izay nomena azy ireo, dia nofoananay tampoka teo amin'izy ireo izany, ary indro fa nivalaketraka izy ireo.** »

Izany hoe, rehefa ny olona no minia manao haratsiana sy fahotana, tsy te halala ny Didin'Andriamanitra, dia vao mainka hosokafan'i Allâh (swt) ny làlana rehetra mba hahafahany manao izay rehetra tiany hatao. Nefa rehefa tonga tampoka amin'ny fotoana tsy ampoizina ny kapoka avy amin'Andriamanitra, vao mahatsapa fa tena maharary tokoa izany.

Ireo Imâmo (as) ireo, nanomboka tamin'ny Imâmo faha-10 (as) dia efa nametraka "Oakîl" na solotena, mba hananana fahazarana amin'izany ireo mpanaradian'izy ireo. Ary dia nitohizan'ny Imâmo faha-11 (as) izany fametrahana solotena izany teo anatrehan'ireo mpanaradian'izy ireo.

Misy solotenan'ny Imâmo faha-11 (as) izay antsoina hoe ny H. sheikh Othmân zanak'i Sa'id al-

Samarî (as) sy ny H sheikh Mohammady zanak'i Othmân zanak'i Sa'id al-Samarî (as); niteny mikasika azy roa ireo ilay Imâmo faha-11 (as) hoe: "**Mandritra ny fahavelomako sy ny fahafatesakao izy roa ireo dia olona atokisako!**"

Ary dia nametraka hafatra tamin'ireo mpanaradiany ilay Imâmo (as) nanao hoe: "**Aoka ianareo hihaino ny tenin'izy roa mianaka ireo sy hanatanteraka ny baikon'izy ireo!**"

Noho izany, dia tsy zava-baovao tamin'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ny fanarahana an'ireo solotenan'ny Imâmo al-Mahdi (as) manokana miisa efatra izay nifandimby nandritra an'ilay Fanjavonana kely, fa zavatra efa nomanin'ny Imâmo faha-11 (as) sy ny Imâmo faha-10 (as) sy nanazaran'izy ireo an'ireo mpanaradian'izy ireo.

*** * * * ***

## (Lesona faha-9)

## NY SAYYEDA NARJIS KHATONE (AS) [Renin'ilay Imâmo faha-12, ny Hazrat al-Mahdi (as)]

Ny sayyeda Narjis Khâtone (as) na koa fantatra amin'ny anarana hoe sayyeda Mâlikah izay zanak'i Yasho'a izay zanaky ny mpanjaka romanina tamin'izany fotoana izany. Ny renin'ny sayyeda Narjis Khâtone (as) dia taranaky ny H Simona (as) izay iray amin'ireo

Apostolin'ny Mpaminany Jesosy (as). Ny sayyeda Narjis (as) dia manana anaram-bosotra izay antsoina hoe Radhiyah sy Mardhiyah, izay midika hoe: Faly amin'i Allâh izy ary i Allâh koa dia faly aminy. Antsoina koa izy hoe: Mojâhidah, izany hoe vehivavy mpanao ezaka lehibe.

Ilay mpanjaka raiben'ny sayyeda Narjis (as) dia nanana fikasana mba hampanambady an'io zafiny io amin'ny zanaky ny rahalahiny. Notanterahina tokoa ny fifamofoana teo amin'izy ireo, ary dia nanaovana fety lehibe. Noravahana haingo mahafinaritra tao amin'ny lapan'ilay mpanjaka. Nony tonga ny fotoana izay hanaovana ny fomba, dia nisy horohoron-tany tampoka niseho izay nandatsaka ny lakroà teo amin'ny rindrina ka vaky, ary nisy andrin'ilay trano koa no nirodana. Rehefa nahita izany ireo mpanandron'ilay mpanjaka dia nanome hevitra azy mba hampijanona ny fampanambadiana an'ny sayyeda Narjis (as) sy ilay zanaky ny rahalahin'ilay mpanjaka, satria fambara loza izao zava-mitranga izao, fa raha mbola ho tanterahina foana izany fanambadiana izany dia mety hisy loza mahery vaika kokoa no hiseho. Mbola fifamofoana fotsiny aza no hatao dia efa toy izao ny zava-miseho fa indrindra moa raha ny fanambadiana mihitsy no hatao. Ary dia nofoanan'ilay mpanjaka ny fety izay saika natao.

Tamin'ny alin'izany andro izany indrindra no nahitan'ny sayyeda Narjis Khâtone (as) tamin'ny alalan'ny nofy fa niara-nipetraka teo amin'ny toerana iray ny Mpaminany Jesosy (as) sy ireo apostoliny. Anisan'ireo apostoly niaraka teo koa ny H Simona (as).

Ireo apostolin'ny Mpaminany Jesosy (as) ireo no nidinan'ilay Hafatr'i Allâh (swt) araka ny notantaran'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Mâidat (5) andininy faha -111 manao hoe:

وَإِذْ أَوْحَيْتُ إِلَى الْحَوَارِيِّينَ أَنْ آمِنُوا بِي وَبِرَسُولِي قَالُوا آمَنَّا وَاشْهَدْ بِأَنَّنَا مُسْلِمُونَ

« **Ary rehefa nambarako tamin'ireo Apostoly hoe: Minoa Ahy sy ilay Irako (Jesosy) ianareo! Dia hoy izy ireo hoe: Mino izahay, ary Ianao no mahita fa efa mpanolotena tanteraka izahay!** »

Mbola ao anatin'ny nofiny ihany ny sayyeda Narjis (as) no mahita an'ilay Mpaminany (saw) tonga miaraka amin'ireo Fianakaviany Ahlol-Bayt (as). Nitsangana ny Mpaminany Jesosy (as) nampandroso sy nanome toerana an'ilay Mpaminany (saw). Avy eo dia niteny tamin'ny Mpaminany Jesosy (as) ilay Mpaminany (saw) hoe: "**Tonga izahay mangataka aminao mba hampaka-bady ny zanakao vavy ho vadin'ny zanako lahy!**"

Nanontany ny Mpaminany Jesosy (as) hoe: "**Iza moa manam-boninahitra kokoa raha toa ka ny zanaky ny Lehiben'ireo Mpaminany rehetra indray no tonga mangata-bady ny zanakavavinay?!**"

Avy eo dia nitodika tamin'ny H Simona (as) ny Mpaminany Jesosy (as) ka niteny hoe: "**Ahoana ny hevitrao mikasika izany?**"

Fa namaly ny H Simona hoe: "**Ô r'ilay Roohollâh! Izany dia tena voninahitra lehibe!**"

Taorian’izany ilay Irak’i Allâh (saw) no nanao toriteny sy nanatanteraka ilay fampanambadiana.

Tamin’izany indrindra ny sayyeda Narjis (as) no taitra tamin’ny torimasony, ary lasa eritreritra amin’izay ho dikan’izany nofiny izany; nefa tsy mba nanambara izany nofiny izany tamin’ny olona.

Nisy fotoana ny sayyeda Narjis (as) dia narary ary nihamafy ny aretina nefa tsy nahita fanafody hanasitranana azy ireo mpitsabo. Niasa saina sy nitebiteby ilay mpanjaka raiben’ny sayyeda Narjis (as) sy ireo fianakaviany mikasika ny toe-pahasalamany izay efa miharatsy.

Raha mbola tao anatin’ny tsy fahasalamana tanteraka ny sayyeda Narjis (as), dia indray andro tonga taminy ilay mpanjaka raibeny nanontany azy nanao hoe: “**Moa ve ry zanako, misy fanirian’ny fonao azoko tanterahina?**”

Namaly ny sayyeda Narjis Khâtone (as) hoe: “**Ny faniriako dia misy olona migadra ao am-ponja ao no tiako mba omena fahafahana**!”

Ary dia navoakan’ilay mpanjaka nomeny fahafahana ireo voafonja, izy ireo moa dia olona babo tamin’ny ady nifanaovan’ireo Romanina sy ireo banî Abbâsy tamin’izany fotoana izany.

Tsara ho fantatra fa izany ady nifanaovan’ireo banî Abbâsy sy ireo Romanina izany dia nanomboka tamin’ny taona faha-249H. Tamin’izany ilay mpanjakan’i Roma dia nampiasa miaramila miisa 50.000

nanafika ny tanànan'ireo silamo teo ambany fahefan'ireo banî Abbâsy izay natanjaka ihany koa tamin'izany fotoana izany. Nandresy moa ireo silamo tamin'izany ady izany ka nahatonga ny tanànan'i Torkia babon'ireo silamo ireo, ary ny fanjakan'i Roma dia nirodana.

Rehefa avy navoakan'ilay raibeny ireo gadra, taorian'izany ny sayyeda Narjis Khâtone (as) dia nisy fahatsarany ny fahasalamany.

Afaka andro vitsivitsy taorian'izany, dia nahita an'ny sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as) sy ny sayyeda Maryamo (as) tamin'ny alalan'ny nofy ihany koa ny sayyeda Narjis (as). Tamin'izany no niteny ny sayyeda Narjis (as) tamin'izy roavavy hoe:
"**Ny anankiray aminareo roa dia reniko ary ny anankiray dia rafozambaviko, kanefa hatramin'ny nanaovan'ilay Mpaminany (saw) ny famatoram-panambadianay dia mbola tsy nahita an'ilay fofombadiko aho?!**"

Namaly azy ny sayyeda Maryamo (as) hoe: "**Ianao manaova ny fanekem-pinoana (kalimah)**."

Ary dia nanao an'ilay fanekem-pinoana ny sayyeda Narjis Khâtone (as). Avy eo dia nitsangana ny sayyeda Fâtima al-Zahrâ (as) ka namihina an'ny sayyeda Narjis (as) tao anatin'ilay nofy.

Nanomboka teo koa ny Imâmo faha-11 (as) no tonga miseho isan'alina amin'ny sayyeda Narjis Khâtone (as) amin'ny alalan'ny nofy.

Nisy fotoana ny sayyeda Narjis Khâtone (as) no niteny tamin'ilay Imâmo faha-11 (as) tao anatin'ny nofy nanao hoe: "**Isika izao dia mba efa mihaona matetika ihany amin'ny alalan'ny nofy, fa rahoviana isika no mba mihaona amin'ny tena ara-batana?**"

Namaly azy ny Imâmo Hasany al-'Askary (as) hoe: "**Ny toerana misy antsika moa mifankalavitra satria izaho aty amin'ny tanànan'i Samarâ fa ianao kosa dia any amin'ny tanànan'i Kostatinopla renivohitr'i Roma (Byzantin), koa raha tianao ny hihaonantsika dia mila manaraka ny torohevitro ianao!**"

Nanontany ny sayyeda Narjis Khâtone (as) hoe: "**Inona ny torohevitra omenao ahy?**"

Niteny ilay Imâmo (as) hoe: "**Rahampitso ianao dia manaova fitafian'olona andevo ka mandehana ianao manaraka ny làlana ary tongava ianao eo amin'ny toerana nisy ilay ady nifanaovan'ny romanina sy ireo banî Abbâsy. Fa rehefa mahita an'ireo miaramila silamo ianao dia aoka ianao hanaiky ho baboin'izy ireo. Avy eo ianao manaraha an'ilay olona mpikarakara an'ireo andevo fa olona atokisana izy io, ary rehefa tonga ao Baghdâd ianao dia mahita olona iray antsoina hoe H. Bishr zanak'i Solaymân al-Nakh'khas (as) ka hisy taratasy omeny ianao ary dia manaraha azy ianao!**"

Tetsy an-daniny, ilay Imâmo faha-10 (as) dia naniraka tokoa an'io sahaba H Bishr zanak'i Solaymân al-Nakh'khas (as) io, izay olona manam-pahaizana sy

mpahay lalàna sady manana fahatahorana an'Andriamanitra avy tao Samarâ mba haka vehivavy andevo iray avy any Eoropa. Nahoana moa raha sahaba manam-pahaizana sy mpahay lalàna sady manana fahatahorana an'Andriamanitra toy izany no nirahin'ilay Imâmo (as)? Ny antony dia satria ilay sahaba dia voairaka hitondra vehivavy izay ho renin'ilay Mpanavotra (as), ka izany renin'ilay Mpanavotra (as) izany dia mitaky fepetra manokana toy ny fahadioavana ara-pitondratena. Ankoatr'izany, dia mba hisorohona ny fakam-panahy ratsy mety hitranga amin'ny mahavehivavy sy lehilahy no miara-dàlana eny am-pandehanana lavitra eny, koa dia tsy maintsy olona manam-pahalalana sy mahay lalàna ary matahotra an'Andriamanitra izay tena natokisan'ilay Imâmo (as) ihany no nirahiny hitondra izany vehivavy izany.

Nodidian'ny Imâmo faha-10 (as) ny H Bishr zanak'i Solaymân (as) mba ho any Baghdâd ka hitady vehivavy andevo araka ny toetoetra izay efa nambaran'ilay Imâmo (as) taminy.

Ny toetra voalohany famantarana an'izany vehivavy izany dia ny tsy fanekeny na iza na iza izay hividy azy ho andevo, afa-tsy izay olona izay hanome taratasy ho azy araka ny efa nolazain'ny Imâmo Faha-11 (as) taminy tao anatin'ilay nofiny.

Ny toetra famantarana faharoa dia ny fanaovany saron-doha mba nandrakofany ny volony sahala amin'ny fitafian'ny H Maryam (as).

Nialohan'ny nandehanan'ny H Bishr (as) dia notoloran'ny Imâmo faha-10 (as) kitapo izy, izay kitapo

misy vola sy taratasy misy sora-tànana amin'ny fiteny romanina. Na dia amin'ny fiteny romanina aza ilay taratasy, dia tsara ny mahafantatra fa tamin'ny fotoana nampatanjaka ny firenena islamika maneran-tany, dia nanjaka sy nahazo vahana ihany koa ny fampiasana ny fiteny arabo. Ny fampianarana sy fahalalana rehetra tamin'izany fotaoana izany dia natao tamin'ny fiteny arabo. Tamin'izany no nahaizan'ilay mpanjaka romanina ny fiteny arabo, fa dia nampianariny ihany koa izany fiteny arabo izany ny sayyeda Narjis (as) izay zafiny. Indroa isan'andro ny mpampianatra no tonga nampianatra an'ny sayyeda Narjis (as) ka nahatonga azy nahay tsara ny fiteny arabo.

Ary dia nentin'ny H Bishr (as) ilay kitapo misy vola sy ilay taratasy, izay tsy fantany akory na firy na firy ny isan'ilay vola tao anatin'ilay kitapo. Nony tonga tao Baghdâd izy dia efa tonga tao koa ilay olona mpikarakara an'ireo andevo ireo.

Na dia maro aza ireo andevo nentin'ilay mpikarakara fa tsy ela dia efa lasa novidin'ireo olona avokoa izy rehetra afa-tsy ity vehivavy anankiray ity. Isaky ny misy olona mangataka azy dia midongy tsy mandeha izy; ka izany fahasoratana mahazo azy izany no vao mainka mampiakatra ny vidiny ihany koa.

Tamin'ny fahatongavan'ny H Bishr (as) moa dia nojereny izay vehivavy nahafeno ireo toetoetra nolazain'ny Imâmo faha-10 (as) taminy, ka tonga dia fantany fa ity vehivavy sisa tavela ity no izy. Ary dia nomeny an'ilay vehivavy aloha ilay taratasy. Raha vao

novakian'ny H Narjis (as) ilay taratasy dia fantany avy hatrany fa io lehilahy io izany no olona tokony hankatoaviny.

Rehefa nahatsapa izany ilay mpikarakara an'ireo andevo dia nampiakariny ambony ny vidin'ilay vehivavy. Niady varotra ihany moa ny H Bishr (as) ka nony farany dia tonga tamin'ny nifanarahana. Ny mahagaga anefa rehefa nosokafan'ny H Bishr (as) ny vola tao anatin'ilay kitapo izay tsy fantany akory ny isany, dia hitany fa nifanandrify tanteraka tamin'ilay vidin'ilay vehivavy izay nifanarahana vao teo. Ary dia nentin'ny H Bishr (as) ny sayyeda Narjis (as) niaraka tamin'ireo vehivavy maromaro hafa izay mpanampin'ny H Bishr (as) ihany. Andian'olona maro izy ireo no niara-dàlana tamin'ny dia lavitra nataon'izy ireo; noho izany dia tao anatin'ny fandriam-pahalemana tanteraka no nitondran'ny H Bishr (as) an'ny sayyeda Narjis (as).

Tamin'ny fotoana ny H Narjis (as) tsy nanaiky ny fividianan'ireo olona maro azy teo aloha, dia nanontany azy ilay mpikarakara nanao hoe: "**Nahoana ianao no mandà an'izay olona tonga haka anao, nefa izaho dia efa mila te hahazo ny volako haingana?**"

Namaly ny H Narjis (as) hoe: "**Moa ve ireny olona mitady ahy ireny dia olona ho lehibeko sa mbola mpanelanelana fotsiny? Raha olona mpanelanelana izy ireny dia tsy hatokisako amin'ny tenako mihitsy ka aleoko ny mandà azy ireny!**"

Fa ny nahatonga an'ny H Narjis (as) nanaiky an'ny H Bishr (as) dia nohon'ny fisian'ilay taratasy amin'ny fiteny romanina nifanaraka tamin'izay hitany tamin'ny alalan'ilay nofiny.

Nony tonga tao Samarâ ry zareo dia tena faly tokoa ny Imâmo faha-10 (as) rehefa nahita an'ny H Narjis Khâtone (as) amin'ny mahavinantony azy izay efa nataon'ilay Mpaminany (saw) ny "Nikah" mariazin'izy ireo tao anatin'ny nofy.

Ary na dia sahala amin'ny andevo novidiana aza ny H Narjis (as) teny am-piandohana, dia nomen'ny Imâmo faha-10 (as) fahalalahana avy hatrany izy raha vao tonga tao aminy tao Samarâ, ka nilaza taminy ilay Imâmo (as) hoe: "**Manomboka izao ianao dia olon'afaka ao anatin'ny làlan'Andriamanitra!**"

Avy eo ilay Imâmo (as) nampisafidy azy niteny nanao hoe: "**Aiza ny tianao: moa ve ianao homeko vola 10.000 dinars sa hanaiky an'ilay fampanambadiana?**"

Namaly ny H Narjis Khâtone (as) hoe: "**Izaho dia tsy mila vola fa kosa mila an'ilay fanambadiana izay voninahitra mandrakizay!**"

Izany hoe, tsy nisy lanjany teo amin'ny H Narjis (as) ilay vola be raha nampitahainy tamin'ny fanambadiany an'ilay Imâmo faha-11 (as), ka naleony nisafidy an'ilay voninahitra lehibe mandrakizay toy izay ilay vola be sy ny fitiavana ny fiainana eto an-tany izay tsy haharitra. Ary dia io H Narjis Khâtone (as) io no reny niteraka an'ny Imâmo al-Mahdi (as).

Rehefa nisafidy an’ilay fanambadiana ny H Narjis (as) dia nilaza taminy ilay Imâmo faha-10 (as) nanao hoe:

اِبْشِري بِوَلَدٍ يَمْلِكُ الدُّنْيَا شَرقاً وَغَرباً يَملَأُ الأَرْضَ قِسْطاً وَ عَدْلاً بَعْدَ مَا مُلِيَتْ ظُلْماً وَجَوْراً

“**Izaho dia manome vaovao mahafaly anao fa ianao dia hahazo zanakalahy izay hanjaka eto ambony tany hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, izy no hameno an’ity tany ity ny fahamarinana sy ny rariny taorian’ny nahafeno azy tsindry hazolena sy herisetra.**”

Fa nanontany ny H Narjis (as) hoe: “**Fa iza moa no vadiko izay ho rain’izany zanako izany?**”

Namaly azy ilay Imâmo faha-10 (as) hoe: “**Ny vadinao dia ilay efa nampanambadian’ilay Irak’i Allâh (saw) anao tao anatin’ilay nofinao!**”

Rehefa naheno izany ny H Narjis (as) dia falifaly.

Avy eo dia niteny taminy ilay Imâmo (as) hoe: “**Mila ataontsika amin’ny fomba ofisialy ny mariazinareo fa mialohan’izany ianao dia mila miaraka amin’ny sayyeda Hakimah (as).**”

Ary io sayyeda Hakimah (as) io no nampianatra an’ny H Narjis (as) ny fomba sy ny lalànan’ny finoana Islâmo rehetra.

Misy fanontaniana mipetraka amin’ny mampitombona na tsy mampitombona an’ireo nofy izay mikasika an’ireo Mpaminany (as) ireo, sahala amin’ny nofin’ny Mpaminany Abrahama (as) tamin’ilay zanany,

ny Mpaminany Ismâely (as), sy ny nofin'ny Mpaminany Josefa (as) sy ny nofin'ilay Irak'i Allâh (saw)…

Ho valin'izany fanontaniana izany dia misy hadith nolazain'ny Imâmo Hasany al-'Askary (as) nanao hoe: اَعْلَمْ أنَّ كَلامَنا في النَّومِ مِثْل كَلامنا في الأيقَظة

"**Fantaro fa izahay miresaka amin'ny olona ao anatin'ny torimasony dia mitovy ihany koa amin'ny izahay miresaka aminy amin'izy tsy ao anatin'ny torimaso.**"

Na dia izany aza no voalazan'ilay hadith dia tsy midika izany fa izay nofy rehetra tahak'izany dia ekena avokoa, fa kosa misy fepetra takiana mikasika izany vao azo ekena ilay nofy na tsia.

Taty aoriana kely dia tanteraka soa aman-tsara ny fanambadian'ny Imâmo faha-11, ny Imâmo Hasany al-'Askary (as) sy ny sayyeda Narjis Khâtone (as) tamin'ny fomba ofisialy, ary tamin'ny andro Zoma faha-15 Sha'abân taona 255H, vao maraim-be amin'ny fotoanan'ny salât Fajr no teraka ilay Mpanavotra (as); koa dia feno ny isan'ireo Imâmo (as) 12 nifandimby. Izy no Fahazavan'i Allâh (swt) izay notadiavin'ilay satana sy ireo olona mpanao tsindry hazolena hovonoina; kanefa i Allâh (swt) dia vao mainka nanatanteraka ny Fahazavany.

Ny fahaterahan'ilay Mpanavotra (as) moa dia nafenimpenina mba tsy hofantatr'ireo fahavalo, fa ireo as'hâb vitsivitsy ihany no nampahafantarina ny nahaterahany.

Tamin'ny alina hahaterahan'ilay Mpanavotra (as) dia tonga tao amin'ny Imâmo faha-11 (as) izay zanaky ny anadahiny ny sayyeda Hakimah (as). Ary niteny taminy ilay Imâmo (as) hoe: "**Ry nenitoa, aoka ianao hijanona aty aminay aloha amin'izao alina izao fa aza mandeha mody!**"

Nanontany ny sayyeda Hakimah (as) hoe: "**Fa inona moa no anton'izany?**"

Namaly ilay Imâmo (as) hoe: "**Noho ianao hatokisako dia ianao no hiangaviako hanatrika ny fahaterahan'ilay Mpanavotra!**"

Nanontany indray ny sayyeda Hakimah (as) hoe: "**Iza moa no renin'ilay Mpanavotra?**"

Namaly ilay Imâmo (as) hoe: "**Ny sayyeda Narjis no reniny!**"

Nanontany amim-pahagagana ny sayyeda Hakimah (as) hoe: "**Ny sayyeda Narjis ange tsy misy famantarana mahabevohoka azy e?!**"

Niteny ilay Imâmo (as) hoe: "**Nenitoa ve tsy matoky? Mijanona eto aminay amin'izao alina izao fa rehefa tonga ny fotoanan'ny salât Fajr dia hiteraka izy.**"

Na dia nanana fahatokisana an'ilay Imâmo (as) ny sayyeda Hakimah (as) amin'ny maha-Imâmo azy, dia niverina fanindroany izy nijery an'ny sayyeda Narjis (as) kanefa dia tsy nahitany na dia iray aza amin'ireo famantarana mahabevohoka azy. Ny renin'ny Mpaminany Mosesy (as) sy ny sayyeda Maryamo (as) dia tsy nahitana fomba nahafantarana azy ireo fa bevohoka tamin'ny nahaterahan'izy ireo an'ny

Mpaminany Mosesy (as) sy ny Mpaminany Jesosy (as), ka tsy atao mahagaga raha toa ka tsy nisy famantarana ihany koa ny nahabevohoka an'ny sayyeda Narjis Khâtone (as) tamin'ny niterahany an'ilay Mpanavotra, dia ny Imâmo al-Mahdi (as).

*** * * * ***

**(Lesona faha-10)**

## NY ANDRO FAHA-15 SHA'ABAN 255H NAHATERAHAN'NY IMAMO FAHA-12 (AS) [Tantaran'ilay Mpanavotra (as) izay nandrasana]

Tamin'ny vanim-potoana nanjakan'ireo banî Abbâsy, ilay Imâmo faha-11 (as) dia nampidirin'izy ireo am-ponja, avy eo dia navoaka, ary dia naverina nogadraina indray, avy eo dia nomena fahafahana, dia toy izany hatrany no niainan'ilay Imâmo (as).

Rehefa miady an-trano ireo banî Abbâsy mifamono ka mikorontana ny fitondrana dia mahazo fahafahana mivoaka avy ao am-ponja ilay Imâmo (as); fa nony tafapetraka amin'ny sezany ny khalîfah vaovao, ka milamina ny fitondrany dia averiny ao am-pigadrana ihany koa ny Imâmo Hasany al-'Askary (as), ary dia toy izany foana ny zava-niseho.

Fomba fanaon'ireo banî Abbâsy ireo ny mandefa vehivavy ao an-tokatranon'ilay Imâmo faha-11 (as) ka manao fisavana an'ireo vehivavy rehetra sao misy bevohoka izy ireo. Andriamanitra anefa dia efa nanambara fa Izy dia vao mainka hameno ny

Fahazavany na dia tsy faly amin'izany aza ireo tsy mpino. Koa na dia nisy ny nanaramaso sy nanao fisavana an'ireo vehivavy tao an-tokatranon'ilay Imâmo faha-11 (as) dia tsy nisy nahafantatra fa ny sayyeda Narjis Khâtone (as) no efa bevohoka tamin'izany fotoana izany. Eny fa na dia ny sayyeda Hakimah (as) nenitoan'ilay Imâmo faha-11 (as) aza dia tsy nahafantatra izany ihany koa.

Rehefa tonga namangy an'ny Imâmo Hasany al-'Askary (as) io nenitoany io dia hoy izy taminy hoe: "**Ry nenitoa, androany ianao dia mijanona aty aminay fa isika no hiaraka hihinana iftâr amin'ny hariva, sady androany koa amin'ny fotoanan'ny Fajr no hahaterahan'ilay Mpanavotra (as)!**"

Nanontany ilay nenitoany hoe: "**Amin'ny fomba ahoana moa hahatanteraka izany kanefa na dia iray amin'ireo vadinao aza dia tsy misy mitoe-jaza akory?**"

Namaly ilay Imâmo (as) hoe: "**Izany moa dia raharahan'Andriamanitra fa ianao aza manana fisalasalana!**"

Niteny ny sayyeda Hakimah (as) hoe: "**Azafady anaka, koa iza amin'izy ireo moa no ho renin'ilay Mpanavotra (as)?**"

Nanambara azy ilay Imâmo (as) nohon'ny fahatokisany an'io nenitoany io, ka nilaza hoe: "**Ilay reniny dia ny sayyeda Narjis!**"

Rehefa nandeha nijery an'ny sayyeda Narjis (as) anefa ny sayyeda Hakimah (as) dia tsy mba nahita akory izay soritra famantarana vehivavy bevohoka mihitsy teo

aminy izy. Na dia efa fantatry ny sayyeda Hakimah (as) aza fa ny sayyeda Narjis (as) no renin'ilay Mpanavotra (as), nefa dia tsy hainy akory ny mahabevohoka azy na tsia na dia olona ao anatin'ny tranon'ilay Imâmo faha-11 (as) aza izy, dia amin'ny fomba ahoana moa no ahafantaran'ireo banî Abbâsy any ivelany mikasika an'izay vehivavy ho renin'ilay Mpanavotra (as).

Tamin'ny alin'ny faha-15 Sha'aban taona faha-255H, taorian'ny nihinanany iftâr, no nanomboka nanao asa fanompoana an'Andriamanitra ny sayyeda Hakimah (as). Teo anelanelan'ny asa fanompoana nataony ny sayyeda Hakimah (as) dia mbola lasa eritreritra foana ny amin'ny sayyeda Narjis (as) izay hiteraka nefa tsy misy famantarana ny mahabevohoka azy akory.

Fantatry ny Imâmo Hasany al-'Askary (as) izany eritreritrin'ny nenitoany izany dia niteny taminy izy tao amin'ny efitrano ilany, nanao hoe: "**Ô ry nenitoa! Aza manana fisalasalana ianao fa ny sayyeda Narjis dia sahala amin'ny sayyeda renin'ny Mpaminany Mosesy!**"

Voalazan'ny tantara tokoa manko fa niezaka tokoa i Firaona namono ireo zazalahy vao teraka rehetra mba hanakanana ny fahaterahan'ny Mpaminany Mosesy (as), hatramin'ny vehivavy mbola bevohoka aza dia nodidina ny kibony mba hahafantarana izay zaza ao am-bohoka na lahy na vavy, nefa moa izany dia mazava ho azy fa niafara tamin'ny fahafatesan'ilay reny sy ilay zaza tao am-bohoka. Na dia teo aza izany fanarahamaso sy ny famonoana izany dia tsy nahasakana ny fahaterahan'ny

Mpaminany Mosesy (as) ihany nohon'ny Herin'Andriamanitra.

Rehefa akaiky ny fotoanan'ny salât al-Layl, dia nitsangana nanao izany fanompoam-pivavahana amin'ny alina izany ny sayyeda Narjis Khâtone (as). Amin'ny fotoanan'io salât al-Layl manakaiky ny Fajr io, ny tena mpanompon'Andriamanitra dia tsy matory amin'izany fotoana izany; fa ireo izay mpanao fahotana kosa, noho izy ireo tsy matory nandritra ny alina dia lasa matory amin'io fotoanan'ny Fajr io. Arak'izany, amin'ny mahampino mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) antsika dia tokony tsy hatory koa isika amin'ny fotoanan'ny salât al-Layl toy izany. Ny fotoanan'ny salât al-Layl moa dia 30 minitra alohan'ny fanombohan'ny fotoanan'ny salât al-Fajr. Fa izay olona tsy vonona mba hifoha amin'io fotoana sarobidy io dia aoka izy handinika ny toerana tokony hisy azy eo anatrehan'i Allâh (swt); fa ny mpanompo marina kosa dia tsy mba matory amin'izany fotoana sarobidy izany.

Rehefa avy nahavita ny salât al-Layl ny sayyeda Narjis (as) dia niverina nitsotsotra, satria raha ny marina dia bevohoka tokoa izy io fa ny famantarana ny fisian'izany vohoka izany dia tsy hita taratra teo aminy.

Taorian'ny Azhân ho an'ny salât al-Fajr, rehefa avy nahavita ny salât al-Nâfilat sy ny salât al-Fajr ny sayyeda Hakimah (as) sy ny sayyeda Narjis (as) dia nanomboka nihetsi-jaza inty farany. Ny sayyeda Hakimah (as) moa dia efa teo akaikiny nanampy azy tamin'ny fiterahana. Ao amin'ny efitra ao ambadika

kosa, ny Imâmo al-‘Askary (as) dia nanoro hevitra an’ny sayyeda Hakimah (as), niteny nanao hoe: “**Ô ry nenitoa, vakio ny Kor’âny masina, ny sourat al-Dokhân!**” Ary dia namaky sourat al-Dokhân izy.

Araka ny fitantaran’ny sayyeda Hakimah (as) fa raha vao vita ny famakiany an’ilay sourat Dokhân dia nisy “Noor” hazavana niseho tampoka teo anelanelany sy ny sayyeda Narjis (as) ka lasa tsy afaka nahatazana an’ny sayyeda Narjis (as) mihitsy izy nohon’ny fanakonan’ilay hazavana. Raha vao nanjavona anefa ilay hazavana dia avy hatrany zaza vao teraka teo am-piankohofana no hitany teo akaikin’ny sayyeda Narjis (as). Teo am-piankohofana ilay zazakely no sady nanao “zhikr” fiderana an’i Allâh (swt) no nanao “shahadatân” fijoroana vavolombelona roa ara-pinoana sady nanonona ny anaran’ireo Imâmo miisa 12 (as). Avy eo henon’ny sayyeda Hakimah (as), ilay zazakely izay niteny nanao hoe: اللهم أَنْجِزْلِي ما أَوْعَدْتَنِي “**Tompo ô, mba tanteraho amiko izay nampanantenainao ahy (mikasika an’ilay Fanjakan’ny lanitra)**” Taorian’izany ilay zazakely dia namaky an’ilay andininy faha-18 ao amin’ny sourat Âl’Imrân-as- (3) manao hoe:

شَهِدَ اللَّهُ أَنَّهُ لا إِلَهَ إِلاَّ هُوَ وَالْمَلائِكَةُ وَأُوْلُوا الْعِلْمِ قَائِماً بِالْقِسْطِ لا إِلَهَ إِلاَّ هُوَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ

« **Mijoro vavolombelona i Allâh fa tsy misy mendrika atao Andriamanitra afa-tsy Izy Irery, mijoro vavolombelona ihany koa ireo Anjely sy ireo manam-pahalalana izay mijoro ny rariny sy ny hitsiny. Tsy misy mendrika atao Andriamanitra afa-**

**tsy Izy Irery, Ilay Tsitoha, Ilay Tompon'ny Fahendrena.** »

Ary namaky ihany koa an'ilay andininy faha-5 ao amin'ny sourat al-Qasas (28) manao hoe:

وَنُرِيدُ أَنْ نَمُنَّ عَلَى الَّذِينَ اسْتُضْعِفُوا فِي الْأَرْضِ وَنَجْعَلَهُمْ أَئِمَّةً وَنَجْعَلَهُمُ الْوَارِثِينَ

« **Ary tianay hotsimbinina manokana ireo izay nampahosàna tety an-tany, ary ataonay ho mpitarika izy ireo sady koa ataonay ho mpandova!** »

Taorian'izany dia noraisin'ny sayyeda Hakimah (as) ilay zazakely ka notrotroniny sy norofany avy eo izy dia nanolotra fiarahabana sy firariantsoa an'ny sayyeda Narjis (as).

Avy eo ilay zazakely dia nampidiriny tao amin'ny efitrano misy an'ilay Imâmo faha-11 (as) izay nandray sy nitrotro azy ihany koa, ary niarahaba nirary soa an'ilay zanaky ny anadahiny izy.

Nampidirin'ilay Imâmo (as) tao am-bavan'ilay zaza ny lelany, ary niteny izy tamin'ilay zaza, taorian'ny fiarahabana nataony nanao hoe: "**Ô ry zanako, mitenena ianao!**"

Rehefa avy namaly an'ilay fiarahabana ilay zazakely dia nanao ny fijoroana vavolombelona anankiroa na (shahadatân) sy nanonona ny anaran'ireo Imâmo miisa 12 (as), avy eo izy niteny nanao hoe: "**Ô ry raiko, ianao izany no Imâmo faha-11.**"

Nony niposaka ny masoandron'ny andro faha-15 volana Sha'abân, dia naniraka an'ireo mpanampiny ilay

Imâmo faha-11 (as) mba hanatanteraka ny “’Aqîqah”, koa dia betsaka ny henan’ireo biby nanaovana ny “’Aqîqah” no nozarazaraina tamin’ireo as’hâb sy ireo mpanaradian’ireo Ahlol-Bayt (as) rehetra tao Samarâ; nahatratra 10 000 ny isan’ireo mofo (pakopako) tamin’izany fotoana izany. Ary sahaba iray antsoina hoe H. Othmân zanak’i Sa’id al-Samarî (as) no mba nanambaran’ny Imâmo Hasany ‘Askary (as) fa efa teraka ilay Mpanavotra (as). Na dia hitan’ny be sy ny maro aza ilay “’Aqîqah” izay nozarazaraina eran’ny tanàna ka nahatonga ny olona te hahafantatra ny zava-niseho marina, dia tsy nanambarana ny fahaterahan’ilay Mpanavotra (as) afa-tsy ireo as’hâb vitsy izay natokisana ihany. Nanao izay fomba rehetra tsy niparitahan’ilay vaovao mahafaly moa ilay Imâmo faha-11 (as) ka na dia ireo mpanampy ao ivelan’ny trano aza dia tsy nahalala ny fahaterahan’ilay Imâmo faha-12 (as).

Telo andro taorian’ilay fahaterahana dia nisy as’hâb vitsivitsy izay natokisana no nantsoin’ny Imâmo Hasany ‘Askary (as) ka nanambarany fa efa teraka ilay Imâmo faha-12 (as).

Avy eo dia noraisin’ilay Imâmo faha-11 (as) ilay zanany ka hoy izy hoe: “**Ô ry zanako, mitenena ianao!**” Avy hatrany dia niteny ilay Mpanavotra (as) izay mbola zazakely nanao hoe: أنا بقيَّة الله في أرضه “**Izaho no zavatra tsara maharitra izay nomen’i Allâh eto ambony tany!**”

Talohan'ny nahamaritiora an'ilay Imâmo faha-11 (as) dia nisy sahaba iray antsoina hoe Ahmad zanak'Is'haq no tonga nanontany azy nanao hoe: "**Ô ry zanak'ilay Irak'i Allâh (saw), izahay dia mino fa ianao no Imâmo faha-11, kanefa araka ny voalazan'ilay Irak'i Allâh (saw) dia misy 12 no isan'ireo Imâmo, ary ny ray aman-dreninao rehetra dia efa lasa maritiora avokoa, ianao koa dia hita fa tena ampijalian'ireo banî Abbâsy ireo amin'ny fanagadrana anao matetika; koa raha misy moa ny tsy mahaeo anao tampoka dia ho aiza izahay?**"

Ary dia niangavy an'ilay mpanampy tao an-trano ilay Imâmo (as) mba hiantso an'ilay ankizy. Avy eo dia hitan'i Ahmad zanak'Is'haq ilay ankizy nivoaka avy tao amin'ny efitra lamba. Marihina moa fa ny fitomboan'ilay ankizy dia tena maroroka tokoa fa tsy mba tahaka ny fitomboan'ireo zaza rehetra araka ny mahazatra. Ny tarehin'ilay ankizy dia nisy hazavana sahala amin'ny hazavan'ny volana fenomanana amin'ny andro takariva. Gaga tena gaga i Ahmad zanak'Is'haq nahita an'ilay ankizy. Fa noraisin'ilay Imâmo (as) ilay ankizy dia napetrany teo ampofoany ary norofany teo amin'ny handriny, avy eo izy niteny tamin'i Ahmad hoe: "**Inty no zanako izay teraka tamin'ny faha-15 Sha'abân taona 255H, fa izahay no tsy nanambara ny fahaterahany ampahibemaso mba ho fiarovana azy! Izy no Imâmo izay handimby ahy!**"

Ary dia nandray ny tànan'ilay ankizy koa i Ahmad zanak'Is'haq sady nanoroka azy; fa avy eo ilay Imâmo faha-11 (as) niteny taminy nanao hoe: "**Ô ry**

**Ahmad zanak'Is'haq, ifantako amin'i Allâh fa izy ity tokoa no Imâmo, amin'ny alalan'ity Imâmo ity sy ireo Imâmo rehetra no hanakanan'i Allâh ny loza rehetra sy handrotsahany ireo fahasoavana, ifantako amin'i Allâh ihany koa ry Ahmad zanak'Is'haq fa ity Imâmo ity dia tena hiditra ao anatin'ny fanjavonana ka amin'izany fotoana izany dia hisy olona maro no very làlana; fa raha te ho avotra amin'izany fahaverezana izany dia misy fomba anankiroa no tokony hatao: voalohany dia ilaina ny firesahana mikasika an'ilay Imâmo izay efa teraka amin'izao fotoana izao ary ny faharoa dia ny fangataham-bavaka mba hiverenany haingana!**"

Arak'izany, ry mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as), isika dia tokony hamaky in-telo amin'ny feo ambony ny **salaoât** izay fanomezana tso-drano sy firariantsoa ho an'ilay Mpaminany (saw) sy ireo Fianakaviany masina, ka aorian'izany dia miteny manao hoe: "**Oa 'ajil farajahom**", amin'izay dia tanteraka ny fangatahantsika sady avotra amin'ilay fahaverezana isika.

Efa-polo andro nialohan'ny nahafaty maritiora an'ilay Imâmo faha-11 (as) dia nisy as'hâb miisa 40, anisan'izany ny H Mohammady zanak'i Othmân zanak'i Sa'id (as), no tonga nantsoin'ilay Imâmo (as) izy ireo, ka nanambarany an'ilay zanany izay teo akaikiny, ary niteny ilay Imâmo (as) hoe: "**Indro ity zanako ity, izy no Imâmo faha-12 izay arahinareo rehefa tsy eo intsony aho; saingy izy ity dia hanjavona aorian'ny**

**fanaovany salât al-maiyyt ho ahy, ka androany fotsiny no ahitanareo azy!**”

Na dia mbola zazakely aza ny Imâmo al-Mahdi (as) tamin’io fotoana io dia toy ny ankizy efa 12 taona sahady no endrika nahitan’ireo as’hâb ireo azy.

Ny Imâmo faha-11 (as) dia nomena poizina tamin’ny voalohany volana Rabi’ol-Aoâl, ary nandritra ny valo andro izy no tena narary mafy voaktr’ilay poizina ka maty maritiora tamin’ny faha-8 volana Rabi’ol-Aoâl taona faha-260H, tamin’ny faha-29 taonany.

Rehefa narary voan’ilay poizina ilay Imâmo faha-11 (as) dia nisy olona 5 avy amin’ny banî Abbâsy no napetraka hanaramaso azy mba hahafantarana izay Imâmo handimby azy arak’izay hafatra hapetrany.

Nisy mpitsabo miisa 10 ihany koa no nalefan’ireo banî Abbâsy ireo mba tsy hiala eo akaikin’ilay Imâmo (as) amin’izay tsy hisy olon-kafa hanome fanafody azy, ka ny tanjona amin’izany dia ny mba hahafatesan’ilay Imâmo faha-11 (as). Koa rehefa nodimandry ilay Imâmo (as) dia namoaka taratasim-pahamarinana izy ireo fa maty amin’ny fomba natioraly ilay Imâmo (as).

Ny alina farany nahavelomany ilay Imâmo faha-11 (as) dia niditra tao amin’ny efi-trano iray teo akaiky, ary dia nanoratra taratasy maromaro izy izay halefa any Madîna sy any Kofa sy any amin’ny tanàna hafa.

Tamin'ny fotoanan'ny salât al-Fajr ny faha-8 ny Rabi'ol-Aoâl, ilay Imâmo (as) dia efa nalemy tsy afa-nitsangana intsony, ka nisy nanome rano mafanafana azy mba hanaovany fidiovana masina (oudhou) teo ambony fandriany, avy eo izy dia nanao salât; taorian'izany dia nanomboka nangovitra izy. Nomena rano ilay Imâmo (as) kanefa efa tsy afaka nisotro an'ilay rano intsony, fa ny hany sisa nataony dia ny nanao zhikr fiderana an'i Allâh (swt) sy namaky ilay fijoroana vavolombelona ara-pinoana na shahada anankiroa, ary dia tao anatin'izany no nikipy ny masony, ka maty maritiora novonoin'ireo banî Abbâsy izy.

Rehefa naheno izany vaovao mampalahelo izany ireo vahoaka dia tonga maro be namonjy fahoriana ary dia feno tsy omby olona intsony ny tao an-tranon'ilay Imâmo (as). Ireo banî Abbâsy koa dia efa nanomboka tonga kanefa tsy nahita fomba fidirana intsony nohon'ny fahateren''ilay trano.

Ilay Mo'tamad al-Abbâsy izay namono an'ilay Imâmo (as) moa dia nandefa ny rahalahiny antsoina hoe 'Isâ zanak'i Motaoâkil mba hitarika ny salât al-maiyyt fa saingy ao ivelan'ny trano ihany nohon'ny hamaroan'ny vahoaka efa tao an-trano, no sady koa manome toky amin'ireo vahoaka fa ilay Imâmo (as) dia maty amin'ny fomba natioraly fa tsy tamin'ny alalan'ny poizina velively.

Misy rahalahin'ny Imâmo faha-11 (as) izay natsoina hoe Ja'afar zanaky ny Imâmo Aly al-Hâdi (as) no tsy nahafantatra ihany koa ny fahaterahan'ilay Imâmo

faha-12 (as). Rehefa nahare izy fa nodimandry ilay rahalahiny dia tonga tao an-trano izy ary manomboka manome fampionana ho azy ireo vahoaka.

Tao amin'ilay trano moa dia nahitana karazan'olona roa, dia ireo izay nahafantatra ny fahaterahan'ilay Imâmo faha-12 (as) sy ireo izay tsy nahafantatra. Ary ireo mpanaradia dia very hevitra amin'izay olona tokony handimby an'ilay Imâmo faha-11 (as) ka nihevitra mihitsy fa io Ja'afar rahalahin'ilay Imâmo (as) io no Imâmo handimby azy. Etsy an-daniny kosa, ireo banî Abbâsy dia nahay fa io Ja'afar rahalahin'ilay Imâmo faha-11 (as) io dia tsy Imâmo velively nohon'ny fahitan'izy ireo azy izay manao fahotana ampahibemaso fa tsy mba "ma'asomo". Tsy vitan'izany fa tsaroan'ireo banî Abbâsy ireo ny tenin'ilay Imâmo faha-10 (as) nilaza mikasika an'i Ja'afar zanany nanao hoe:

هذا ولدي يُضِلُّ به خلقٌ كثيرٌ

"**Ity Ja'afar zanako ity dia maro ny olona ho very amin'ny alalany.**"

Ilay Imâmo faha-10 (as) ihany koa dia efa nanambara ampahibemaso nanao hoe:

اتجنبوا ابني جعفر فإنّه منّي بمنزلة ابن نوح

"**Aoka ianareo hanalavitra an'i Ja'afar zanako, fa izy eo anatrehako dia sahala amin'ilay zanak'i Noa!**"

Izany hoe sahala amin'ilay zanaky ny Mpaminany Noa (as) izay nanohitra azy dia toy izany koa i Ja'afar izay zanaky ny Imâmo faha-10 (as) dia nanao fihetsika mifanohitra tanteraka amin'ny finoana

Islâmo. Niezaka ihany ilay Imâmo faha-11 (as) nananatra azy fa tsy nampiova azy akory izany, hany ka ny vahoaka rehetra dia samy niara-nahita azy nisotro toaka sy nanao fahotana samihafa. Na dia fantatry ny rehetra fa manana toetra tsy mendrika tahaka izany izy dia mbola nahasahy niteny teo anatrehan'ny olona rehetra tao an-trano fa nohon'ny tsy fananan'ilay rahalahiny zanaka dia izy no Imâmo mandimby an'ilay Imâmo faha-11 (as).

Nandritra izany ny Imâmo al-Madi (as) dia nikarakara ny vatana mangatsiak'ilay rainy, ary rehefa vita izany dia napetraka tao amin'ny efitra iray ilay razana miaraka amin'ireo as'hâb tena natokisana ; fa i Ja'afar al-Kazhâbo sy ireo olona mpitsikilo kosa dia tao amin'ny efitra ilany. Avy eo dia niditra tao amin'ny efitra misy an'ilay razana i Ja'afar ary nahazo alalana moa izy amin'ny maharahalahin'ilay Imâmo (as) azy. Nanatona an'ilay vatana mangatsiaka i Ja'afar ary hanomboka hanao ny salât al-maiyyt no nivoaka tampoka ny Imâmo al-Mahdi (as) avy tao an'efitra ilany anankiray ka niteny tamin'io rahalahin-drainy io nanao hoe : "**Ry dadatoa, marina fa ianao no rahalahin'ny raiko, nefa izaho no zanaka naterany ary izaho no Imâmo faha-12 mpandova sy mpandimby azy ka manan-jo amin'ny fitarihana an'ilay salât al-maiyyt.**"

Taitra tamin'izany moa i Ja'afar ka tsy nahetsika izy no sady tsy nahateny. Ary dia tsy nisy fifandirana teo amin'ny fanatanterahana an'ilay salât fa dia notarihin'ilay Imâmo faha-12 (as) soa aman-tsara izany. Avy eo ilay Imâmo faha-12 (as) dia niverina niditra tao

amin’ilay efi-trano izay nivoahany ka nanomboka teo izy dia tsy nisy nahita azy intsony. Fa ireo vahoaka kosa avy eo dia nitondra ilay razana masina nivoaka ny trano mba ho entina halevina. Taorian’izany ireo banî Abbâsy vao nahafantatra ny zava-nisy marina niseho tao an-trano ka nanomboka nanenjika an’ireo as’hâb izy ireo. Maro tamin’ireo as’hâb ireo no nampahoriana sy nampidirina am-ponja ary noterena mba hamoaka ny tsiambaratelo mikasika an’ny Imâmo al-Mahdi (as).

*** * * * ***

**(<u>Lesona faha-11</u>)**

## TANTARAN’I JA’AFAR AL-KAZHABO

Ja’afar al-Kazhâbo dia zanaky ny Imâmo faha-10, H. Aly al-Hâdi (as), izany hoe, izy dia rahalahin’ny Imâmo Hasany al-‘Askari (as); fa kosa izy dia olona tsy ma’asomo, fa mpanao fahotana; ary efa nisy resaka moa no nambaran’ny rainy, ilay Imâmo faha-10 (as) mikasika izany toetrany ratsy izany, araka efa nolazaintsika tao amin’ny lesona teo aloha.

Rehefa naheno ny fahafatesan’ilay rahalihiny i Ja’afar dia tonga tao an-trano izy fa tsy mba niraharaha amin’ny fikarakarana ny faty, fa mijoro tandrifin’ilay varavarana izy ka izay olona tonga dia mirary fiononana ho azy avokoa. Ary izay olona tsy nahafantatra an’ilay Imâmo faha-11 (as) ho manan-janaka dia nihevitra an’i

Ja’afar ho mpandova sy mpadimby an-drahalahiny ka niarahaba sy nirary soa ho azy avokoa. Etsy ankilany, izany fiarahaban’ireo olona an’i Ja’afar al-Kazhâbo ho mpandimby an’ilay Imâmo faha-11 (as) dia tsy nahataitra an’ireo banî Abbâsy satria efa fantatr’izy ireo fa olona tsy ma’asomo i Ja’afar ka tsy mendrika hahazo izany Fitarihana masina na Imâmah izany veively. Ny zava-nitranga tamin’izany fotoana izany dia sahala amin’ny zava-niseho tamin’ny fotoana nahafatesan’ilay Irak’i Allâh (saw) izay mbola tao an-trano ilay razana masina dia efa lasa ireo vahoaka silamo sasany nandeha nifarombaka naka ny fitondrana na ny khilâfah, saingy tamin’ity indray mitoraka ity dia tsy ny khilâfah no nalain’izy ireo fa ny Imâmah izay fifandimbiasan’ireo Imâmo miisa 12. Ny zava-niseho tamin’ny saika nanaovan’i Ja’afar ny salât al-maiyyt ho an’ilay Imâmo faha-11 (as) moa efa voalazantsika tao amin’ny lesona teo aloha; fa avy eo i Ja’afar dia nandeha nanatona an’ireo banî Abbâsy ka nitady fifanarahana tamin’izy ireo, nilaza nanao hoe: “**Izaho Ja’afar dia hanome vola 20.000 Dinars ho anareo isan-taona raha toa ianareo ka manendry ahy ampahibemaso ho imâmo mpandimby an’ilay Imâmo faha-11 (as)!**”

Ireo banî Abbâsy anefa dia nanao antery an’ireo mpanaradian’ireo Ahlol-Bayt (as) tamin’ny alalan’ny fampijaliana sy fanagadràna ary famonoana, noho izy te hahafantatra momba an’ny Imâmo al-Mahdi (as) izay nafenina ny fahaterahany.

Ny fanjakan’ireo banî Abbâsy moa dia tsy nanaiky an’izany fanirian’i Ja’afar izany; ary isika koa

dia tsy manaiky izany tanteraka, satria i Allâh (swt) dia efa nilaza ao amin'ny sourat al-Baqarah (2) andininy faha-124 manao hoe:

وَإِذْ ابْتَلَى إِبْرَاهِيمَ رَبُّهُ بِكَلِمَاتٍ فَأَتَمَّهُنَّ قَالَ إِنِّي جَاعِلُكَ لِلنَّاسِ إِمَاماً قَالَ وَمِنْ ذُرِّيَّتِي قَالَ لا يَنَالُ عَهْدِي الظَّالِمِينَ

« **Raha nahazo fitsapana tamin'ny Tompo Andriamaniny i Abrahama tamin'ny alalan'ireo teny ka notanterahany tokoa izany; dia hoy Andriamanitra taminy hoe: Izaho dia hanendry anao ho Imâmo mpitarika an'ireo olombelona! Fa nanontany i Abrahama (as) hoe: Anisan'izany koa ve ireo taranako? Namaly Andriamanitra hoe: Ireo mpanao ny tsy rariny amin'izy ireo dia tsy hahazo izany fampanantenako izany!** »

Manambara izany fa ny Imâmah dia tsy safidy avy amin'ny olombelona fa tendry avy amin'i Allâh (swt) araka ny fampanantenany, ary ireo Imâmo (as) ireo ihany no manome porofo ny tenan'izy ireo eo anatrehan'ny vahoaka amin'ny alalan'ny fananan'izy ireo ny fahendrena sy ny fitondrantena mendrika sy ny fahalalana miaraka amin'ny "taqwâ" na fahatahorana an'Andriamanitra, sy amin'ny alalan'ny fanendren'ilay ma'asomo teo alohany; manamafy izany koa ny fahafahan'izy ireo manao fahagagana na "mo'jizat", kanefa izany fahagagana izany dia zava-mandalo fotsiny ka tsy azo iankinana loatra amin'ny maha-Imâmo ny olona iray; fa ny tena ilaina dia ny faharesen-dahatra avy amin'ny fo sy ny saina amin'ny alalan'ny porofo "bor'hân", koa na dia tsy mahita an'ilay fahagagana aza dia manana fahatokisana sy finoana foana. Fa ny finoana

vokatry ny fahagagana dia marefo satria mbola tsy tafiditra ao am-po ilay faharesen-dahatra. Ireo Imâmo Ahlol-Bayt (as) ireo moa dia nanome porofo “bor’hân” ka izany no mahatonga an’ireo mpanaradian’izy ireo mino sy mifikitra amin’izy ireo foana, eny fa na dia nampahoriana sy nogadraina aza izy ireo.

Marihina fa ny “Nobooah” sy ny “Imâmah” dia finoana (na ‘aqîdah) ao anatin’ny foto-pinoana (na osolod-dîny) ka amin’ny mahafinoana azy roa ireo dia tsy azo terena amin’izany ny olona fa miankina amin’ny sitrapony no inoany na tsy inoany izany, arakaraka ny faharesen-dahatra ananany. Arak’izany dia tsy ilàna fanerena amin’ny alalan’ny fitaovam-piadiana na fanaovana kolikoly toy ny nataon’i Ja’afar rahalahin’ilay Imâmo faha-11 (as) ny finoana mikasika ny Nobooah sy ny Imâmah ary mbola tsy nisy Mpaminany na Imâmo na dia iray aza no nanome vola ho an’ireo vahoaka mba hanekena sy hinoan’ireo vahoaka ireo azy na nanao antery an’ireo vahoaka ireo tamin’ny alalan’ny fitaovam-piadiana. Fa ny nahatonga an’ireo silamo izay notarihin’ny Mpaminany (saw) sy ny Imâmo Aly (as) niady araka ny voalazan’ny tantara dia nohon’ny fiarovan-tena fotsiny amin’ny fanafihana nataon’ireo fahavalo. Raha misy fahavalo manafika firenena iray tokoa manko dia manan-jo hiaro tena ilay firenena izay tafihina na firenena mpino an’Andriamanitra izy na tsy mpino, nohon’ny fitiavan-tanidrazana; ary izay maty nohon’izany fiarovana tanindrazana izany dia maty maritiora izay fahafatesana feno voninahitra.

Tahak'izany no ady natrehin'ilay Mpaminany (saw) sy ny Imâmo Aly (as) tao Madîna, dia ady nohon'ny fiarovan-tena; ary fantantsika amin'ny tantara fa tao Makka ilay Mpaminany (saw) nandritra ny 13 taona dia tsy mba niady izany akory na dia efa teo aza ireo fahavalon'ny Islâmo ireo, satria izay fahavalo tonga nanafika ihany no tsy maintsy nanaovana ny fiarovan-tena.

Ny Nobooah sy ny Imâmah dia toeram-boninahitra avy amin'i Allâh (swt), arak'izany dia Izy Andriamanitra Allâh ihany no mahafantatra izay olona omeny izany toeram-boninahitra izany, araka ny voalazan'ilay andininy faha-124 ao amin'ny sourat al-An'âm(6) manao hoe: اللَّهُ أَعْلَمُ حَيْثُ يَجْعَلُ رِسَالَتَهُ « **Allâh no tena mahafantatra izay olona hametrahany ilay Hafany.** »

Ireo banî Abbâsy dia efa nahatsapa fa na dia teo aza ny herisetra sy fampitazam-bola nataon'izy ireo sy ireo banî Omayyah teo aloha tamin'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) dia tsy nampiova fo an'ireo mpanaradia ireo velively izany, fa vao mainka aza izy ireo no nifikitra tamin'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo hatrany. Izany no nahatonga an'ireto banî Abbâsy ireto tsy nanatanteraka an'ilay fanirian'i Ja'afar nohon'ny fahafantaran'izy ireo fa ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo dia tsy hankato mihitsy olona mpisotro toaka sahala amin'i Ja'afar.

Nisy fotoana i Ja’afar al-Kazhâbo sy ny mpanaradian’ilay Imâmo faha-10 (as) anankiray antsoina hoe Ahmad zanak’Is’hâq no nampiady hevitra mikasika ny fahalalan’izy ireo, kanefa dia hita fa resy tamin’izany ady hevitra izany i Ja’afar; koa raha mpanaradia tsotra toa an’i Ahmad zanak’Is’hâq aza no tsy vitan’i Ja’afar ny miady hevitra aminy dia amin’ny fomba ahoana no ahafahany hiady hevitra amin’ilay tena Imâmo marina.

Nisy minisitr’ilay khalîfah iray no mba naman’i Ja’afar al-Kazhâbo akaiky, izay nifampiresaka taminy matetika. Io minisitra io no nampita ireo resak’i Ja’afar any amin’ilay khalîfah. Fa dia niteny ilay minisitra tamin’i Ja’afar al-Kazhâbo hoe: “**Ô r’ilay gaigy lahy ity! Fantatrao fa ireo Imâmo rainao hatramin’ireo raibenao rehetra dia tsy nila fanampiana avy amin’ny fanjakana tamin’ny Fitarihan’izy ireo, koa raha tena Imâmo tahak’azy ireo koa ianao dia tsy tokony hangataka fanampiana avy aminay fa ianao dia olona adaladala. Noho izany, dia izao ihany no fotoana farany iresahanao amiko ka aza mangataka fotoana hiresaka momba izany amiko intsony ianao!**”

Taorian’izany moa dia mbola nitady fotoana hatrany i Ja’afar ho any amin’ilay khalîfah fa tsy nahazo alalana. Na izany aza anefa dia nanampy an’i Ja’afar ihany ny fanjakan’ireo banî Abbâsy ireo teo amin’ny lafiny fandovàna ny fananan’ilay Imâmo faha-11 (as). Ny tanjon’ireo banî Abbâsy ireo amin’izany moa dia mba hanaporofoan’izy ireo eo anatrehan’ny vahoaka fa ilay Imâmo faha-11 (as) dia tsy nanana taranaka

mpandova, eny na dia fantatra'izy ireo ihany ny fisian'ilay Imâmo faha-12 (as); fa amin'izay ireo vahoaka ireo no tsy mahalala ny zava-marina ka ho very làlana. Avy amin'izany tantara izany no mahatonga an'ireo rahalahy silamo sasany ho mino an'ilay Imâmo al-Mahdi (as) fa kosa mihevitra azy io mbola tsy teraka, voakatry ny ezaka mafy nataon'ireo banî Abbâsy ireo nanafina ny marina momba ny fahaterahan'ilay Imâmo faha-12 (as).

Rehefa nandova ara-pananana ny rahalahiny, ilay Imâmo faha-11 (as) moa i Ja'afar al-Kazhabo dia hita miharihary fa izy dia tsy niraharaha afa-tsy ny tombontsoan'ny tenany ihany fa ny tombontsoan'ny be sy ny maro dia nataony ankilabao. Sahala amin'izany koa isika ankehitriny, fa misy ny olona izay tsy mba mijery ny hafa fa ny tombontsoan'ny tenany sy ny fianakaviany ihany no imatimatesany.

Araka ny voalazan'ny tantara fa rehefa maty maritiora ilay Imâmo faha-10 (as) dia nandova ny fananana sy ny trano nonenany ny zanany, ilay Imâmo faha-11 (as), fa nony maty maritiora ihany koa ilay Imâmo faha-11 (as) dia tokony handova azy ilay Imâmo faha-12 (as), fa saingy nanjavona moa izy ka izany no nahatonga an'i Ja'afar nanararaotra nangataka fanohanana tamin'ny fanjakan'ireo banî Abbâsy mba hahazoany izany lova izany. Etsy andaniny, ireo banî Abbâsy ireo dia te hampiseho amin'ireo vahoaka fa tena tsy manana mpandova tokoa ilay Imâmo faha-11 (as) afa-tsy i Ja'afar al-Kazhâbo ka izany no naneken'izy ireo ny fangatahan'i Ja'afar mikasika ilay fandovàna. Izany

famindram-pahefana amin'ny fifandovàna tsy ara-drariny izany dia mbola mitohy foana hatramin'izao andro iainantsika izao. Arak'izany ity Ja'afar ity dia nahavita nanao ny tsy rariny na dia teo amin'ireo fianakaviany. Nisy reniben'i Ja'afar al-Kazhâbo izay nametraka hafatra niteny nanao hoe: "**Rehefa izaho maty dia aoka halevinareo eo akaiky ny fasan'ny zanako Imâmo faha-10 (as) sy ny zafiko Imâmo faha-11 (as).**" Nefa rehefa nodimandry io reniben'i Ja'afar io dia tsy navelany nalevina ao amin'ny fasam-pianakaviany.

Indray andro ny Imâmo al-Mahdi (as) no niseho tampoka tamin'i Ja'afar al-Kazhâbo ka niteny taminy hoe: "**Nahoana ianao no manao toetra sahala amin'izao kanefa fantatrao tsara fa izaho no tena mpandova?!**" Avy hatrany dia nanjavona ilay Imâmo (as) rehefa avy niteny izany, nefa nisy nahita ihany izy.

Nanontany ilay nahita nanao hoe: "**Ry Ja'afar, iza moa ilay olona niresaka taminao teo iny?**"

Namaly i Ja'afar al-Kazhâbo hoe: "**Tena tsy haiko izy teo iny!**"

Nisy fotoana i Ja'afar al-Kazhâbo dia nitsangatsangana teo amoron'ny reniranon'i Dajilah (na Tigre) niaraka tamin'ireo mpihira sy ireo vehivavy mpandihy kanefa ny faha-40 andro nahafatesan'ilay Imâmo faha-11 (as) rahalahiny dia mbola tsy tapitra.

Rehefa hitan'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) izany fihetsik'i Ja'afar izany dia nanome tsiny sady niteny mafy azy izy ireo nanao hoe: "**Ianao milaza ny**

**tenanao fa nandimby an'ilay Imâmo faha-11 (as), kanefa toy izao no fomba ataonao na dia mbola tsy tapitra aza ny androm-pisaonana an'ilay rahalahinao, dia inona moa izany no mampiavaka anao sy ireo banî Abbâsy ireo izay mpanao alim-pandihizana tahak'izao sady mpisotro toaka sy mpijangajanga sy mpanao zavatra harâmo maro isankarazany?!**" Ary dia voaompaompan'izy ireo teo i Ja'afar al-Kazhâbo.

Avy eo nisy ireo iraka avy any Qom, nitondra ny volan'ny "khoms" ampahadimin-karena na "zakât" hetra masina, ka niteny tamin'izy ireo i Ja'afar al-Kazhâbo nanao hoe: "**Omeo ahy ireo vola ireo amin'ny maha-imâmo ahy!**"

Fantatr'ireto iraka ireto moa fa izany Imâmo izany dia manana **'Ilm al-Ghayb** na ny fahalalana ny zava-miafina, ka nanontany ny filohan'izy ireo nanao hoe: "**Firy moa no isan'ny vola ato aminay raha hainao?**" Tsy afaka namaly izany anefa i Ja'afar nohon'ny tsy fananany **'Ilm al-Ghayb**.

Ilay khalîfah indray dia nanontany an'ireto iraka ireto nanao hoe: "**Nanao ahoana ny fomba nanaovanareo an'ireo vola ireo teo aloha?**"

Namaly ireto iraka ireto hoe: "**Teo aloha izahay dia nanome an'ireo vola ireo ho an'ilay Imâmo amin'ny alalan'ny solotenany manokana ary io solotenan'ilay Imâmo io no manome ho azy mivantana!**"

Arak'izany, dia nanapa-kevitra ireto iraka ireto fa hiverina any Qom satria tsy hitan'izy ireo ny olona mendrika omena an'ilay vola: i Ja'afar moa dia voaporofon'izy ireo fa tsy Imâmo noho izy tsy manana fahalalana ny zava-miafina, ary ilay khalîfa kosa dia efa malaza amin'ny famonoana olona sy fanaovana fahotana samihafa. Rehefa niverin-dàlana niala tao Samarâ izy ireo ka tonga tao amin'ny tany efitra iray dia nijanona niala sasatra teo izy ireo. Avy eo dia nisy olona iray tonga nanatona sady niantso azy ireo tamin'ny alalan'ny anaran'izy ireo. Gaga ireto iraka ireto amin'ny fomba nahafantaran'ilay olona ny anarana'izy ireo ka nanontany azy hoe: "**Iza moa ianao? Ianao ve ilay Imâmo?**"

Namaly ilay olona hoe: "**Tsia, tsy Imâmo aho fa mpanampy nirahin'ilay Imâmo (as) mba haka anareo ho any aminy!**"

Ary dia notarihin'ilay mpanampy izy ireo nankany amin'ilay Imâmo (as).

Ilay Imâmo faha-12 (as) tamin'io fotoana io dia nipetraka tao anatin'ny tranolay teo akaikin'ny hazon'antrendry iray.

Nony tonga izy ireo dia nampandrosoin'ilay Imâmo (as) tao amin'ny tranolay; avy eo ilay Imâmo (as) dia nanonona ny anaran'izy ireo tsirairay avy, tsy vitan'izany fa mbola nambaran'ilay Imâmo (as) tamin'izy ireo ny zava-miafina momba ny fiainan'izy ireo sahala amin'ny isan'ny vola hananan'ny anankiray amin'izy ireo, sy ny fananan'ny anankiray hafa voady, sy ny fananan'ny hafa amin'izy ireo khoms sy zakat,

mbola nambarany ihany koa ny niavian'izany khoms izany izay avy any Iran, ary tena fanambarana antsipiriany tanteraka no nataon'ilay Imâmo (as) tamin'izy ireo.

Tena talanjona ireto iraka avy any Qom ireto nahita ny fananan'ilay Imâmo (as) ny fahalalana ny zava-miafina. Fa niteny tamin'izy ireo ilay Imâmo (as) nanao hoe: "**Amin'ny manaraka ianareo dia aza mandeha any Samarâ intsony fa tonga dia mivantàna ao Baghdâd ary manaova endriky ny olona mpivarotra ianareo ka manatona ao amin'ilay mpivarotra iray ianareo fa izy no solotenako. Koa raha omenareo azy ny vola dia tsy maintsy ho voaraiko!**"

Ja'afar al-Kazhâbo kosa rehefa tsy nomen'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo volan'ny ampahadiamin-karena sy ny hetra masina dia mandeha mitory any amin'ny fanjakana. Ary dia tonga nanao sava hao an'ilay tranon'ny Imâmo faha-11 (as) ireo banî Abbâsy ireo ka nahita an'ny sayyeda Narjis Khâtone (as) tao an-trano izy ireo. Nosamborin'izy ireo ny sayyeda Narjis (as) ka nampidirin'izy ireo tao am-ponja.

Napetrak'ireo banî Abbâsy ireo ny sayyeda Narjis (as) teo anivon'ny vadin'i Mo'tamad sy ny vadin'ny zanak'i Shaoârib sy ny vadin'i Moaffaq mba hahitan'izy ireo an'ilay Imâmo faha-12 (as) izay tsy maintsy hanatona an'ilay reniny. Nefa nanararaotra izany fotoana izany ny sayyeda Narjis (as) mba hanomezana tari-dàlana (hidayat) an'ireo vehivavy ireo. Taorian'izany dia nisy ady lehibe nataon'ireo banî

Abbâsy ireo, ary noho izy ireo variana tamin'izany ady izany dia tsy afaka nanaramaso intsony an'ny sayyeda Narjis (as), hany ka tafavoaka avy tao am-ponja izy ary dia niverina nody tao an-tranon'ilay Imâmo faha-11 (as).

Marihina fa i Ja'afar al-Kazhabo taty aoriana dia nalahelo sady nanenina tamin'ireo asa ratsy nataony ka nifona sy nangataka famelan-keloka tamin'ny Imâmo al-Mahdi (as). Ary dia nanoratra taratasy ho azy ilay Imâmo al-Mahdi (as) tamin'ny alalan'ilay solotenany faharoa izay antsoina hoe H sheikh Mohammady zanak'i Othmân (as) izay nilaza nanao hoe:

بسم الله الرحمن الرحيم وَإِنِّي لَغَفَّارٌ لِمَنْ تَابَ وَآمَنَ وَعَمِلَ صَالِحاً ثُمَّ اهْتَدَى ....

« **Ary Mpamela heloka tokoa Aho ho an'izay mibebaka, mino, manao asa soa, ka mizotra amin'ny làlana tsara….** » (sourat TaHa and.82)

....أمَّا سبيل عمّي جعفر و ولده فسبيل إخوة يوسف (ع)

**« …. Fa ny fiafaran'ny rahalahin-draiko i Ja'afar sy ny zanany dia sahala amin'ny fiafaran'ireo rahalahin'ny Mpaminany Josefa (as). »**

Arak'izany, dia nahazo ny famelan-keloka i Ja'afar sy ny zanany ka tsy niverina intsony nanao an'ireo toetra ratsy izay nataony teo aloha, ary nanomboka teo izy mianaka dia nanaraka an'ilay fahamarinana.

*** * * * ***

## (Lesona faha-12)

# TANTARAN'IREO AMBASADAORON'ILAY IMAMO FAHA-12 (AS)

Taorian'ilay **Fanjavonana kely** (al-Ghaybat al-Soghrâ) izay naharitra 70 taona teo ho eo, izay olona nahafantatra fa efa teraka ny Imâmo al-Mahdi (as) fa saingy niditra tao anatin'ny fanjavonana dia nanararaotra izany tsy fahitana an'ilay Imâmo (as) izany tamin'ny alalan'ny fitiavan-tena sy fanaovana asa ratsy; ary ireo banî Abbâsy moa dia nanohy hatrany ny tsindry hazolena nataon'izy ireo. Fa nandritra izany dia nisy olona nisandoka ho solotenan'ilay Imâmo (as) na dia teo ihany aza ny tena "Nâib" na solotena marina izay niteraka ny fitsitokotokoana, ary izany moa dia mbola nampian'ny fanakorontanana nataon'ireo banî Abbâsy ireo, hany ka maro tamin'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) no voafitaka sy very làlana.

Anisan'ny olona nitsangana tamin'ny fisandohana ho solotenan'ilay Imâmo faha-12 (as) i Salmaghânî izay nitarika olona maro tamin'ny fahaverezana.

Nisy koa ireo olona izay mpitia ny fiainan'izao tontolo izao, tsy manana fahatahorana an'Andriamanitra sy ny andro farany, no nahasahy nanambara mihitsy fa izany Imâmo al-Mahdi (as) izany dia mbola tsy teraka akory. Ary avy amin'izany tantara izany no mahatonga an'ireo silamo sasany milaza fa mbola tsy teraka izany

Imâmo al-Mahdi (as) izany ka mazava ho azy fa mbola tsy misy ihany koa izany fanjavonany izany.

Taty aoriana dia nivadika tamin'ireo banî Abbâsy ireo ny asa ratsy nataon'izy ireo, ka nahatonga azy ireo niady an-trano, ny mpirahalahy sy ny mpianaka dia lasa nifamono nohon'ny adin-tseza te hahazo fahefana. Ary rehefa notafihin'ireo vahoakan'i Mongolie ireo banî Abbâs ireo dia nirodana ny fanjakan'izy ireo, fa ireo Torka no nandray ny fahefana ary nanangana an'ilay fanjakana Ottoman.

Ireo khalîfah banî Abbâsy ireo dia efa iaraha-mahalala ny maha olon-dratsy azy ireo, fa ireo tandapan'izy ireo koa dia vao mainka manampy trotraka amin'ny fanaovana tsindry hazolena sy ireo haratsiana isankarazany.

Ny Imâmo faha-6, Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) dia nanan-janaka iray antsoina hoe Ismaela izay niavian'ilay antokom-pinoana islâmo Ismaelî. Ary ity Ismaela ity koa dia manan-janaka antsoina Mohammady izay lazain'ity antokom-pinoana Ismaelî ity fa izy no ilay Imâmo al-Mahdi (as) izay nanjavona, fa tsy ilay Mohammady al-Mahdî (as) izay zanaky ny Imâmo Hasany 'Askarî (as). Naparitak'izy ireo koa izany fomba finoan'izy ireo izany mba hahatonga ny mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ho very.

Nisy fikomiana (fitnah) no nataon'ireo vahoaka karamita izay nilaza ny tenan'izy ireo ho mpanaradian'i

Ismaela zanaky ny Imâmo Ja'afar (as) nefa tena marina izy ireo dia tsy anisan'ny mpanaraka ny antokom-pinoana Ismaelî akory. Nandritra ny 30 taona ireo karamita ireo no nanao fikomiana (fitnah) ka maro ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) no maty sy ireo manam-pahaizana izay novonoina tamin'izany fotoana izany. Ireo karamita ireo dia nahasahy niteny mihitsy fa tsy any amin'ny Ka'aba intsony no "Qiblât" fitodihana amin'ny fanompoana an'Andriamanitra fa any amin'ny "Bayt al-Moqaddas" ao Jerosalema. Tsy vitan'izany fa mbola notafin'izy ireo koa ny tanànan'i Basora sy i Kofa tamin'ny taona 315H, ary dia maro ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) no maty, indrindra moa fa ireo mpahay hadith, ary ireo boky dia nodorana, ireo mpanao fivahiniana masina (hadj) dia notafihina ka noravaina tamin'izy ireo ny vatsin'izy ireo. Nasian'izy ireo hetra ny fidirana mankany Makka, fa tamin'ny taona 317H dia notafihin'izy ireo koa i Makka ka maro ny silamo novonoina tamin'izany fotoana izany ary izay silamo maty dia alatsak'izy ireo ao anatin'ilay lava-dranon'i Zamzam. Izany rehetra izany no anisan'ireo fikomiana (fitnah) nisy tamin'ny Fanjavonana kely nataon'ny Imâmo al-Mahdi (as).

Ny faha-15 Sha'abân taona faha-329H no tapitra ny Fanjavonana kely ary niditra tamin'ny Fanjavonana lehibe ilay Imâmo faha-12 (as), fa raha sitrak'Andriamanitra dia handeha isika hitantara fohifohy ny mikasika an'ireo "Nâib Khâs"

solotenan'ilay Imâmo (as) manokana miisa efatra nandritra an'ilay Fanjavonana kely.

Marihina fa ireo solotenan'ilay Imâmo (as) anankiefatra ireo dia samy sheikh avokoa.

Eo amintsika olombelona dia izay manana fahatahorana an'Andriamanitra ihany no tena manam-boninahitra, araka ny voalazan'ilay andininy faha-13 ao amin'ny sourat al-Hojrâte (49) izay manao hoe:

إِنَّ أَكْرَمَكُمْ عِنْدَ اللَّهِ أَتْقَاكُمْ

« **Marina dia marina fa ny tena manam-boninahitra aminareo eo anatrehan'i Allâh dia izay tena manana fahatahorana an'Andriamanitra eo aminareo.** »

Fa raha toa ka misy olon-droa izay hitantsika fa mitovy ny haben'ny fahatahoran'izy roa an'Andriamanitra dia izay taranak'ilay Mpaminany masina (saw) amin'izy roa no homena voninahitra bebe kokoa. Marihina moa fa Andriamanitra Allâh ihany no tena mahalala ny fananantsika ny fahatahorana Azy satria izy Irery ihany no mahalala izay ao anatin'ny fontsika ao; araka ny voalazan'ilay andininy faha-4 ao amin'ny sourat al-Taghâbon (64) manao hoe:

وَاللَّهُ عَلِيمٌ بِذَاتِ الصُّدُورِ

« **Ary i Allâh dia manam-pahalalana izay raiketin'ny fo.** »

Ary raha toa ka ilay sheikh no hita fa manana fahatahorana an'Andriamanitra bebe kokoa, tsy miraiki-po amin'ny fiainan'izao tontolo izao no sady manam-pahaizana ambony noho ilay taranaky ny Mpaminany

(saw), dia ilay sheikh izany no lohaharana amin'ny voninahitra, araka ny efa voalazan'ilay andinin'ny Kor'âny masina.

Ireo Nâib Khâs ireo dia tena niezaka mafy tamin'ny fiarovana an'ilay finoana satria nisy ireo izay nisandoka ho solotenan'ilay Imâmo (as).

Ny solotena manokana voalohany dia ny H sheikh Abo 'Omroo Othmân zanak'i Sa'id al-'Omarî al-Thâmman al-Asadî; izy no nanampy an'ny Imâmo al-Mahdi (as) tamin'ny fampandroana ghosl ny vatana mangatsiak'ilay Imâmo faha-11 (as) sy ny fampitafiana ny kafan, izy no nitsangana teo akaikin'ilay Imâmo faha-12 (as) teo am-panatanterahana an'ilay salât al-maiyyt.

Ity H sheikh Othmân zanak'i Sa'id (as) ity dia efa solotenan'ilay Imâmo faha-10 (as) sy ilay Imâmo faha-11 (as) ary mbola nametrahan'ny Imâmo al-Mahdî (as) fahatokisana izy ka notendreny ho "safîr" na ambasadaorony voalohany.

Ilay Imâmo faha-10 (as) dia naniraka an'ny H sheikh Othmân zanak'i Sa'id (as) mba hanao asa ara-barotra fivarotana menaka ary dia nalaza tamin'izany asa varotra menaka izany Izy. Ary raha misy taratasy na volan-ketra avy amin'ny vahoaka homena an'ilay Imâmo (as), mba tsy hahitan'ireo banî Abbâsy izay mpanao didy jadona an'izany dia nafenina nampiarahana amin'ny entam-barotra izay novidin'ireo vahoaka; izany no natao mba tsy hahatapaka ny fifandraisan'ilay Imâmo (as) tamin'ireo vahoaka ireo.

Ny H Othmân zanak'i Sa'id al-Asadî (as) dia olona matahotra an'Andriamanitra, manana fitondrantena mendrika; avy tao Samarâ izy dia nifindra fonenana tao Baghdâd, ary naharitra 5 taona ny faharetan'ny maha ambasadaorin'ilay Imâmo faha-12 (as) azy dia nodimandry izy ka nalevina ao Baghdâd.

Misy hadith voaray avy tamin'ny Imâmo Hasany al-'Askarî (as) izay niteny hoe: "**Ity Othmân zanak'i Sa'id ity dia hahazo zanaka manana toetra tahak'azy mitondra ny anarana hoe Mohammady ka izy dia handimby ny rainy amin'ny fisoloan-tenan'ilay zanako, al-Mahdi (as).**" Ary dia tanteraka io hadith io satria ny safîr faharoa dia ity sheikh Mohammady zanak'i Othmân zanak'i Sa'id al-'Omarî al-Asadî (as) izay maty tao Baghdâd tamin'ny volana Jamadi al-Aoâl taona faha-305H ka nalevina ao Baghdâd ihany ao amin'ny toerana antsoina hoe "**Bâb al-Kofa**", ary naharitra 40 taona ny naha-mpisolotenan'ilay Imâmo faha-12 (as) azy.

Rehefa nambaran'ny Imâmo al-Mahdî (as) tamin'ity safîr faharoa ity ny andro hahafatesany, dia nihady lava-pasany nialoha izy, avy eo dia niditra tao anatin'ilay lavaka ka namaky ny Kor'âny masina mandra-pahafatesany.

Tamin'ny alalan'ity Nâib Khâs faharoa ity no nahazoantsika avy tamin'ilay Imâmo faha-12 (as) ireo tonombavaka (dou'â) toy ny "dou'â al-Iftitâh" sy ny "dou'â al-Simâte" sy ny "zyârat Âli Yâsin".

Nialohan'ny nahafatesany izy dia nodidian'ilay Imâmo faha-12 (as) tamin'ny alalan'ny taratasy mba hampita hafatra amin'ireo vahoaka mikasika an'izay solotena manokana handimby azy, izay tsy iza izany fa ny H. sheikh Hoseny zanak'i Rooh al-Naobaktî (as) izay lasa Nâib Khâs fahatelo. Tamin'ny volana Sha'abân taona faha-326H no nodimandry ny H sheikh Hoseny zanak'i Rooh al-Naobaktî (as) ka nahatratra 21 taona ny faharetan'ny fisoloan-tenany manokana an'ilay Imâmo faha-12 (as) ary nalevina ao Baghdâd. Tamin'ny fotoanany no nisian'ilay fisandohana ny fisoloan-tenan'ilay Imâmo (as) izay nataon'i Salmaghânî ka niezaka mafy izy nanome porofo (bor'hân) teo anatrehan'ireo vahoaka izany fisandohana nataon'i Salmaghânî izany. Nisy fotoana ny H sheikh Hoseny zanak'i Rooh al-Naobaktî (as) no nampidirina tao am-ponja nandritra ny 5 taona sady nampijalian'ireo banî Abbâsy ireo mafy izy nohon'ny fitadiavan'izy ireo an'ilay Imâmo faha-12 (as).

Tsara ho marihina eto fa ny fisoloan-tenan'ireo Imâmo (as) na ny "Wikâlah" dia misy karazany maro. Ireo sheikh efa-dahy izay tantaraintsika eto dia solotenan'ilay Imâmo faha-12 (as) manokana na "Nâib Khâs" izay misolo tena zato isan-jato an'ilay Imâmo ma'asomo (as) amin'ny zavatra rehetra, toy ny famoahana didim-pitsarana sy ny fanangonana ny hetra masina.

Fa misy koa olona voantendry ho solotena na dia olona tsy dia atokisana loatra aza izy, toa an'i Abo

Sofiâny izay iaraha-mahalala fa tena fahavalon'ny Islâmo ary na dia niditra ho silamo aza izy taty aoriana dia nohon'ny fahareseny tamin'ny ady fa tsy sitrapony amin'ny fo madio. Na dia izany aza anefa dia mbola nontendrin'ilay Mpaminany (saw) ihany izy mba ho solotenany ho fiarovana ny voninahiny amin'ny maha-olon-dehibe azy teo anivon'ny vahoakany tao Makka, saingy voafetra tamin'ny fanangonan-ketra masina tamin'ny tanàna iray ihany izany nahasolotenan'ilay Mpaminany masina azy izany. Manambara izany, fa na dia solotenan'ny olona ma'asomo ny olona iray dia tsy midika velively fa olo-masina izy. Ny Imâmo faha-6, ny Imâmo Ja'afar al-Sâdiq (as) dia nanana solotena izay notendreny antsoina hoe Mansor al-Daoâniki avy amin'ny banî Abbâsy; nefa ity solotenany ity ihany no namono azy (as). Arak'izany, rehefa solotenan'ireo Imâmo (as) ireo dia tsy midika ho olo-masina na olona tsara fitondrantena daholo. Fa raha solotena misahana zavatra rehetra dia tsy maintsy mijery ny olona tena mendrika amin'izany ireo ma'asomo ireo; fa raha solotena tsy dia atokisana dia tsy navelan'ireo ma'asomo ireo hisahana asa maro, afa-tsy ny fanangonan-ketra ihany.

Ny H sheikh Hoseny zanak'i Rooh al-Naobaktî (as) dia olona manam-pahaizana lehibe sady olona 'Irfânî manana Roohânî. Fa arakaraka ny fitomboan'ny fahatahorana an'Andriamanitra sy fanaovana fanompoana 'Ibâdat no mampitombo ihany koa ny haja amam-boninahitra. Ny H sheikh Hoseny zanak'i Rooh

al-Naobaktî (as) dia mahalala ny zavatra ao am-pon'ny olona.

Misy "firqat" na antokom-pinoana niforona antsoina "**Oakifiya**". Ny namorona an'io antokom-pinoana io dia olona telo izay tena manam-pahaizana sady "oakil" solotenan'ny Imâmo Mosâ al-Kâzimo (as); fa rehefa maty maritiora ilay Imâmo faha-7 (as) dia tsy nanaiky ny hanao fanekem-pankatoavana an'ilay Imâmo faha-8 izy telolahy ireo. Ny antony dia noho izy ireo nitazona vola ben'ireo khoms ka tsy te hanome izany ho an'ilay Imâmo (as) izay tena tompony izy ireo; fa raha manaiky an'ilay Imâmo Aly al-Ridhâ (as) manko izy ireo dia tsy maintsy manome izany vola be izany ho azy, ka naleon'izy telolahy ireo ny nandà an'ilay Imâmo faha-8 (as) mba hitazoman'izy ireo an'ilay vola. Koa dia niforona ilay antokom-pinoana "**Oakifiya**" nohon'ny fitiavan-karena eto an-tany; arak'izany izy ireo dia tsy nanana fahatahorana an'Andriamanitra noho izy ireo nandao an'ilay tari-dàlana avy amin'ilay Imâmo (as) izay hitondra azy ireo any amin'ny Paradisa, fa nanakalo izany tamin'ilay vola aman-karena izay mora levona eto an-tany. Koa na dia olona manam-pahaizana aza izy telolahy ireo dia tratran'ny fakam-panahy ratsy amin'ny fitiavam-bola aman-karena ary dia ho tratran'ny fatiantoka any amin'ny andro farany ka hahazo sazy farany henjana. Hoy indrindra Allâh (swt) mikasika azy ireo hoe:

أُوْلَئِكَ الَّذِينَ لَهُمْ سُوءُ الْعَذَابِ وَهُمْ فِي الآخِرَةِ هُمُ الأَخْسَرُونَ

« **Izy ireo no hahazo sazy ratsy indrindra ary izy ireo any amin'ny andro farany dia ho matiantoka.** » (sourat al-Naml, andininy faha-5)

Ny safîr fahefatra dia ny H sheikh Aly zanak'i Mohammady al-Samarî (as) izay maty tamin'ny faha-15 Sha'abân taona faha-329H izay naharitra 3 taona fotsiny no nitarihany amin'ny mahasolotenan'ilay Imâmo faha-12 (as). Izy dia olona matahotra an'Andriamanitra, manana fahadiovam-po sy fitondrantena mendrika.

Rehefa nambaran'ilay Imâmo (as) ny andro hahafatesan'ny H sheikh Aly zanak'i Mohammad al-Samarî (as) dia nanontany inty farany nanao hoe: "**Ô ry zanak'ilay Irak'i Allâh, moa ve misy hafatra mikasika an'izay ho solotenanao handimby ahy?**"

Fa namaly ilay Imâmo (as) hoe: "**Efa tapitra ny Fanjavonana kely fa hiditra ao amin'ny Fanjavonana lehibe aho.**

وأمّا الحوادثة الواقعة فأرْجَعوا فيها إلى الرُّوَاة أحاديثِنا

**Fa raha misy zavam-baovao miseho dia miverena ianareo amin'izay mpahay ireo hadith nolazainay.**"

Ary nanomboka teo no nisy fiverenana mankany amin'ireo Marja na ilay antsoina hoe "Taqlîd", fa tapitra teo ny fisoloan-tena manokana na ny Nâib Khâs, ka ireo Marja ireo no antsoina hoe Nâib 'Âmm na solotenan'ilay Imâmo faha-12 (as) amin'ny ankapobeny mandritra ny vanim-potoanan'ny Fanjavonana lehibe. Hatramin'izao moa isika dia mbola ao anatin'ny Fanjavonana lehibe (al-Ghaybat al-Kobrâ).

Misy koa hadith voaray avy tamin'ilay Imâmo faha-12 (as) milaza fa **amin'ireo manam-pahaizana izay mpahay Fiqh sy mahafehy ny tenany sy miaro ny finoany sy mpankato ny didin'ireo Lehibeny, dia Andriamanitra Allâh (swt) sy ilay Irany (saw) sy ireo Imâmo miisa 12 (as), dia aoka ireo vahoaka mba hanao "taqlîd" azy ireo; satria izy ireo no vavolombeloko eo aminareo, sahala amin'ny mahavavolombelon'i Allâh ahy eo amin'izy ireo.**

Ary dia tapitra eo ny fitantarantsika an'ireo Nâib Khâs fa ankehitriny isika dia ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fisoloan-tenan'ilay Imâmo (as) amin'ny ankapobeny (Nâib 'Âmm); arak'izany, isika dia manao "taqlîd" ny manam-pahaizana na sheikh na sayyed, izay manana fahatahorana an'Andriamanitra sy tena mpahay ny didy aman-dalàna (Fiqh) ary manana fitondrantena mendrika no sady farany tena mahay amin'ireo manan-pahaizana rehetra. Ary raha sitrak'i Allâh dia ho avy ilay **Fisehoana kely** izay ataon'ny Imâmo al-Mahdi (as) amin'ireo As'hâb miisa 313 any amin'ny faraparan'ny volana Rajab, taona ankasa.

Ary rehefa tonga io "Fisehoana kely" io dia tapitra eo koa ny fanaovana "taqlîd" an'ireo Nâib 'Âmm, fa kosa antery "Oâjib" amin'ny olona rehetra ny manao "taqlîd" an'ny H al-Yâmani (as) izay Nâib Khâs sady lehiben'ireo As'hâb ireo, ka izany moa dia haharitra mandritra ny enim-bolana. Fa aorian'izany, amin'ny andro 'Ashorâ no tonga ny **Fisehoana lehibe** ho antsika rehetra, raha sitrak'i Allâh (swt). Misy hadith moa

milaza manao hoe: "**Ny tena rariny amin'ireo faneva dia ny fanevan'i al-Yâmani.**"

*** * * * ***

## (Lesona faha-13)

Nandritra ny **Fanjavonana kely** (al-Ghaybat al-Soghrâ) dia maro ireo izay nomen'ny Imâmo Al-Mahdi (as) fanampiana, ankoatr'ireo Nâib Khâs (as) ireo, fa saingy tsy fantatr'ireo olona ireo ny olona izay nanampy azy ireo. Tamin'izany fotoana izany moa rehefa misy olona very làlana, na marary, na voan'ny fahasahiranana hafa, dia tonga ilay Imâmo (as) manampy sy mamaha ny olana misy amin'izy ireo, fa tsy manambara ny tenany izy amin'ny maha-Imâmo (as) azy. Isika ihany koa, raha toa isika ka mahazo fanambinana ho tojo an'ilay **Fisehoana lehibe** dia ho gaga isika tsirairay avy rehefa mahita an'ny Imâmo al-Mahdi (as) amin'izany fotoana izany, ka samy hanontany tena manao hoe: "**Toa efa avy nahita an'ity olona ity aho?!**" Midika izany fa isika rehetra koa dia mety efa avy nahita an'ilay Imâmo (as) tamin'ny fanampiana izay nataony tamintsika fa isika no tsy nahalala azy ary nihevitra azy fa olona tsotra fotsiny.

Ilay Imâmo faha-12 (as) sy ireo solotenany manokana efatra ireo dia olona niaina tao anatin'ny fahaizana mionona amin'izay hananana. Ohatra amin'izany ny fipetrahan'izy ireo tao amin'ny trano bongo iray, tsy mba nanana na inona na inona izy ireo na soavaly na mpanampy.

Koa izay te hahazo fanampiana avy amin'ilay Imâmo (as) dia mila mampitombo ny fahatahorany an'Andriamanitra sy mitazona tsara ny boky masina Kor'âny sy ireo Ahlol-Bayt (as), mila manao matetika ihany koa ny fahatsiarovana an'ny Imâmo Hoseny (as) ary manao ny asa soa sy manalavitra ny asa ratsy. Fa rehefa tonga ny Imâmo al-Mahdi (as) dia izay tena manana ny fahatahorana an'Andriamanitra no hahazo toeram-boninahitra ambony ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra izay hidadasika eran'izao tontolo izao.

Samy hananana ny toetrany ireo olona amin'ny fotoana hahatongavan'ilay Imâmo (as) sahala amin'ny zava-niseho tamin'ny Imâmo Hoseny (as): nisy ireo olona izay nilaza fa tsy handao an'ny Imâmo Hoseny (as) hatramin'ny farany na inon-kidona na inon-kitranga ary dia niafara tamin'ny fahafatesan'izy ireo ho maritiora izany (salâm 'alaykom yâ Aoliyâo-llâh).

Nisy koa ireo nanam-pitiavana an'ny Imâmo Hoseny (as) nefa tsy tonga nanampy azy.

Nisy koa ireo izay tsy mba nandairan'ny antso nataon'ny Imâmo Hoseny (as) tao Madîna sy tao Makka sy teny an-dàlana rehetra izay nolalovan'ny Imâmo Hoseny (as). Na dia fantatr'izy ireo aza fa ny Imâmo Hoseny (as) izay zafin'ilay Irak'i Allâh (saw) no miantso nefa tsy nahataitra azy ireo akory izany.

Ao koa ireo izay nitsangana nanohitra sy niady ary tena namono mihitsy an'ny Imâmo Hoseny (as).

Amin'izao fotoana izao dia misy ihany koa ireo olona milaza fa rehefa tonga ilay Imâmo al-Mahdi (as) dia vonona izy ireo ny hanampy azy hatramin'ny farany

na inona ny zavatra hiseho. Nefa tsy ho tanteraka izany fahavononan'izy ireo izany raha tsy miaraka amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra izay tokony efa homanina dieny izao mbola tsy tonga ny fisehoana izao. Izay olona nanana fahatahorana an'Andriamanitra mialohan'ilay Fanjakan'ny lanitra izay "Fat'hol-Mobîn" dia tsy hitovy voninahitra mihitsy amin'ny olona izay nihatsaravelatsihy teo aloha fa nony efa tonga ilay **fisehoana** vao manana ny fahatahorana an'Andriamanitra sy vonona hanampy izy. Hoy indrindra i Allâh (swt) ao amin'ny sourat al-Hadîd (57) andininy faha-10 milaza manao hoe:

لا يَسْتَوِي مِنْكُمْ مَنْ أَنْفَقَ مِنْ قَبْلِ الْفَتْحِ وَقَاتَلَ أُوْلَئِكَ أَعْظَمُ دَرَجَةً مِنْ الَّذِينَ أَنْفَقُوا مِنْ بَعْدُ

« **Tsy azonareo hampitoviana anefa izay nanome ny fananany sy izay niady talohan'ny fandresena, ambony toerana kokoa izy ireo noho ireo izay nanao fandaniana sy niatrika ady taoriana.** »

Ny mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) dia manana rantsam-pinoana (na foro'od-dîne) miisa folo izay tsy maintsy tanterahina: dia 1) ny salât; 2) ny saomo; 3) ny hadj;  4) ny zakat; 5) ny Khoms; 6) ny jihâd; 7) ny amro bil-ma'rof; 8) ny nah'io 'anil-mon'kar; 9) ny taoalla; 10) ny tabarra.

Ny khoms dia iray amin'ireo rantsam-pinoana folo, koa aza miandry ho manam-bola be vao mandoa an'io khoms io, fa na dia kely aza ny tombom-barotra azo dia tokony handoavana khoms foana izany, indray mandeha isan-taona. Ary izay vola ambiny efa avy

nandoavana khoms dia efa vola madio, ka tsy handoavana khoms fanindroany intsony. Anisan'ny famantarana ny olona mpino dia ny fandoavany ny khoms sy ny zakât. Izay olona manana tahirim-bola nandritra ny taona iray kanefa tsy mba nandoa khoms, dia tsy azo lazaina ho olona mpino. Fantaro fa ny harena tsy nandoavana khoms dia mampiala ny fahasoavan'Andriamanitra sy mahatonga ny ozona; fa ny fandoavana izany khoms izany dia miaro amin'ny loza sy miteraka fahasoavana.

Tsara ho marihina fa ny khoms (ampahadimin-karena) dia ampiasaina amin'ny asan'Andriamanitra ka izay zavatra mahafaly an'ilay Imâmo faha-12 (as) ihany no handaniana azy. Indrindra moa fa ilay Nâib 'Amm izay Marja arahintsika amin'izao fotoana izao dia manome toro-hevitra amin'ny fampiasana izany khoms izany amin'ny alalan'ny asa fanabeazana sy fampianarana sy amin'ny fanampiana an'ireo mpanaradia an'ireo Ahlol-Bayt (as) izay sahirana ara-piainana, sy ampiasaina ihany koa amin'ny fampielezana ny finoan'ireo Ahlol-Bayt (as) amin'ny alalan'ny fampianarana sy fanoratana boky … sns.

Misy taratasy avy tamin'ilay Imâmo faha-12 (as) voarain'iray amin'ireo Nâib Khâs, solotena manokana efatra ireo izay misoratra milaza manao hoe:

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ، لَعَنَةُ اللهِ وملآئكةِ والناسِ أجمعين على مَنْ استَحَلَّ مِن أموالِنا دِرْهَماً.

**« Amin'ny Anaran'i Allâh Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Famindrampo. Ozon'i Allâh sy ireo Anjely sy ny olombelona rehetra anie ho eo amin'izay**

**mampiasa tsy ara-drariny ny harenanay na dia dirham iray aza …** »

Voalaza ihany koa fa izay maka ny volan'ny khoms mba hohaniny manokana dia ny afon'ny Gehena no hirehitra ao an-kibony ; izany moa dia mifanaraka amin'ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Nisâ (4) andininy faha-10 manao hoe :

إِنَّ الَّذِينَ يَأْكُلُونَ أَمْوَالَ الْيَتَامَى ظُلْماً إِنَّمَا يَأْكُلُونَ فِي بُطُونِهِمْ نَاراً وَسَيَصْلَوْنَ سَعِيراً.

"**Marina dia marina fa ireo izay mihinana ny harenan'ireo kamboty amin'ny tsy rariny dia tena mihinana afo ny kibon'izy ireo, ary mbola hodorana ao amin'ny Afobe Sa'ir ihany koa izy ireo…** "

Ny tiany hambara amin'ireo kamboty voalaza amin'io andininy io, araka ny fanazavana ao amin'ny tafsir dia ireo Ahlol-Bayt (as), ankoatr'ireo kamboty mahazatra izay efa iarahantsika mahafantatra.

Nolazain'ny Imâmo faha-12 (as) ihany koa fa ny olona izay mpamory hetra ka mampiasa izany sahala amin'ny fampiasany ny volany manokana dia miala amin'izany olona izany ny Fahasoavan'Andriamanitra fa ny ozona no miantefa aminy, ary ireo Ahlol-Bayt (as) no hitsangana hifahavalo aminy any amin'ny andro farany.

Arak'izany, rehefa te hampiasa ny volan'ny khoms isika dia tsy maintsy mila fahazoan-dàlana avy amin'ilay Imâmo (as), kanefa noho izy tsy eo fa ao anatin'ny fanjavonana dia ny Marja izay solotenany no angatahantsika an'ilay fahazoan-dàlana izay antsoina

hoe “Ijâza” ; fa raha tsy misy izany “Ijâza” izany dia harâmo amintsika ny mampiasa an’ilay khoms.

Tena tsara ho marihina eto fa ny mpanao “**taqlîd**” amin’ny Marja iray dia tsy maintsy amin’io Marja arahiny io ihany no angatahany izany fahazoan-dàlana hampiasa ny khoms izany.

Nisy olona nampitondra vola mitentina 480 dirhams ho an’ny Imâmo al-Mahdî (as); fa ilay mpitondra vola dia nanampy 20 dirhams an’izany vola izany ka nanjary 500 dirhams ny totalin’ilay vola nentiny, izay nampidiriny tao anaty kitapo kely, ary nomeny ny solotenan’ilay Imâmo (as) ilay kitapo kely. Ilay solotenan’ny Imâmo al-Mahdi (as) koa moa dia tsy mba nijery izay tao anatin’ilay kitapo fa avy hatrany dia nanome izany an’ilay Imâmo (as). Avy eo dia nanoratra taratasy ny Imâmo al-Mahdi (as) milaza manao hoe: “**Eny, efa voaraiko ilay vola 480 dirhams avy tamin’i Ranona sy 20 dirhams avy tamin’ilay mpitondra azy.**” Midika izany fa ilay Imâmo (as) dia mahalala ny zava-drehetra.

Ny Imâmo al-Mahdi (as) dia mifanena amin’ny mpino rehetra ihany, saingy tsy misy mahafantatra azy.

Tamin’ny andron’ireo banî Abbâsy, izy ireo dia te hisambotra an’ny Imâmo al-Mahdi (as), ka nanome vola ho an’ny mpino iray izay mpitsikilo. Nilaza ny tenany ho mpanaradian’ireo Ahlol-Bayt (as) eo imason’ny olona ity mpitsikilo ity, ary nanomboka tonga tao amin’ny Masjid izy nanao salât ary mody nitomany mihitsy tamin’ny vavaka izay nataony amin’izay ireo

mpino mba hanana fahatokisana azy. Avy eo izy dia nilaza tamin'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) ireo nanao hoe: "**Izaho dia mila handoa khoms fa iza ny oakil solotenan'ilay Imâmo (as)?**" Ireo mpino moa rehefa mahita olon-tsy fantatra tahaka an'ity mpitsikilo ity dia tsy misy miteny! Ilay Imâmo (as) koa dia efa nanambara tamin'ny anankiray amin'ireo solotenany manokana efatra ireo mba tsy handray vola avy amin'io olona io.

Notetezin'ilay mpino mpitsikilo avokoa ireo 'Olamâ rehetra, nony farany izy dia tonga tamin'ilay solotenan'ilay Imâmo (as) ka nilaza taminy fa mila hanome khoms raha toa ka izy no ilay solotenan'ilay Imâmo (as). Saingy tsy nandray ny vola ilay solotena noho izy efa nosakanan'ilay Imâmo (as). Fa raha nandray ny vola ilay solotena dia tratran'ilay mpitsikilo ka ho nosamborina. Koa misy eo amin'ny fiainana hatramin'izao androntsika izao ny olona mpitsikilo sy mpamadika toy izany, nefa ilay Imâmo (as) dia miaro ny solotenany sy mamonjy izay olona ao anatin'ny fahasahiranana.

Araka ny voalazan'ny Imâmo al-Jaoâd (as), ny olona manome khoms izay antery (oâjibo) ny fanomezana izany na dia kely aza, dia hiteny ilay Imâmo (as) hanao hoe:

تَقَبَّلَ اللهُ مِنْكَ وقَد وَصَلَ الحسابُ ورضي عنهم وجعلهم معنا في الدنيا والآخرة

"**Ankasitrahan'i Allâh anie ianao ary efa voarainy ny kaonty ka faly amin'izy ireo Izy Allâh,**

**ary napetrany miaraka aminay izy ireo eto an-tany sy any ankoatra.**”

Arak’izany, izay olona mantanteraka an’ilay fandoavana khoms na dia vola kely aza dia faly amin’izany ireo Ahlol-Bayt (as) ka mivavaka ho azy ary izany olona izany dia ho naman’ireo Ahlol-Bayt (as) ireo eto an-tany sy any ankoatra.

Amin’izao fotoana izao isika dia tokony efa hiomana sahady amin’ny fahatongavan’ilay Fanjakan’ny lanitra ary tokony hanao fitalahoana ao am-po amin’ny fangatahana amin’i Allâh (swt) ny fiavian’ilay Mpanavotra (as) haingana mba hamonjy antsika amin’izao fiainana sarotra feno tsy fandriam-pahalemana sy fahasahiranana isankarazany ary ny valan’aretina mianjady amintsika ankehitriny. Fa rehefa miezaka mivavaka mafy kokoa ireo mpino sy mitazona tsara ny fananam-pinoana (na ny imân) dia ho avy haingana ilay Mpanavotra (as) ary ho tafaraka aminy isika raha sitrak’i Allâh (swt).

Ireo Nâib Khâs izay solotenan’ilay Imâmo (as) dia voalazan’ny tantara fa olona nanana fiainana faran’izay tsotra, nipetraka tao amin’ny trano bongo; manambara izany fa ny olona tso-piainana tahak’izany no mendrika ho solotenan’ilay Imâmo (as) fa tsy ny olona tia rendrarendra sy mpanaraka lamodin’ny fiainana eto an-tany.

Nisy sahaba mpino iray tonga tamin'ny Imâmo faha-11, Imâmo Hasany 'Askarî (as) izay nitaraina taminy niteny hoe:

"**Ô ry zanak'ilay Irak'i Allâh! Izaho dia misy olona mpakahala izay manenjika ahy eo amin'ny fiainako!**"

Namaly azy ilay Imâmo faha-11 (as) nanao hoe: "**Eny, marina izany, satria aza hadino fa ireo Oaliyollâh (na sakaizan'i Allâh) rehetra dia maro mpankahala sy mpanenjika tahak'izany, koa aza atao mampalahelo na mampanahy anao izany fa efa fomban-javatra sady fitsapana ihany koa mba hahafantarana an'izay tena sakaizan'i Allâh marina!**"

Aoka ho fantantsika fa Andriamanitra Allâh (swt) dia nanafina zavatra telo ao ambadiky ny zavatra telo. Ny anankiray amin'ireo zavatra telo ireo dia ny fanafenan'Andriamanitra ny sakaizany eo anatrehan'ireo vahoaka mpanompony, arak'izany dia tsy misy tena mahafantatra an'izany sakaizan'i Allâh izany ireo vahoaka mpiara-belona. Midika izany fa ireo sakaizan'i Allâh ireo dia tsy mba azo fantarina amin'ny endrika ety ivelany, noho izy ireo izay tsy mba tia misehoseho na mirehareha, ary Andriamanitra koa dia tsy mba mampiharihary azy ireo eo anatrahan'ireo vahoaka. Koa raha olon-tsotra tahak'izany aza moa dia afenin'i Allâh (swt) fa indrindra ny olo-masina sahala amin'ny Imâmo al-Mahdî (as) dia tsy mahagaga raha afenin'i Allâh (swt) noho izy manana fahavalo maro amin'ny hananganany an'ilay Fanjakan'ny lanitra.

Ny olona izay sahirana ara-pivelomana nefa manana ny fahatahorana an'Andrimanaitra dia tsy tokony ho kivy na halahelo, satria ny olona tahak'azy mihitsy no hahazo voninahitra manokana ho fivantanan'ny Imâmo al-Mahdi (as) amin'ny fotoana hahatongavany. Izany dia sahala amin'ny zava-niseho tamin'ny andron'ilay Mpaminany (saw) rehefa Izy no nandeha nanao fifindra-monina masina tao Madîna, dia maro ny olona izay nanome fanasana Azy tao amin'ny trano tsara sady lehibe. Raha vao tonga tao Madîna anefa ilay Mpaminany (saw) dia nilaza Izy hoe: "**Avelao ny rameva handeha fa izy dia efa nahazo baiko avy amin'i Allâh Avo Indrindra amin'ny toerana izay tokony hijanonako**". Koa dia nijanona nanoloana ny tranon'olon-tsotra izay manana anarana hoe H Abo Ayyob al-Ansârî (as) ilay rameva, ary dia nivantana nipetraka tao amin'izany trano tsotra izany ilay Mpaminany (saw) nandritra ny enim-bolana, fa tsy mba nipetraka tao amin'ireo trano tsaratarehy lehibe ireo akory.

Ny Imâmo al-Mahdi (as) dia nanoratra tamin'ilay solotenany fahefatra farany, ny H sheikh Aly zanak'i Mohammady al-Samari (as) nilaza hoe: "**Ô ry ianao solotenako! Afaka enin'andro ianao dia ho tojo fahafatesana kanefa ianao dia aza manendry olona handimby anao intsony, satria tapitra aminao ny Fanjavonana kely ary hiditra amin'ny Fanjavonana lehibe aho aorian'ny enin'andro, ary tsy hisy ny fiverenako raha tsy amin'ny alalan'ny Sitrapon'i**

**Allâh. Izany Fanjavonana lehibe izany dia haharitra ela, ary lasa hanana fo vato ireo mpino, ho feno herisetra ity tany ity, hisy olona hilaza amin'izany fotoana izany fa efa nahita sy niresaka tamiko, kanefa izay olona milaza fa efa nahita sy niresaka tamiko na milaza ny tenany ho solotenako mialohan'ny fahatongavan'i Sofiâni sy mialohan'ny fandrenesana an'ilay feo dia olona mpandainga. Koa tsy misy anie ny hery sy ny tanjaka raha tsy avy amin'i Allâh Ilay Be Voninahitra!**"

Ny fanontaniana farany tsara apetraka dia manao hoe: Moa ve amin'izao Fanjavonana lehibe izao dia efa nisy olona nahita an'ilay Imâmo (as)?

Efa maro tokoa ny olona izay efa nahita an'ilay Imâmo (as) amin'izao Fanjavonany lehibe izao, saingy ireo olona ireo dia tsy afaka manambara izany ampahibemaso fa kosa soratany ao amin'ny diarin'ny fiainany manokana izany ka afeniny; ary rehefa maty izy ireo dia izay mpandova azy ireo no mahita an'ilay tantara nafeninna vao mahafantatra ny zava-niseho teo amin'ny fiainan'izy ireo.

Misy hadith voaray avy tamin'ilay Mpaminany masina (saw) no milaza manao hoe: "**Avy aminay no hiavian'i Mahdi Mpanavotra an'ity vahoaka ity, rehefa feno tsy fandriam-pahalemana eto an-tany sy miely ny korontana ka tapaka ireo làlana rehetra sy mifanafika ireo firenena, ny kely tsy manaja ny lehibe ary ny lehibe tsy mihantra ny madinika, dia**

**amin'izany fotoana izany, i Allâh (swt) no handefa an'ilay Mahdi-nay izay taranaky ny Imâmo Hoseny (as) fahasivy, ka hameno ny fahamarinana sy ny fandriam-pahalemana eto an-tany taorian'ny nahafenoany ny tsy rariny sy ny heritsetra.**"

*** * * * ***

**(Lesona faha-14)**

## FAMANTARANA NY HAHATONGAVAN'NY IMAMO AL-MAHDI (AS)

Amin'ity lesona faha-14 ity isika dia hiresaka manokana mikasika an'ireo famantarana amin'ny hahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra (na علاماتُ الظهور), nohon'ny hamaroan'ireo fanontaniana maniry ny te hahafantatra momba izany.

Ireo famantarana dia misy karazany anankiroa:

-Dia ny علامات حَتْميّة famantarana izay tsy maintsy ho hita na iza na iza no tsy faly amin'izany, ary miisa dimy (5) izy ireo:

**Famantarana roa voalohany**, dia ny fivoahan'ilay fahavalo hanohitra an'ny Imâmo Mahdi (as), antsoina hoe Sofianî izay hipoitra ao Syria, ary ao amin'ny faritra antsoina hoe **Oâdi Yabîs** midika hoe "**Lohasaha maina**" ao amin'ny tanàna'i Deerah, i Sofianî no hanambara ny tenany sady hiantso ny olona mba hanampy azy, ka miisa 950 000 ireo miaramila tonga hiaraka aminy. Ny fotoana hahatongavan'io

Sofianî io dia amin'ny taona ankasa (toy ny hoe 1444H na 1446H… sns) sy amin'ny andro folo farany amin'ny volana Rajabo.

Amin'ny taona sy volana ary andro sy ora hivoahan'i Sofianî no hahatongavan'ny H al-Yamâni (as) ihany koa, izay lehiben'ireo As'habo an'ilay Mpanavotra, ilay Imâmo Mahdi (as) miisa 313. Izy dia manana ny voninahiny manokana sady afaka manao fahagagana, ka hanao ny toriteniny ihany koa izy amin'io fotoana io. Arak'izany, dia io fivoahan'i Sofianî sy ny H al-Yamâni (as) io no famantarana حَتْمِيّة tsy maintsy ho hita anankiroa miara-miseho amin'io andro io.

Fa misy koa ny tantara milaza fa amin'io fotoana voalaza io ihany koa no hivoahan'ny mpitarika iray antsoina hoe Khorasanî izay tonga hanampy an'ilay Imâmo (as).

**Famantarana fahatelo** dia ny feo صحيّة, izay feo ataon'ny Anjely Jibrâily (as) ka ireo Anjely sy ireo fanahy dia haheno izany amin'ny andro faha-23 volana masina Ramadhân aorian'ny fahatongavan'ny H al-Yamâni (as) amin'ny volana Rajabo. Fa amin'ny tantara hafa koa dia milaza fa amin'ny andro 'ashorâ no hanaovan'ilay Anjely Jibrâily (as) izany feo izany ka hitenenany manao hoe: "**Ry olombelona, efa tonga ilay Porofon'Andriamanitra, koa aoka ianareo mba hanampy Azy!**" Ary ny olombelona rehetra tsy ankanavaka eto ambony tany dia haheno an'ity feo famantarana fahatelo ity.

Ankoatr'izany dia ho heno ihany koa ny feon'i Sofianî izay hiantsoantso fanampiana ho an'ny tenany.

**Ny famantarana fahefatra**, rehefa fantatr'i Sofianî ny fahatongavan'ilay Imâmo Mahdi (as) dia hamory ireo namany izy ao Kofa ka hanome baiko mba hisamborana an'ilay Imâmo (as). Eo anatrehan'izany, ny Imâmo Mahdi (as) dia handeha ho any Madîna. Fa rehefa fantatr'i Sofianî izany dia handefa miaramila miisa 35 000 izy na 300 000 araka ny voalazan'ny tantara hafa, mba hanambotra an'ilay Imâmo (as) ao Madîna. Amin'izany fotoana izany anefa ny Imâmo al-Mahdi (as) dia hiala ao Madîna mba ho any Makka. Eny an-dàlana mankany Makka ireo miaramila hisambotra an'ilay Imâmo (as) ireo dia ho tra-doza nohon'ny fitriatriatry ny tany ao amin'ny tanàna iray antsoina hoe Baidah, koa dia latsaka ao anatin'ireo hantsana izy ireo ka tototra maty ao daholo ireo miaramila miisa 35 000 na 300 000 ireo, afa-tsy olona roa ihany no sisa tsy maty. Ary ny antony nampitriatriatra an'ilay tany dia tsy fantatra mazava na nohon'ny afo milatsaka avy any an-danitra na nohon'ny antony hafa.

**Ny famantarana tsy maintsy ho hita fahadimy** dia amin'ny daty faha-25 Zhil-Hadj no hisy mpanaradian'ny Imâmo (as) iray mbola tanora izay fantatra amin'ny fahadiovany ara-panahy "Nafso Zakiyat" no hitoriteny mikasika an'ny Imâmo Mahdi (as), fa eo ampitorian-teny indrindra izy no

hosamborin’ireo fahavalo ka hotapahan-doha manoloana ny Ka’aba masina.

Ity famantarana fahadimy no tsy maintsy ho hita, dimy ambin’ny folo (15) andro mialohan’ny **Fisehoana lehibe** hataon’ny Imâmo (as), fa talohan’izany tamin’ny volana Rajabo dia mbola **Fisehoana kely** (Zohor Asghar) no hataon’ny Imâmo Mahdi (as) satria mbola tsy hisy hahita Azy amin’io fotoana io afa-tsy ireo As’habo miisa 313 ireo ihany.

Fa ny zava-hitranga aorian’ny Fisehoan’ny Imâmo Mahdi (as) dia ho resahintsika amin’ny manaraka raha sitrak’i Allâh; ohatra amin’izany ny fahatongavan’ny Anjely Jibrâily (as) izay hanao fanekem-pankatoavana an’ilay Imâmo (as), avy eo ilay Anjely dia hamaky ny Kor’âny masina ao amin’ny sourat Hood (11) andininy faha-86 manao hoe:

بَقِيَّةُ اللَّهِ خَيْرٌ لَكُمْ إِنْ كُنتُمْ مُؤْمِنِينَ

« **Ny zava-maharitra omen’i Allâh no tsara ho anareo raha toa ka mpino ianareo.** »

Sady hamaky ihany koa ilay andininy faha-81 ao amin’ny sourat al-Isrâ (17) izay manao hoe:

جَاءَ الْحَقُّ وَزَهَقَ الْبَاطِلُ إِنَّ الْبَاطِلَ كَانَ زَهُوقاً

« **Tonga ny fahamarinana dia nanjavona ny fahadisoana satria ny fahadisoana dia natao mba hanjavona**. »

-Mikasika ny علامات غَيرُ حَتْمِيّة famantarana tsy voatery ho hita kosa, araka ny voalaza ao amin’ny boky manana anarana hoe “Sîrat al-Aimmah” na

(Tantaran'ireo Imâmo) voasoratra amin'ny fiteny Gojrati, izay nosoratan'ny Mojtahid Khoja, 'Allâmah Hadji Naji, dia misy 263 no isan'ireo famantarana ireo.

Fa ireto tanisaina manaraka ireto dia misy ohatra vitsivitsy mikasika an'ireo famantarana izay tsy voatery ho hita maso, araka ny voalazan'ireo Ahlol-Bayt (as):

-Ny fisian'ny loza voanjanahary hitranga sy fihotsahan'ny tany amin'iny faritr'i Damasy iny ao amin'ny tanàn'i Jabiyâ, ka hirodana ny rindrin'ny lapan'i Yazid ary hahafaty olona maro izany.

-Ny fisian'ny ady lehibe ao Syria amin'ny tanàna antsoina hoe Derozoor na Karkiziya mialohan'ny hahatongavan'ny famantarana "hatmiyah" tsy maintsy ho hita.

-Ny "Harajor-Room", izany hoe, ny fisian'ny ady hifanaovan'ireo firenena tandrefana ao Eoropa sy Amerika sy Ostralia sy Rosia …

-Anisan'izany koa ilay voalazan'ny hadith manao hoe: "**Ny zava-mahagaga amin'ireo zava-mahagaga rehetra dia ny zava-hitranga eo anelanelan'ny volana Jamadi sy ny volana Rajabo: dia ny fisian'ny korontana eo anelanelan'ireo toerana masina roa (dia i Makka sy Madîna), ary hisy andriana miisa 15 no hovonoina fa ny sasany dia handositra ka hivondrona miaraka amin'i Sofianî ao Jordania.**"

-Toy izany koa ny fahitana ny afo hiseho avy any amin'ny faritra atsinanan'ny tany manomboka ao Madîna izay toerana niresahan'ny Imam faha-6 (as) an'ity hadith ity, hatrany amin'iny faritr'i Japana iny, fa saingy iray amin'ireo faritra ireo ihany no hahitana izany afo lehibe izany, izay tsy ho faty mandritra ny 3 na 7 andro ka hahatonga an'izao tontolo izao tsy azo hiainana intsony. Ary dia manomboka miseho ny fivadibadihan'ny toetr'andro, sy ny fikorontanana ara-tsosialy sy ara-pahasalamana sy ara-politika sy toe-karena iainan'ny olombelona.

-Hisy tahotra mafy tena mahatsiravina ihany koa no hiseho amin'ny volana Ramadhân.

-Hisy saina miloko mainty no hihofahofa ao Khorasân.

Misy hadith voaray avy tamin'ilay Irak'i Allâh (saw) milaza fa raha ianareo no mahita olana sy korontana sy ny fifanaratsiana sy ny fahatapahan'ny làlana (*sahala amin'ny fahatapahan'ny làlana nohon'ny fihibohana nandritra ilay aretina Covid-19, ka tsy nisy làlana nisokatra afa-tsy ny làlana mankany am-pasana ihany*), sy ny fisian'ny tsy fifanajana eo amin'ny fiaraha-monina, fa ny lehibe tsy manam-pihantrana amin'ny kely, ary ny kely tsy manaja ny lehibe, sy ny fifanafihan'ireo samy firenena, … fa raha hitanareo izany rehetra izany, dia amin'izany fotoana izany, i

Allâh (swt) no handefa an'ilay Mahdi-nay izay taranaky ny Imâmo Hoseny (as) fahasivy, ka hameno ny fahamarinana sy ny fandriam-pahalemana eto an-tany taorian'ny nahafenoany ny tsy rariny sy ny heritsetra.

Arak'izany, isika rehetra mpanaradian'ireo Ahlol-Bayt (as) dia iangaviana mba hanadio ny tenantsika sy ny fanahintsika amin'ny alalan'ny fahatahorana an'Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny fifikarana an'ilay Tady mafin'Andriamanitra, dia ny fifikirana amin'ny Kor'âny masina, sy ny fitiavana an'ireo Ahlol-Bayt (as), ary hanatanteraka an'ireo asa "Oâjibo" rehetra sady hanalavitra ny fitiavan-tena sy ny tsindry hazolena sy ny fanambakàna sy ny fanapotehana ny asan'ny hafa sy ny fialonana sy ireo fahotana rehetra, mba hahatonga antsika ho tafiditra any amin'ilay Fanjakan'ny lanitra, izay fanjakana tokana hitantana an'izao tontolo izao. Fa amin'izany fahatongavan'ny Fanjakan'ny lanitra izany no hahafaly an'ireo mpino marina, hatramin'ireo olona mpino ao am-pasana any amin'ny "Barzakh" aza dia ho faly ihany koa rehefa mahita ny fahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra izay handamina ny tontolon'ny tany.

*** * * * ***

## (<u>Lesona faha-15</u>)

Raha isika no miezaka mba hanana ny fananampinoana (imân) sy fahatahorana an' Andriamanitra

(tak'oâ) manomboka amin'izao fotoana hamakiantsika an'ity boky ity izao dia hahazo toeram-boninahitra ambony.

Ny olombelona dia tsy miantsy handalo amin'iray amin'ireto zavatra roa ireto: dia ny fahafatesana na ny favanavotana avy amin'i Allâh (swt).

Ny fananantsika ny fahatahorana an' Andriamanitra dia hahazoantsika tombontsoa lehibe hatrany, eny fa na dia efa maty mialohan'ny fahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra aza isika. Milaza izany indrindra ny boky masina Kor'âny ao amin'ny sourat al-Nabâ (78) andininy faha-31 manao hoe:

إِنَّ لِلْمُتَّقِينَ مَفَازاً « **Marina dia marina fa ireo manana fahatahorana an'Andriamanitra dia hahazo fahombiazana!** »

Sy ao amin'ny sourat al-A'arâf (7) andininy faha-128, manao hoe: وَالْعَاقِبَةُ لِلْمُتَّقِينَ « **Ary ny fiafarana tsara dia ho an'izay matahotra an'Andriamanitra.** »

Izany hoe, ny mpino rehefa manana ny fahatahorana an'Andriamanitra ka nindaosin'ny fahafatesana sahady nialohan'ny fahatongavan'ilay Fanjakan'ny lanitra dia ho avotra foana izy, ary raha nahazo tombon'andro iainana izy ka nahatratra an'ilay Fanjakan'ny lanitra dia vao mainka ho avotra ihany koa izy nohon'ny fananany an'izany fahatahorana an'Andriamanitra izany.

Ireo mpino izay manam-piaretana ao anatin'ny vanim-potoan-tsarotra toy izao ka mitazona hatrany ny fananam-pinoany (imân) dia ilay Irak'i Allâh (saw) no

nangataka tamin'i Allâh (swt) mikasika azy ireo nanao hoe: "**Ô ry Allâh, ataovy mihaona amin'ireo rahalahiko aho!**"

Rehefa naheno izany ireo sahaba dia taitra ka nanontany hoe: "**Ô r'ilay Irak'i Allâh! Nahoana moa ianao no mbola mangataka hihaona amin'ireo rahalahinao, kanefa izahay rahalahinao dia efa eto akaininao eto foana?**"

Namaly ilay Irak'i Allâh (saw) hoe: "**Marina fa ianareo dia sahaba, kanefa ireo rahalahiko dia mbola tsy tonga!**"

Nanontany ireo sahaba hoe: "**Fa iza moa ireo rahalahinao?**"

Namaly ilay Irak'i Allâh (saw) hoe: "**Ireo rahalahiko dia any amin'ny vanim-potoana farany vao tonga! Izy ireo dia tsy nahitamaso ahy sady tsy nahitamaso an'ireo Imâmo taranako ireo, kanefa izy ireo dia manana ny fahatahorana an'Andriamanitra sady mitazona lalandava ny fananam-pinoana ka izy ireo no rahalahiko izay angatahiko amin'i Allâh sy antenaiko mba hihaona amiko!**" Avy eo dia mbola nanohy ny teniny ilay Irak'i Allâh (saw) nilaza nanao hoe: "**Ny mpino anankiray amin'ireo mpino any amin'ny vanim-potoana farany dia mbola be voninahitra mihoatra ny mpino miisa efa-polo amin'ireo mpino tamin'ny vanim-potoanan'ilay Mpaminany (saw)!**"

Rehefa tonga moa ilay Mpanavotra (as) dia izany no fotoana hahafalifaly an'ireo mpino, izay faly amin'ny fanavotan'i Allâh (swt). Izany fotona izany no

fandresena farany goavana, izay hahitana an'izao tontolo izao hiditra ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra, ary dia ho faly daholo ireo mpino rehetra, hatran'ireo mpino ao am-pasana aza dia ho faly ihany koa rehefa maheno ny fahatongavan'ilay "**Zohoor Akbar**" na **ilay Fisehoana lehibe** ataon'ny Imâmo al-Mahdi (as). Eny, hatramin'ny zava-boahary rehetra dia ho ravoravo avokoa, ka na dia ny bibidia aza dia tsy hasiaka intsony, fa afaka miara-monina tsara ny liona sy ondry aman'osy na ny fosa sy ny akoho amam-borona. Koa dia hanjaka ny fahamarinana sy ny fandriam-pahalemana, fa tsy mba hahitana ny tsy rariny na dia farany izay kely aza amin'izany fotoana izany.

Koa entanina isika mpino amin'izao fotoana izao mba tsy ho variana, fa tokony hahay hanararaotra dieny izao fotoana malalaka izao mba tsy ho tatran'ny tampoka, amin'ny fidirana ao anatin'ny fahatahorana an'Andriamanitra. Mila manao fitsaran-tena isika isand'andro ka manontany tena, moa ve tontosantsika an-tsakany sy an-davany ireo "Oâjibâte" sy ny "Mostahabâte" rehetra voalazan'ny boky masina Kor'âny sy ny sonnah an'ilay Mpaminany (saw) sy an'ireo Ahlol-Bayt (as). Eo anatrehan'izany, isika dia tokony hanana diary manokana hanoratantsika ireo adidy maro samihafa izay tsy maintsy atao isan'andro, ary raha hita amin'izany fa misy adidy mbola tsy vitantsika dia tsy mila mangatak'andro fa avy hatrany dia tanterahina sy efaina haingana izany dieny mbola misy fotoana. Tokony hananantsika ihany koa ny diarin'ireo zavatra

voararan'Andriamanitra na harâmo rehetra, ka ho tandremantsika fatratra sahala amin'ny anakandriamaso izany; ary izany fanatanterahantsika an'ireo adidy tsy maintsy atao rehetra sy ny fitandremantsika an'ireo zavatra voarara rehetra izany, no atao hoe fahatahorana an'Andriamanitra.

Ary na dia efa tonga aza ilay "Fisehoana kely" (zohoor asghâr) manomboka amin'ny volana Rajabo ka hatramin'ny andro 'ashorâ, dia mbola manam-potoana ireo mpino amin'ny fanaovana ny fitsaran-tena (na Hisâb al-Nafs) sy ny fanaovana fibebahana (taobah); indrindra moa fa raha misy zon'olona (Haqqon-Nâs) izay mbola tsy notanterahintsika na mbola tsy naverintsika amin'ny tompony, dia tokony hifampiresahana haingana izany any amin'ilay tompon'ny zo dieny mbola tsy tara, satria rehefa tonga ny Fisehoana lehibe (zohoor akbar) izay manomboka amin'ny andro 'ashorâ, dia mikatona hatreo ny varavaran'ny fibebahana. Izany hoe, rehefa tonga ny Fisehoana lehibe dia tsy misy afaka mibebaka intsony ny olona; fa ny fahazoana mibebaka dia mialohan'izany "zohoor akbâr" izany.

Arak'izany, dia iangaviana isika dieny izao mbola manam-potoana izao mba hanao fitsaran-tena (Hisâb al-Nafs) ka hampitombo ny fananantsika ny finoana (imân) sy ny fahatahorantsika an'Andriamanitra, ary izany dia hamafisintsika amin'ny fanaovana tonombavaka (do'â) mba hahita ny fahatongavan'ilay Mpanavotra (as), ary raha sitrak'i Allâh (swt) isika dia mba ho tafiditra anisan'ireo mpanampy azy (as).

Tsara ho marihina fa rehefa tonga ny Imâmo al-Mahdi (as) dia hampihariny avokoa izay voalazan'ny Kor'âny masina rehetra amin'ny maha-Sharîk al-Kor'âny azy. Anisan'ny tsy maintsy hampihariny amin'izany ilay voalazan'i Allâh (swt) ao amin'ny sourat al-Fat'h (48) andininy faha-29 manao hoe:

مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاءُ عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاءُ بَيْنَهُمْ ...

« **Mohammady dia Irak'i Allâh ary ireo izay mpiaradia aminy dia mihenjana eo amin'ireo tsy mpino fa mifamindrafo eo amin'ny samy izy ireo…** »

Izany hoe, amin'ireo tsy mpino ny Imâmo al-Mahdi (as) dia tsy handefitra mihitsy fa hosarotiny, ary amin'ireo mpino izy dia halefaka, hamindrafo.

Milaza koa ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Taobah (9) andininy faha-128 manao hoe:

... بِالْمُؤْمِنِينَ رَءُوفٌ رَحِيمٌ

« **…Amin'ireo mpino izy dia mangoraka sy mamindrafo.** »

Izany hoe, ny Imâmo al-Mahdi (as) dia hanana fangorahana sy famindrampo amin'ireo mpino marina izay mpanatanteraka an'ireo "Oâjibâte" rehetra sy mpitandrina amin'ny fahotana rehetra.

Na dia eo izany famindrampo hataon'ny Imâmo al-Mahdi (as) amin'ireo mpino ireo izany dia tsy tokony hanararaotra izany ireo mpino ka ho variana ao anatin'ny fanaovana fahotana, indrindra fa amin'ny tsy fanatanterahana ny zon'i Allâh (swt) sy ny zon'ny hafa, satria misy fetrany ny hanomezan'ny Imâmo al-Mahdi

(as) izany famindrampo izany, dia manomboka amin'izao fotoam-pahavelomantsika izao ka hatramin'ny volana Rajabo fiandohan'ilay Fisehoana kely. Avy eo dia mbola omena tombon'andro ihany koa isika mba hahazo ny famelan-keloka mandritra ny enim-bolana mialohan'ny fahatongavan'ilay Fisehoana lehibe.

Manaporofo fa tena misy fetrany tokoa ny famelan-keloka ho antsika dia arak'ilay voalazan'ny boky masina Kor'âny ao amin'ny sourat al-Nisâ (4) andininy faha-18 manao hoe:

وَلَيْسَتْ التَّوْبَةُ لِلَّذِينَ يَعْمَلُونَ السَّيِّئَاتِ حَتَّى إِذَا حَضَرَ أَحَدَهُمْ الْمَوْتُ قَالَ إِنِّي تُبْتُ الآنَ وَلا الَّذِينَ يَمُوتُونَ وَهُمْ كُفَّارٌ أُوْلَئِكَ أَعْتَدْنَا لَهُمْ عَذَاباً أَلِيماً.

« **Ny famelan-keloka dia tsy ho an'ireo izay zatra manao ny ratsy, ka rehefa tonga eo ambavahaonan'ny fahafatesana izy vao hiteny hoe: Vonona hibebaka tokoa aho ankehitriny. Sady koa tsy ho an'ireo izay maty tao anatin'ny tsy finoana. Ho azy ireo indrindra no nanomananay ny sazy tena maharary.** »

Koa aoka isika mba hahay hanararaotra izao fahavelomantsika izao amin'ny fanaovana ny fibebahana amin'Andriamanitra mba tsy hanenena rahampitso.

Ary aoka ihany koa isika tsy ho variana amin'izao fahavelomantsika izao, ka hanadino ny fanadiovantsika ny fanahy sy ny tenantsika, fa raha madio tsy misy pentina ireo atontan-taratasy momba ny tenantsika dia ho mora amintsika ny hiditra ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra, **in shâ-Allâh!**

Raha sitrak'i Allâh (swt) moa dia amin'ny 'ashorâ andro Zoma na Sabotsy no fotoana hisehoan'ny Imâmo la-Mahdî (as) ao Makka miaraka amin'ireo As'hâbo miisa 313, ary amin'izany fotoana izany ilay Imâmo (as) dia hanao toriteny eo anelanelan'ny "Rokn al-Yâmanî" sy ny "Maqâm Ibrahim (as)", toerana namonoana an'ilay "Nafs Zakyat", izay toriteny hohenon'izao tontolo izao. Fa amin'izany koa no sambany hahitana sy handrenesan'izao tontolo izao an'ilay Anjely Jibrâily (as) hamaky ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat Hood (11) andininy faha-86 manao hoe:

بَقِيَّةُ اللَّهِ خَيْرٌ لَكُمْ إِنْ كُنتُمْ مُؤْمِنِينَ

« **Ny zava-maharitra omen'i Allâh no tsara ho anareo raha toa ka mpino ianareo.** »

Ary dia hamaly izany ilay Imâmo (as) hiteny hanao hoe: أَنَا بَقِيَّةُ اللهِ "**Izaho no ilay zava-maharitra nomen'i Allâh**!"

Avy eo ny Anjely Jibrâily (as) dia hanao (bay'ah) fanekem-pankatoavana an'ilay Imâmo (as) no sady hamaky an'ilay andininy faha-81 ao amin'ny sourat al-Isrâ (17) izay manao hoe:

جَاءَ الْحَقُّ وَزَهَقَ الْبَاطِلُ إِنَّ الْبَاطِلَ كَانَ زَهُوقاً

« **Tonga ny fahamarinana dia nanjavona ny fahadisoana satria ny fahadisoana dia natao mba hanjavona** », ka hanambara amin'izao tontolo izao hanao hoe : "**Indro efa tonga izao ilay Mpanavotra, ary aoka ianareo mba hanampy azy !**"

Rehefa tonga tao Makka moa ny Imâmo al-Mahdî (as) dia hijoro eo anelanelan'ny "**zoro an-kavanana" (Rokn al-Yamânî**) sy ny "**fitsanganan'ny Mpaminany Abrahama (as)" (Maqâm Ibrâhim**) izy ary hisy teny anankidimy horesahany amin'ny fiteny arabo, kanefa ireo olombelona rehetra maneran-tany dia haheno izany teny izany amin'ny fomba fitenin'izy ireo, ka ireto avy izany teny anankidimy izany:

ألا يا أهل العالم أنا الإمام القائم

Ny voalohany dia hoe: "**Ô ry izao tontolo izao, izaho no Imâmo Qâim (izay hampijoro ny Fanjakan'ny lanitra).**"

ألا يا أهل العالم أنا الصمصام المنتقم

Ny faharoa dia hoe: "**Ô ry izao tontolo izao, izaho no sabatra maranitra mpamaly faty** (ho an'ireo izay nampijaliana teto ambony tany)"

Izany moa dia mifanaraka tsara amin'ny voalazan'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Sajdah (32) andininy faha-22 manao hoe :

إِنَّا مِنْ الْمُجْرِمِينَ مُنتَقِمُونَ.

«**Tena marina fa Izahay dia hamaly faty tokoa an'ireo mpanao ratsy.** »

Fa ireo mpanao ratsy ireo teto ambony tany dia nanao izay sitrapon'izy ireo tanteraka tamin'ny asa ratsy sy fanaovana tsindry hazolena ka tsy nisy afaka nanohitra azy ireo ; ary ankehitriny kosa ilay Imâmo (as) dia hijoro, hanao valifaty amin'izy ireo ho an'ny olona rehetra tsy ankanavaka izay niharan'ny asa ratsy sy fampahoriana nataon'izy ireo.

ألا يا أهل العالم إن جدي الحسين (عليه السلام) قتلوه عطشاناً

Ny fahatelo dia hoe: “**Ô ry izao tontolo izao, ny Raibeko ny Imâmo Hoseny (as) no novonoin’izy ireo tao anatin’ny hetaheta.**”

ألا يا أهل العالم إن جدي الحسين (عليه السلام) طرحوه عرياناً

Ny fahefatra dia hoe: “**Ô ry izao tontolo izao, ny Raibeko ny Imâmo Hoseny (as) no navelan’izy ireo tsy nampitafian-damba akory ny vatany mangatsiaka.**”

ألا يا أهل العالم إن جدي الحسين (عليه السلام) سحقوه عُدواناً

Ny fahadimy farany dia hoe: “**Ô ry izao tontolo izao, ny Raibeko ny Imâmo Hoseny (as) no nopotipotehin’izy ireo tamin’ny herisetra tamin’ny alalan’ny fanitsakitsahan’ireo soavaly ny vatany mangatsiaka.**”

Aorian’izany, ankoatr’ireo As’hâbo 313 dia hisy mpanampy miisa 10.000 no tonga hamaly ny antso voalohany nataon’ilay Imâmo (as). Na aiza na aiza no toerana misy ny tsirairay amin’ireo mpanampy ireo, dia manao dingana indray mandeha sy fanindroany fotsiny izy ireo dia tonga avy hatrany ao Makka. Isika dia tsy mahafantatra amin’ny fomba ahoana no ahafahan’izy ireo manatanteraka izany hafainganam-pandeha tahaka izany, fa kosa ao amin’ny boky masina Kor’âny, sourat al-Baqarah (2) dia misy andininy faha-148 izay milaza manao hoe:

أَيْنَ مَا تَكُونُوا يَأْتِ بِكُمْ اللَّهُ جَمِيعاً إِنَّ اللَّهَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ.

« **Na aiza na aiza no misy anareo dia ho tantanan'i Allâh ho any Aminy avokoa ianareo rehetra. Tena marina i Allâh dia Mahefa ny zava-drehetra.** »

Iaraha-mahalala moa fa ireo andininy ao amin'ny Kor'âny masina dia misy hevitra ivelany sy ny hevitra ao anatiny, ka ny hevitr'ity andininy ity avy ivelany dia manambara ny zava-hiseho any amin'ny andro farany izay hanangonan'i Allâh (swt) eo amin'ny toerana iray Fitsanganan'ireo olombelona rehetra tsy ankavanaka amin'ny maty (amin'ny andron'ny Kyâmat) manomboka amin'ny Mpaminany Adama (as) ka hatramin'ny taranany farany, na aiza na aiza ny toerana nisy azy ireo teto an-tany.

Fa ny hevitra avy ao anatiny kosa dia manambara ny zava-hiseho amin'ny fahatongavan'ireo mpanampin'ny Imâmo al-Mahdî (as) miisa 10.000 ao Makka avy any amin'ny toerana misy azy ireo tsirairay. Ireo mpanampy ireo moa dia izay nanana fahavonana arak'ireo fepetra notakiana nandritra ny vanim-potoanan'ny Fanjavonana (al-Ghaybat) toy ny fananana fahatahorana an'Andriamanitra ka nahatonga azy ireo nahazo voninahitra ambony, fa na aiza na aiza no toerana misy azy ireo dia hanao dingana indray mandeha sy fanindroany fotsiny izy ireo dia tsy maintsy ho tonga ao Makka amin'ny alalan'ny Fahefan'i Allâh (swt).

Ankoatr'izany, dia ho tonga ihany koa ireo As'hâb al-Kahf izay efa natory tao anatin'ilay lavabato hatramin'izay ela be izay dia hatsangan'i Allâh (swt) izy ireo mba hanampy an'ilay Imâmo (as).

Aorian'izany, ilay Imâmo (as) dia ho any Madîna mba hanamboatra an'ireo zavatra nosimbain'i Sofianî toy ny fasan'ilay Mpaminany (saw) izay efa nopotehiny. Avy eo ilay Imâmo (as) dia hanao toriteny sy hiresaka mikasika ny finoana Islâmo nentin'ilay Mpaminany farany (saw) izay milevina eto Madîna. Rehefa vita izany dia hitodi-doha ho any Kofa indray ilay Imâmo (as) ary misy hadith milaza mikasika izany manao hoe:

يُصْلِحُ اللهُ أَمرَهُ فِي لَيلَةٍ

"**Hatsarain'i Allâh ny raharahany ao anatin'ny alina iray.**"

Izany hoe, ireo raharahan'ilay Imâmo (as) rehetra dia hovain'i Allâh (swt) sy hatsarainy ao anatin'ny alina iray monja. Ohatra, raha misy toerana iray tsy ahitana fanompoam-pivavahana iraisan'ny daholo be (salât jama'at) dia amin'ny alina iray fotsiny i Allâh (swt) no manova izany, ary rehefa tonga ny maraina dia olona miisa aman'alina maro no tonga tsy ampoizina manao "salât jama'at" ao amin'io toerana io.

Rehefa tonga ao Kofa ilay Imâmo (as) dia hiditra ao amin'ny Masjid-Kofa izay toerana namonoana ho maritiora an'ny Imâmo Aly (as), ary hiakatra eo ambony polpitran'ny Imâmo Aly (as) (mim'bar) izy ka hitoriteny. Taorian'ny Imâmo Aly (as) tamin'ny taona faha-40H dia tsy nisy Imâmo ma'asomo intsony no

niakatra teo ambon'izany "mim'bar" izany raha tsy izao Imâmo al-Mahdî (as) izao indray. Amin'io fotona io ny Imâmo al-Mahdî (as) dia hitoriteny momba ny fitantarana ny fahoriana nianjady tamin'ireo Ahlol-Bayt (as), manomboka amin'ilay Mpaminany (saw) razambeny ka hatramin'ny Imâmo Hasany al-'Askarî (as) izay rainy. Koa dia haheno izany toriteny izany avokoa ny olombelona rehetra ka hitomany amin'ny fitantarana an'ireo fahoriana rehetra ireo, indrindra moa fa ny fahoriana nanjo an'ny H Aly Asghâr (as) dia tena hampitomany fatratra an'izao tontolo izao. Izany dia hiteraka fitolomana maneran-tany ka ho maro ny firenena hanampy an'ilay Imâmo (as) amin'izany fotoana izany. Aorian'izany ilay Imâmo (as) dia handefa ireo solotenany avy amin'ireo As'hâbo 313 manerana an'izao tontolo izao ka hitsangana avy amin'izany ny Fankan'ny lanitra. Ireo As'hâbo 313 ireo dia ahitana karazan'olona samihafa toy ny afrikanina sy ny arabo sy ny iraniana sy ny sinoa sy ny Indiana sy ireo vazaha …sns, sahala amin'ireo sahaba tamin'ny andron'ilay Irak'i Allâh (saw) dia nahitana karazan'olona samihafa ihany koa toa an'ny H Salmân Farsî (as) izay iraniana, sy ny H Bilâl (as) izay afrikanina avy ao Etiopia sy ny H Sho'ayb (as) izay romanina.

Ireo As'hâbo 313 ireo no ho toy ny governora hitantana ny faritra izay handefasana azy ireo, ary ny tanànan'i Kofa no lasa ho renivohi-panjakana manaren-tany.

Rehefa afaka izany dia ho any Jerosalema ilay Imâmo (as). Nony tonga ny fotoam-pivavahana amin'ny

hariva (maghrib) dia hiteny ireo mpanaradia amin'ilay Imâmo (as) hoe: "**Mandrosoa ianao ry zanak'ilay Irak'i Allâh (saw) fa efa tonga ny fotoam-pivavahana!**" Fa hiteny ilay Imâmo (as) hoe: "**Andraso aloha fa efa ho avy ilay sakaizako!**" Tsy tapitapitr'izay tokoa dia hitan'izao tontolo izao ny fahatongavan'ny Mpaminany Jesosy (as) midina avy any an-danitra. Avy eo dia hiteny aminy ilay Imâmo (as) hoe: "**Mandrosoa ianao hitarika ny fivavahana (salât)!**" Nefa hamaly ny Mpaminany Jesosy (as) hiteny hoe: "**Azafady ry zanak'ilay Irak'i Allâh (saw) fa ianao no mitarika fa izaho mivavaka eo aorianao!**"

Rehefa mahita an'ny Mpaminany Jesosy (as) mivavaka manao salât eo aorian'ilay Imâmo (as) ireo namana hajaina kristiana dia ho resy lahatra hanaraka izany fomba fivavahan'ny Mpaminany Jesosy (as) izany izy ireo, ka tanteraka ilay andininy faha-2 ao amin'ny sourat al-Nasr (110) izay milaza manao hoe:

وَرَأَيْتَ النَّاسَ يَدْخُلُونَ فِي دِينِ اللَّهِ أَفْوَاجاً

« **Ary hahita andian'olona maro hiditra ao amin'ny finoan'i Allâh ianao.** »

Rehefa mahita an'ireo kristiana maneran-tany maro be miditra ao anatin'ny finoan'i Allâh (swt) ny satana dia ho tezitra ka hamoaka an'ilay antsoina hoe Dajjâl (anti-christ) fahavalon'ny Mpaminany Jesosy (as), ary hampisy korontana (fitnah) farany mahery vaika izy mandritra ny 40 andro. Koa dia mangataka fiarovana avy amin'i Allâh (swt) isika mba tsy ho anisan'ireo izay very làlana vokatr'izany fanakorontanana hataon'ilay Dajjâl izany. Fa aorian'izany 40 andro izany dia hovonoin'ny

Mpaminany Josesy (as) ilay Dajjâl (na ilay Bibidia tokamaso) amin'ny alalan'ny fitaovam-piadiana vita amin'ny hazavana.

Arak'izany dia ilaina ny fanaovantsika vavaka na do'â mahery kokoa, satria ny do'â no fitaovam-piadian'ireo mpino amin'izao vanim-potoana efa mihasarotra izao; satria iza tokoa moa no mahalala ny mety hiafaran'izao tontolo izao amin'ireo ady lehibe ifanandrinan'ny firenena samy firenena izao, izay mitarika ny tsy fandriam-pahalemana sy ny mosary sy ny aretina sy ireo fahasahiranana maro samihafa; fa misy hadith iray efa nilaza tamintsika hoe:

اذا أقبل عليكم الفِتَنُ كالليل مظلم فعليكم بالقرآن فإنّه شافي مشفى

"**Rehefa tonga eo aminareo ny olana saro-bahana toy ny alina maizin-kitroka dia aoka ianareo hitazona tsara ny Kor'âny satria izy io no mpanasitrana sy mpamaha ny olana.**"

Midika izany fa ilaina dia tena ilaina ny fifikirana amin'ny Kor'âny masina sy ireo Ahlol-Bayt (as) izay sambofiaran'ny fanavotana, ka izay mitaingina azy dia ho avotra fa izay mitsipaka azy kosa dia ho rendrika. Ary izany moa dia ampiarahana amin'ny fanaovana do'â izay fitaovam-piadian'ireo mpino, fa rehefa misy fahavalo manafika, manao haratsiana sy mampahory antsika dia entina am-bavaka sy ankinina amin'Andriamanitra foana izany fa Izy Andriamanitra irery ihany no mahalala izay fomba fiarovany antsika sy hamaliany faty an'izany fahavalo izany ho antsika; fa ireo izay manana fahatahorana an'Andriamanitra ihany no ho tsara

fiafarana, araka ny voalazan'i Allâh (swt) ao amin'ny Kor'âny masina sourat al-A'arâf (7) andininy faha-128 manao hoe: وَالْعَاقِبَةُ لِلْمُتَّقِينَ « **Ary ny fiafarana tsara dia ho an'ireo izay matahotra an'Andriamanitra.** »

Anisan'ny tombontsoa ho azon'izao tontolo izao aorian'io fahatongavan'ny Imâmo al-Mahdî (as) io dia ny fiainana feno fandriam-pahalemana tanteraka sy hanjakan'ny rariny sy ny fahamarinana zato isan-jato, ary koa ny fahalavan'ny fetr'andro iainana izay hahitana hatrany amin'ny zafy fahafito kanefa ilay razambe amin'izany fotoana izany dia mbola ao anatin'ny fahasalamana sy fahatanjahana tantareka. Tsy hisy intsony ny olona sahirana ara-pivelomana fa hahita ny sakafony avokoa ny tsirairay. Ireo mpandoa ny khoms (ampahadimin-karena) sy ny zakat (hetra masina) ary ny sadaqah (fanomezana masina) avy aty Afrika dia hitety an'izao tontolo izao mba hitady izay olona sahirana "Mohtaj" mendrika omena izany fanomezana izany kanefa dia tsy hahita mihitsy izy ireo na dia olona iray aza.

Ny harena an-kibon'ny tany amin'izany fotoana izany dia tsy mila trandrahana intsony fa avy hatrany dia ilay tany ihany no mamoaka izay harena avy ao aminy. Ny fahasoavana avy any an-danitra dia mirotsaka ho azy eto ambony tany. Ny olombelona dia hanompo an'i Allâh (swt) tsy misy tebiteby fa mifantoka tanteraka amin'ny fanompoana an'Andriamanitra tokana, araka ny voalazan'ny sourat al-Noor (24) andininy faha-55 manao hoe:

وَعَدَ اللَّهُ الَّذِينَ آمَنُوا مِنْكُمْ وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَيَسْتَخْلِفَنَّهُم فِي الأَرْضِ كَمَا اسْتَخْلَفَ الَّذِينَ مِنْ قَبْلِهِمْ وَلَيُمَكِّنَنَّ لَهُمْ دِينَهُمْ الَّذِي ارْتَضَى لَهُمْ وَلَيُبَدِّلَنَّهُمْ مِنْ بَعْدِ خَوْفِهِمْ أَمْناً يَعْبُدُونَنِي لا يُشْرِكُونَ بِي شَيْئاً وَمَنْ كَفَرَ بَعْدَ ذَلِكَ فَأُوْلَئِكَ هُمْ الْفَاسِقُونَ.

« **Nampanantena an'ireo mpino sy ireo nanao asa soa i Allâh fa homeny azy ireo ny fifandimbiasam-pitondrana ety ambon'ny tany, tahaka ny nanomezany izany an'ireo talohan'izy ireo. Homeny hery sy fahamboniana ny finoan'izy ireo, izay ankasitrahany ho azy ireo. Ovainy ho fandriam-pahalemana ny tahotr'izy ireo teo aloha. Izy ireo dia hanompo Ahy fa tsy mba hampitambatra Ahy na amin'inona na amin'inona; fa izay tsy mino aorian'izany kosa dia izy ireny no olon-dratsy.** »

Ny olona rehetra dia afaka mifanerasera sy mivezivezy amin'ny toerana rehetra manerana an'izao tontolo izao, izay tiany haleha fa tsy mila pasipaoro intsony na fahazoan-dàlana manokana. Ary isaky ny toerana fivantanana dia efa voaomana ny sakafo sy ny toerana fatoriana.

Misy manam-pahaizana milaza fa ilay Saha Edena miendrika Paradisa namboarin'ny mpanjaka iray antsoina hoe Sadâd tamin'izany fotoana izany, izay nafenin'i Allâh (swt) dia hasehony indray ka hataon'ireo mpino ho toeram-pialokalofana sy fitsangatsanganana.

Rehefa mahita izany fiadanana tafahoatra izany moa ny olombelona dia hiteny hanao hoe:

“**Ô ry Andriamanitra! Nahoana ankehitriny vao nomena anay izao fiadanana efa nangatahinay hatramin’ny ela izao?!**”

Koa enga anie isika rehetra mba ho anisan’ireo izay ho tafiditra ao amin’izany fanjakan’ny lanitra izany!

*** * * * ***

## Ho fieritreretana
## Mikasika ny “Zanak’olona”
## (Fils de l’homme)

Ho famaranana an’ity boky ity dia indro misy andininy ao amin’ny Evanjely, araka ny voalaza ao amin’i Matio toko faha-16 andininy faha27-28 manambara manao hoe: “**Fa ho avy ny Zanak'olona amin'ny voninahitry ny Rainy, mbamin'ny anjeliny, dia hamaly ny olona rehetra araka ny nataony. Lazaiko aminareo marina tokoa: Misy ny sasany eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny Zanak'olona avy amin'ny fanjakany**.”

Maro ireo andininy ahitana ny anarana hoe Zanak’olona ao amin’ny Baiboly masina izay samy manana dikany avy izy ireo, fa io andininy iray eo ambony io dia santionany fotsiny mba ho entintsika mieritreritra amin’izay tena dikan’ilay teny hoe Zanak’olona.

Mazava ho azy fa ilay Zanak’olona tiana ho lazaina eto amin’ity andininy ity dia ny Imâmo al-Mahdî (as) satria Izy tokoa no mbola ho avy hitondra ny

voninahitry ny Mpaminany farany (saw) izay Rainy miaraka amin'ilay Anjely Jibrâil (as) izay hanao fanekem-pankatoavana Azy, ary Izy (as) dia hamaly ny olona rehetra arak'izay asa nataony na asa tsara izany na asa ratsy. Koa izay olona nanao asa soa sy nanana fahatahorana an'Andriamanitra dia mety hahazo fahombiazana hahitamaso an'ilay Zanak'olona (Imâmo Mahdî -as-) ka hampidiriny ao amin'ny fanjakany dia ilay Fanjakan'ny lanitra.

Ary raha misy milaza fa ny Mpaminany Jesosy (as) no tiana hambara amin'io Zanak'olona io dia tsy mitombona izany satria eo amin'ny rahalahy Kristiana hajaina ny Mpaminany Jesosy dia lazaina fa zanak'Andriamanitra; fa kosa eo amin'ny islâmo Izy dia lazaina fa zanaky ny H Maryam (as) na Maria izay olombelona ihany, koa tsy misy fanazavana hafa mitombona azo iantsoana an'io Zanak'olona io afa-tsy ilay Imâmo al-Mahdî (as).

*** * * * ***

ولله الحمد والحمد لله ربّ العالمين

**Ny adidin'ireo mpino**
**Mandritra ny fotoam-panjavonan'ny**
**Imâmo faha-12, Hazrat al-Mahdî (as)**
Araka ny voalazan'ilay Marja lehibe
Sayyed Alî Housseinî Sistanî
(*Omen'i Allâh androm-piainana lava anie izy!*)
Nâib 'Amm an'ilay Imâmo faha-12 (as)
Amin'izao fotoanan'ny Fanjavonana lehibe izao.

**Ny torohevitry ny Andriamatoa hajaina,**
**Sayyed Alî Sistanî (ho ela velona anie izy)**
**Amin'ireo mpino mandritra izao vanim-potoanan'ny**
**fanjavonan'ny Imâmo al-Mahdî (as) izao.**

بسم الله الرحمن الرحيم

Ny Biraon'ny Andriamatoa hajaina, ilay Marja lehibe,
Sayyed Alî al-Sistanî (ho ela velona anie izy),

السلام عليكم ورحمة الله وبركاته

Afaka andro vitsivitsy, ny tsingerin'andro nahaterahan'ny Imâmo al-Mahdî (*enga anie i Allâh hanafaingana ny Fisehoany*) dia hankalazaina amin'ny fisasahan'ny volana Sha'abân; ary amin'ity fotoam-pifaliana ity dia manantena isika fa ny Sayyed lehibentsika, ilay Marja lehibe, dia hilaza amintsika ny heviny momba ny adidin'ireo mpanaradian'ireo Ahlol-

Bayt (as) mandritra ny fotoanan'ny fanjavonan'ilay Imâmo (as).

بسمه تعالی

Ireo mpino (*enga anie i Allâh Tsitoha hanome voninahitra ho azy ireo*) dia tokony tsy hanadino mandrakariva fa ny Imâmo al-Mahdî (as) no Imâmo nofidin'i Allâh (swt) ho azy ireo amin'izao vanim-potoana izao.

Kanefa ny Fahendren'Andriamanitra no nahatonga azy natao tsy ho hitan'ny maso mandra-pahazoany alalana hiseho indray.

Izany no antony, ankoatra ny adidy mba hahafantatra sy hanaiky ary ny hitia azy (as), dia tokony hivavaka mafy ho azy koa izy ireo, ao anatin'ny fifankatiavana sy fivondronan'izy ireo, ary tokony hanome hasina manokana an'ireo fombafombam-pinoana izay mamelona ny fahatsiarovana azy sy ny fahatsiarovana an'ireo rainy, sy izay niaretan'izy ireo teo ambany fahefan'ireo olon-dratsy.

Izy ireo koa dia tokony hahatsiaro ny fijaliany sy ny fahoriany izay iaretany (as) amin'ny fanjavonany, amin'ny tsy rariny izay hitany sy amin'ny kolikoly miely maneran-tany, sy amin'ny faniriany mba ho tonga hampahitsy an'izay nivily làlana amin'ny finoan'i Allâh (swt) sy hametraka ny rariny avy amin'i Allâh (swt) eo amin'ireo mpanompony.

Ary aoka ho fantatr'ireo mpino, fa izy ireo indrindra no iantefan'ny fitiavany sy ireo fiahiany manokana, fa izy (as) dia tsara fanahy amin'izy ireo

kokoa mihoatra ny ray aman-drenin'izy ireo, ary izy (as) dia miahy ny raharaha sy ny fiainan'izy ireo, izy (as) dia nanolo-tena mba hivavaka amin'i Allâh (swt) ho azy ireo sy mba hikarakara azy ireo, noho izany izy ireo dia tokony hitalaho amin'i Allâh (swt) amin'ny alalan'ny fanelanelanana avy aminy, mba hahazoana an'ireo fangatahana sy ireo vahaolana.

Aoka izy ireo mba hiandry ny fahatongavany, ampitalahoana amin'i Allâh (swt) ny fahafahany (as) hiseho sy ny fahafahan'ny firenena amin'ny alalan'ny fisehoany (as), ka miomana ho azy miaraka amin'ny fahiratan-tsaina tanteraka sy fahaiza-manavaka, miaraka amin'ny fahatokisana sy tena fankatoavana mendrika.

Aoka izy ireo hifantoka tsara amin'ny fankatoavana azy sy ny fahazoana ny fankasitrahany ary hisoroka amin'ny fanoherana azy sy ny fahatezerany, satria ny fankatoavana azy dia fankatoavana an'i Allâh (swt) ary ny fahafaham-pony dia anisan'ny fahafaham-pon'i Allâh Ilay Be Voninahitra, sahala amin'izany koa ny fanoherana azy sy ny fahatezerany dia fanoherana sy fahatezearan'i Allâh (swt).

Ny fankatoavana azy (as) dia azo avy amin'ny fitazomana ny fananam-pinoana sy ny fomba finoana marina, sy azo avy amin'ny fianarana an'ireo adidy ara-pinoana izay nandidian'i Allâh Tsitoha sy ilay Irany (saw) ary ireo Imâmo (as) antsika, avy eo dia manatanteraka izany (didy izany), ary mazoto amin'izany, sy manao fanadiovam-panahy arak'izay nampitain'izy ireo tamintsika, ary manaiky sy manana

ny fitondrantena tsara araka ny fitondrantenan'izy ireo ary dia manaraka ny fitarihan'izy ireo.

Ny tsirairay dia tokony hiezaka miaraka amin'ny fitondrantenany, ny herim-pony sy ireo toroheviny, mba ho haingo ho azy ireo fa tsy ho loharanon'ny fahafahambaraka ho azy ireo. Arak'izany izy ireo dia tokony hanaraka ireo fampianaran'ny làlana masina, amin'ny fanatanterahana an'ireo adidy, sy amin'ny fanalavirana an'ireo fahotana sy ny fahalotoam-pitondrantena, sy amin'ny fanehoana ny fahamendrehana ara-pitondrantena toy ny hatsaram-panahy, ireo fahalalampomba tsara, ny tsy fanaovana ratsy amin'ny hafa, ny fahadiovam-pitenenana, ny bika aman'endrika sy ny fihetsika, ary manampy an'ireo marefo, ireo mahantra, ireo kamboty sy ireo sahirana, ary koa manana fiantrana amin'ireo ray aman-dreny sy mitandro ny fifamatorana ara-pihavanana, fa ao anatin'izany rehetra izany no misy ny fahafam-pon'i Allâh Ilay Tsitoha sy ilay Irany (saw), sy ao anatin'izany rehetra izany no misy fifalian'ilay Imâmo (as), ary ao anatin'izany no ahitana ny tsara indrindra eto an-tany sy any ankoatra.

Ary aoka ireo mpino mba hifanampy mandritra ny vanim-potoanan'ny fanjavonana, araka ny fahadiovam-po takiana eo amin'izy ireo, ao anatin'ny fahitsiana sy ny fananam-pinoana, ary aoka izy ireo mba hifampitaona amin'ny fahamarinana sy amin'ny fiaretana, ary koa hitandrina amin'ny fisavoritahana, sy amin'ny fisaratsarahana sy amin'ny fifankahalana eo amin'ny samy izy ireo.

Aoka ireo manan-katao, izay nomen'i Allâh Ilay Tsitoha ny Fahasoavany mba halala-tànana sy hanampy an'ireo mahantra, ireo sahirana, ireo marefo, amin'ny alalan'ny fandoavan'izy ireo ny hetra ara-pinoana sy izay rehetra ilaina (amin'ny fanampiana isankarazany) arakarak'ireo zavatra ilain'ny sahirana, sy izay takian'ny làlanan'ny fiantrana. Fa izay manampy iray amin'ireo mpanaradiany dia sahala amin'ny nanampy an'ilay Imâmo (as). Fa izy rehetra ireo dia sahala amin'ny fianakaviany avokoa, saingy i Allâh (swt) dia nisafidy ny fanjavonany mandritra ny fe-potoana voafetra.

Ary ireo mpino dia mila mitandrina mba tsy ho tafalatsaka ao anatin'ireo fisalasalana mamitaka sy ny fisaraham-bazana manimba (fa amin'ny alalan'izany no hitsapana ny olona) izay hifanojo amin'ny vanim-potoanan'ny fanjavonany, ka ny tena loza amin'izany dia izay hanimba ny foto-pampianarana, sy izay mitarika amin'ny fanalavirana ny finoana na amin'ny fahaverezan'izy ireo (fiadanana anie ho azy ireo).

Anisan'ireo loza ireo, dia ny filatsahana ao anatin'ny fandrik'ireo izay milaza ny tenan'izy ireo ho solotena manokana (an'ilay Imâmo -as-) na izay mihevitra ho manana fifandraisana sy mampita toromarika manokana avy aminy (as). Izy ireo dia jiolahy izay manakorontana ny finoana shiita, izay milaza azy ireo ho mpomba an'ireo Ahlol-Bayt (as).

Ny adidy tsy isalasalana mikasika an'ity foto-pampianarana (Shia Ithna Ath'ari) ity, toy ny efa

nitranga, dia ny fomba amam-panao nosintomin'ireo mpino rehetra, nandritra ny taon-jato faharoa ambin'ny folo tamin'ny fanjavonany, (sy izay mifanaraka) amin'izay nolazainy (as) tamin'ireo mpanaradiany sy ireo mpianany, mba hiverina amin'ny manam-pahaizana (faqih) iray (izay mpitsara sy manam-pahalalana momba ireo lalàna islamika) eo amin'ny lafiny finoana, dia izay manam-pahalalana indrindra amin'ireo manam-pahaizana (foqahâ), olo-marina sy vontom-pinoana amin'ireo shiita, izay manaraka ny làlana sy ny fitarihan'izy ireo. Fa ireo manam-pahaizana (foqahâ) ireo, no vavolombelony eo anatrehan'ireo mpanaradia ary izy (as) kosa no vavolombelon'i Allâh (swt) eo anatrehan'ny olombelona rehetra.

Anisan'ireo fivilian-dàlana manimba ihany koa dia miseho amin'ny fiantsoan'(ny sasany) mba hiverina amin'izay rehetra nolazain'ireo Imâmo (as) nefa tsy manana fahalalana, na fahaiza-manao akory, no sady tsy manana fahafahana manavaka ny marina sy ny diso (amin'ireo hadith nolazain'izy ireo) na manao famakafakana lalina, mba hahatonga an'ireo tsy ampy fahalalana hanaraka ny làlan'izy ireo. Ny famakafakana lalina sy ny fanavahana (ny marina sy ny diso) dia asan'ireo manam-pahaizana ('Olamah) izay manana fahalalana manokana amin'io sehatra io.

Ankoatr'izany, anisan'ireo hevi-diso manimba, dia ny fandavana ireo fototra sy ireo fitsipiky ny finoana, na inona na inona ireo fisalasalana momba izany, ary na

iza na iza mahita fa sarotra ny mampihatra ny iray amin'ireo fampianarana ireo, dia tsy tokony ho maika handà izany, na hamerina izany ho dinihina indray, satria izay tsy mankato dia mahazo fahotana iray, fa kosa izay mametraka ireo olona ao anatin'ny fisalasalana dia mahazo fahotana anankiroa.

Ary aoka izy ireo hitandrina amin'ny filazana mialoha ny fotoana hisehoany na izay misy fifandraisany amin'izany, na inona na inona ny fieritreretan'izy ireo, ary izany moa dia mifanaraka amin'ny fandraràna (nataon'ireo Imâmo -as- ireo) mikasika izany (faminavinàna ny fisehoany izany) sy mitsipaka an'ireo izay manao faminaniana momba ny daty hiverenany.

Ny zava-niainana miverimberina mikasika an'ity filazana ity imbetsaka teo amin'ny tantara dia manamporofo fa ireo lainga sy ireo fieritreretan'izy ireo dia diso ihany amin'ny farany.

Aoka ho fantatr'ireo mpino fa ny fomba tsara indrindra hiandrasana ny fisehoany (as) dia ny fandinihana izay efa voalaza teo aloha ary izany no ho porofon'ny fahamarinany amin'ny faniriany te hahita an'ilay Imâmo (as) sy amin'ny fankatoavana ny didiny sy fanohanany azy. Na iza na iza no maniry amin-kitsimpo (te hiaraka amin'ilay Imâmo -as-), koa raha tsy avelan'i Allâh Ilay Tsitoha hahita azy (as) araka ny didiny izy, dia hatsangana amin'ny maty miaraka amin'ireo izay efa nahita azy (as), ireo izay nankato sy nanampy azy (as), sy hahazo valisoa izy mitovy amin'ny valisoan'izy ireo, ary izany dia tena fahombiazana lehibe.

Andriamanitro ô, mangataka Aminao fanjakana iray mihaja izahay, izay hanamafisanao ny Islâmo sy ireo mpanaraka azy, sy hanambanianao ny fihatsarambelatsihy sy ireo mpomba azy, ary ao anatin'izany no ametrahanao anay ho anisan'ireo miantso amin'ny fankatoavana Anao sy mitarika mankany amin'ny làlanao. Ary amin'ny alalan'izany no anomezanao anay ny voninahitra eto an-tany sy any ankoatra.

Andriamanitro ô, omeo tso-drano anie ilay Mpiahy avy Aminao, ilay Hojjah Ibn al-Hassan, Imâmo faha-12, H. al-Mahdî (as), amin'ny tso-drano feno fahasoavana sy lafatra ary madio, izay tsara kokoa mihoatra ny tso-drano nomenao iray amin'ireo olona akaikinao.

Andriamanitro ô, aoka Ianao mba ho Mpiahy, ho Mpitarika, ho Mpiaro, ho Mpanavotra azy (as) mandra-pametrahanao azy eto an-tany arak'izay sitraponao, sy hamela azy (as) hanana fiainana finaritra maharitra.

Andriamanitro ô, ambino izahay mba hahazo ny fitiavany, ny famindrampony, ny firariantsoany sy ireo fitahiany, ka amin'ny alalan'izany no ahazoanay ny haben'ny Famindramponao sy ny fahombiazanay eo anatrehanao, satria Ianao no Mahefa ny zava-drehetra.

**Ny Biraon'ny Sayyed Sistanî**
**<u>Ao Najaf Ashraf (Irak)</u>**



# NY FANJAKAN'NY LANITRA

**HAOZAH AL-AHLIL-BAYT (A.S)**

**INISMA**

**Antananarivo (101)**